



**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Fitiafana - Tanindrazana - Fandrosoana

**LALANA FAHA 2016-055 TAMIN'NY  
25 JANOARY 2017  
MOMBA NY FEHEZAN-DALANA MIFEHY  
NY TSENAMBARO-PANJAKANA**

**LOI N° 2016-055 DU 25 JANVIER 2017  
PORTANT CODE DES MARCHÉS PUBLICS**

**Autorité de Régulation des  
Marchés Publics**

*Febroary 2017*



## **AVANT-PROPOS**

Après l'institutionnalisation du Code des Marchés Publics en 2004, toutes les parties prenantes dans le système des marchés publics à Madagascar ont manifesté leurs intérêts depuis 2011 à adapter la passation de marché à Madagascar aux exigences nationales et aux pratiques internationales.

.De ce fait, la Loi de 2004 régissant les procédures en marchés publics a connu quelques amendements et modifications dans certaines dispositions après une décennie d'existence. Ces modifications et améliorations se sont matérialisées à travers la Loi N°2016-055 du 25 janvier 2017 portant Code des Marchés Publics. Ce cadre législatif est désormais disponible à tout public en version Malagasy et Française.

Par conséquent, l'Autorité de Régulation des Marchés Publics a conçu ce document qui met en relief chaque disposition respectivement en version Malagasy et Française. Cet outil facilite la lecture et la compréhension du contenu de ce nouveau cadre législatif.

Bonne lecture.

<h2 style="text-align: center;">CODE DES MARCHÉS PUBLICS</h2>	<h2 style="text-align: center;">FEHEZAN-DALÀNA MIFEHY NY TSENAMBARO-PANJAKANA</h2>
<p><b>Article premier.- Définitions</b></p> <p>Aux fins du présent code, l'on entend par :</p> <p>« <b>Accord-cadre</b> » ou « <b>contrat-cadre</b> », les contrats conclus par un ou plusieurs acheteurs avec un ou plusieurs opérateurs économiques ayant pour objet d'établir les règles relatives aux bons de commande à émettre ou les termes régissant les marchés à passer au cours d'une période donnée, notamment en ce qui concerne les prix et, le cas échéant, les quantités et les qualités envisagées ;</p> <p>« <b>Achat public</b> », quel que soit l'origine du financement, ensemble des achats réalisés par les services de l'Etat, les collectivités territoriales et leurs établissements publics, les organismes de droit public, les sociétés à participation majoritaire publique, pour la satisfaction de leurs besoins et ceux des destinataires de l'action ou des politiques publiques. Ces achats sont conclus par des contrats, des marchés ou des conventions. Les marchés publics sont ainsi des achats publics ;</p> <p>« <b>Acheteur</b> », l'Autorité Contractante achetant, pour le compte de la personne publique, les fournitures et les services connexes, qui est identifiée dans les Données Particulières de l'Appel d'Offres ;</p> <p>« <b>Appel d'offres international</b> », l'appel d'offres ouvert à tous les candidats éligibles, sans considération de nationalité ni d'implantation géographique, par voie de publicité sur des supports à portée internationale ;</p>	<p><b>Andininy voalohany.- Famaritana</b></p> <p>Ho an'ity fehezan-dalàna ity, ny antsoina hoe :</p> <p>« <b>Fifanarahana lasitra</b> » na « <b>fifanekena lasitra</b> », fifanekena ifanaovan'ny mpividy iray na maromaro amin'ny mpandraharaha ara-toekarena iray na maromaro mba hametrahana ny fitsipika mikasika ny taratasy fanafarana entana na ny rijan-teny mifehy ny fifampiraharham-barotra mandritra ny fepotoana iray, indrindra ny mikasika ny vidiny ary koa ny habetsahany sy ny kalitaony raha ilaina izany.</p> <p>« <b>Fividianana ataon'ny Fanjakana</b> », fitambaran'ny fividianana, na avy aiza na avy aiza ny fiavian'ny famatsiam-bola, ataon'ny sampan-draharaham-panjakana, ny vondrombahoakam-paritra sy ireo antokon-draharaham-panjakana ao aminy, ny vondron-draharaha fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe, ny orinasa ananan'ny Fanjakana petra-bola be indrindra, hanomezana fahafaham-po ny filàny sy ny an'ny mpisitraka araka izay voafaritry ny politikam-panjakana. Fifanekena, na fifampiraharham-barotra, na fifanarahana no andraiketana ireo fividianana ireo. Araka izany, ny Tsenambaro-panjakana dia fividianana ataon'ny Fanjakana.</p> <p>« <b>Mpividy</b> », ny Manamahefa mpandraiki-barotra voalaza ao amin'ny Tahirin-kevitra Manokan'ny Fitaomana hanao Tolo-bidy, izay nanao ny Fifanekena mikasika ny fividianana kojakoja sy fisahanan-draharaha mifandraika amin'izany ;</p> <p>« <b>Fitaomana hanao tolobidy iraisam-pirenena</b> », fitaomana hanao tolobidymisokatra amin'ny mpifaninana rehetra ekena hanao izany, tsy misy fijerena zom-pirenena na fonenana, ka avoaka ho fantatry ny besinimaro amin'ny alàlan'ny fitaovan-tserasera mahenika ny iraisam-pirenena ;</p>

« **Appel d’offres national** », appel d’offres dont la publicité est limitée au niveau national, dans le contexte de la législation nationale, auquel les candidats en dehors du territoire national peuvent néanmoins soumissionner ;

« **Appel d’offres régional** », toute procédure de passation de marchés publics qui se situe dans le seuil défini par voie réglementaire pour la publication des candidatures au niveau des groupements, ou organisations, régionaux ou sous régionaux dont Madagascar fait partie dans le cadre de l’intégration régionale, néanmoins ouverte à tous les candidats intéressés, qu’ils soient nationaux, étrangers, ressortissants ou non des pays membres ;

« **Attributaire** », le Candidat en faveur duquel une décision d’attribuer le Marché a été prise par la Personne Responsable des Marchés Publics, sur proposition de la Commission d’Appel d’Offres.

C’est la personne, opérateur économique ou personne publique, retenue pour l’exécution du marché mais à laquelle la notification de la décision n’a pas encore été effectuée ;

« **Autorité contractante** »,

1°-la personne physique qui agit au nom et pour le compte de la personne publique acheteuse en vue d’acquérir des biens, des services, des prestations intellectuelles et des travaux.

Les autorités contractantes sont ordonnateur principal ou ordonnateurs délégués du budget de la personne publique. Il s’agit du :

- Chef d’Institution, pour les Institutions,
- Ministre, pour les départements ministériels,
- Chef de l’exécutif, pour les Collectivités territoriales décentralisées,

« **Fitaomana hanao tolobidy anatiny** », fitaomana hanao tolobidy ampahafantarina ny besinimaro ary fehezin’ny lalàna misy eo amin’ny Firenena, saingy voafetra ho eo anivon’ny Firenena ihany izany fampahafantarana izany. Na izany aza dia afaka mandray anjara amin’izany ihany koa ny mpifaninana ivelan’ny Firenena.

« **Fitaomana hanao tolobidy isam-paritra** », fandraiketana Tsenambaro-panjakana ka tafiditra ao anaty farafetra voalazan’ny didy amam-pitsipika ary ampahafantarina ny besinimaro mba hahafahan’ny mpifaninana, eo anivon’ny vondrom-paritra na zana-paritra iraisam-pirenena misy an’i Madagasikara, mandray anjara. Misokatra amin’izay mpifaninana liana rehetra ihany koa anefa ny fifaninanana, na teratany, na vahiny, na olom-pirenena na tsia ao amin’ny firenena mpikambana izy ireny.

« **Ny nahazo ny Tsenambaro-panjakana** », ny Mpifaninana izay nahazo ny Tsenambaro-panjakana araka ny fanapahan-kevitra ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, sy ny tolokevitra ny Vaomieran’ny Fitaomana hanao Tolo-bidy.

Izy no olona, mpandraharaha ara-toekarena na rafi-panjakana, nosafidiana hanatanteraka ny Tsenambaro-panjakana saingy tsy mbola nampahafantarina ny fanapahan-kevitra.

« **Manamahefa mpandraiki-barotra** »,

1°- Olona miasa amin’ny anarana sy ho an’ny rafi-panjakana mpividy mba hividy fitaovana, fisahanan-draharaha, asa saina ary asa vaventy.

Ny Manamahefa mpandraiki-barotra dia mpanalalana voalohany nampanalalana nomem-pahefana hitantana nyvolam-panjakanana ny volan’ny Vondrom-bahoaka. Izany hoe :

- ny Lehiben’ny Andrim-panjakana, ho an’ny Andrim-panjakana,
- ny Minisitra, ho an’ny departemantan’ny Minisitara,
- ny Lehiben’ny mpanatanteraka, ho an’ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana,

<p>- Directeur Général ou toute autre personne y tenant lieu, pour les Établissements publics,  2°-l'entité privée représentée par son dirigeant exécutif, agissant pour le compte d'une collectivité publique ou utilisant des fonds publics déterminés, étant entendu que les acquisitions considérées se limiteront à celles faites sur utilisation de fonds publics,  3°-la société à participation majoritaire publique représentée par son dirigeant exécutif ;</p> <p>« <b>Candidat</b> », une personne physique ou morale, privée ou publique, soumettant ou ayant l'intention de soumettre une offre et répondant aux critères d'éligibilité définies dans le présent code ;</p> <p>« <b>CCAG</b> », le cahier des clauses administratives générales est un document type qui fixe les dispositions applicables à chaque catégorie de marchés. Les cahiers des clauses administratives générales sont en quelque sorte des conditions générales d'achats ;</p> <p>« <b>CCAP</b> », Le cahier des clauses administratives particulières est le document contractuel qui fixe les dispositions administratives propres à chaque marché et regroupant l'ensemble des stipulations d'ordre juridique et financière régissant l'exécution du marché, telles que les conditions de règlement, de financement, les éventuelles garanties, les conditions de livraison, les pénalités, ...  Le Cahier des Clauses Administratives particulières est inclus dans le Cahier des Prescriptions Spéciales ;</p> <p>« <b>Cellule d'achats publics</b> », voir Groupement d'achats publics ;</p> <p>« <b>Client</b> », l'Autorité Contractante qui souhaite acquérir les prestations intellectuelles à fournir par le Consultant et dont les coordonnées sont indiquées dans les Données Particulières ;</p>	<p>- ny Tale Jeneraly na izay olona hafa manana andraikitra mitovy amin'izany, ho an'ny Antokon-draharaham-panjakana.  2°- vondrona tsy miankina amin'ny Fanjakana, soloin'ny mpitondra mpanatanteraka ao aminy tena, miasa ho an'ny vondrombahoakanamampiasavolam-panjakana, nefa voafetra ho izay zavatra novidiana tamin'ny volam-panjakana ihany no voakasika.  3°-orinasa ananan'ny Fanjakana petra-bola be indrindraka ny mpitondra mpanatanteraka no misolo tena azy;</p> <p>« <b>Mpifaninana</b> », olona na fikambanana, miankina na tsy miankina amin'ny Fanjakana, manome na mikasa hanome tolo-barotra ary mahafeno ny tondrofetra fahazoana mifaninana voalazan'ity fehezan-dalàna ity;</p> <p>« <b>CCAG</b> », ny bokin'ny famarafaran-teny ankapobe dia tahirin-kevitra lasitra mamaritra ny fepetra ampiharina amin'ny sokajin'ny Tsenambaro-panjakana tsirairay.  Ny bokin'ny famarafaran-teny ankapobe izany dia karazana fepetra ankapobe momba ny fividianana.</p> <p>« <b>CCAP</b> », ny bokin'ny famarafaran-teny manokana dia tahirin-kevitra ifanarahana izay mamaritra ny fepetra ara-panjakana manokan'ny Tsenambaro-panjakana tsirairay ary ahitana ireo rijan-tenin-dalàna sy ara-bola mifehy ny fanatanterahana ny Tsenambaro-panjakana, toy ny fepetra momba ny fandoavana ny sara, ny famatsiam-bola, ny mety ho antoka, ny fomba fanaterana, ny sazy, ...  Ny Bokin'ny Famarafaran-teny manokana dia ao anatin'ny Bokin'ny Fameperana Manokana ;</p> <p>« <b>Zana-bondron'ny mpividy</b> », jereo Vondron'ny mpividy.</p> <p>« <b>Olonan'ny ifampiraharaha</b> », ny Manamahefa mpandraiki-barotra nanao ny Fifanekena izay maniry hisitraka ny fisahanana ny asa ara-tsaina homen'ny Mpiandraikitra asa ka tondroina ao amin'ny Toromarika Manokana ny mombamomba azy ;</p>
---	--

<p>« <b>Commande publique</b> », le terme générique relatif à l'ensemble des contrats passés par les autorités contractantes pour répondre à leurs besoins. Ces contrats peuvent être ou non soumis au code des marchés publics.</p> <p>La commande publique recouvre ainsi une notion très large englobant plusieurs formes telles que les marchés publics, les Partenariats Public-Privé, les Délégations de Service Public, les contrats de partenariat, ...</p> <p>« <b>Confidentiel</b> », le caractère réservé d'une information ou d'un traitement dont l'accès est limité aux seules personnes admises à la (ou le) connaître pour les besoins du service, ou aux entités ou processus autorisés.</p> <p>« <b>Consultant</b> », l'entité ou la personne physique ou le groupement de personnes physiques qui fournit des Prestations en vertu du Marché de prestations intellectuelles dont elle est titulaire ;</p> <p>« <b>CPC</b> », le Cahier des Prescriptions Communes réunissant l'ensemble des clauses techniques qui s'appliquent aux prestations de même nature ;</p> <p>« <b>CPS</b> », le Cahier des Prescriptions Spéciales qui comprend le Cahier des Clauses Administratives Particulières et les Spécifications Techniques ;</p> <p>« <b>Documents Contractuels</b> », les documents visés dans l'Acte d'Engagement, y compris les avenants éventuels aux dits documents ;</p> <p>« <b>Demande de proposition</b> ». le document qui donne aux Candidats toutes les informations nécessaires à l'élaboration, à la préparation et à la présentation de leur Proposition dans le cadre d'une procédure de passation de marché de prestation intellectuelle ;</p>	<p>« <b>Fanafarana entana ataon'ny Fanjakana</b> », teny iombonana mikasika ny fifanekena ifanaovan'ny Manamahefa mpandraiki-barotra mba hamaliana ny filany. Ireo fifanekena ireo dia mety, na tsia, hofeheziny ny fehezan-dalàna momba ny Tsenambaro-panjakana.</p> <p>Mahasahana hevitra malalaka sy miseho amin'ny endrika maro isan-karazany araka izany ny fanafarana entana ataon'ny Fanjakana, toa ny Tsenambaro-panjakana, ny Fiaraha-miombon'antoky ny Fanjakana sy ny tsy miankina, ny fifanarahana famindrana fitrandrahana asa miankina amin'ny Fanjakana, ny fifanekem-piaraha-miombon'antoka, ...</p> <p>« <b>Tsiambaratelo</b> », toetoetry ny maha-mihidy ny vaovao na ny fikirakiran-javatra iray, izay tsy azon'ny olon-kafa fantarina afa-tsy izay olom-bitsy hany tokony hahalala izany ihany nohon'ny filan'ny sampan-draharaha, na izay rafitra na fomba fanao ekena amin'izany.</p> <p>« <b>Mpisahana asa ara-tsaina</b> » na « <b>Mpisahana asa saina</b> », vondrona, na olona, na vondron'olona izay manao fisahanana asa mifandraika amin'ny Tsenambarotra momba ny fisahanana asa ara-tsaina izay izy no tompony ;</p> <p>« <b>CPC</b> », ny Bokin'ny Fameperana Iraisana manambatra ireo famarafaranteny ara-teknika rehetra ampiarina amin'ny fisahanana asa mitovy karazana ;</p> <p>« <b>CPS</b> », ny Bokin'ny Fameperana Manokana dia ahitana ny Bokin'ny Famarafaran-teny ara-panjakana Manokana sy ny toetra mampiavaka ara-teknika ;</p> <p>« <b>Tahirin-kevitra ny Fifanekena</b> », ny tahirin-kevitra voalaza ao amin'ny Sora-panekena, ka tafiditra amin'izany izay mety ho soso-panovana amin'izany Tahirin-kevitra izany ;</p> <p>« <b>Fanaikàna tolotra</b> », ny tahirin-kevitra ahitan'ny Mpifaninana ny vaovao rehetra ilaina amin'ny famolavolana, ny fanomanana ary ny fanehoana ny Tolotra ataony ao anatin'ny sehatry ny paika arahina amin'ny fandraiketana fifampiraharham-barotra momba ny fisahanana ara-tsaina na asa saina ;</p>
---	--

<p>« <b>Dématérialisation</b> », le processus de passation de marchés utilisant tout moyen électronique tel que l'Internet ou d'autres technologies de l'information et de la communication ;</p> <p>« <b>Dossier d'appel d'offres</b> », les documents de sollicitation d'offres ou autres documents sur la base desquels les candidats préparent leurs offres ;</p> <p>« <b>Dossier de présélection</b> », le dossier établi par l'autorité contractante qui énonce les conditions de la procédure de présélection ;</p> <p>« <b>Données particulières de l'appel d'offres ou DPAO</b> » - <b>Données Particulières des Instructions aux candidats ou DPIC</b> ». les données qui complètent, précisent ou modifient les clauses des Instructions aux candidats (IC). En cas de conflit, les clauses des DPAO (DPIC) prévalent sur celles des Instructions aux candidats. Le modèle de DPAO (DPIC) figurant dans les Dossiers-types d'appel d'Offres a pour but de servir de base à l'établissement des DPAO (DPIC) par la PRMP ;</p> <p>« <b>Écrit</b> », toute expression qui consiste en mots ou chiffres pouvant être lus, reproduits et communiqués, y compris l'information stockée et transmise par des moyens électroniques ;</p> <p>« <b>Enchère électronique inversée</b> », la technique d'achat en ligne et en temps réel que l'autorité contractante utilise pour sélectionner l'offre à retenir et dans laquelle les fournisseurs, prestataires de service ou entrepreneurs présentent au cours d'une période déterminée des offres de plus en plus basses faisant l'objet d'une évaluation automatique ;</p>	<p>« <b>Tsy fikirakirana ravin-taratasy</b> », ny fomba fandraiketana Tsenambaro-panjakana tsy ikirakirana taratasy fa mampiasa ny fitaovana elektronika rehetra toy ny aterineto na teknolojia momba ny fampahalalam-baovao sy ny fifandraisana hafa ;</p> <p>« <b>Antontan-taratasy fitaomana hanao tolobidy</b> », ny tahirin-kevitra fangatahana tolobidyna tahirin-kevitra hafa izay ifotoran'ny mpifaninana amin'ny fandrafetany ny tolobidiny ;</p> <p>« <b>Antontan-taratasy fifantenana mialoha</b> », antontan-taratasy arafitry ny Manamahefa mpandraiki-barotra izay mitanisa ny fepetra mikasika ny paika sy fombafomba arahina amin'ny fifantenana mialoha ;</p> <p>« <b>Toromarika manokana momba ny fitaomana hanao tolobidy na DPAO</b> » - « <b>Toromarika Manokana momba ny Torolàlana omena ny mpifaninana na DPIC</b> », ireo Toromarika ireo dia mameno, manome fanampim-panazavana, na manova ny famarafaran-teny momba ny Torolàlana ho an'ny mpifaninana (IC). Raha misy ny fifanolanana, dia ny famarafaran-teny momba ny DPAO (DPIC) no manan-danja kokoa noho izay voalazan'ny Torolàlana ho an'ny mpifaninana. Ataon'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana fototra hiaingana amin'ny fandrafetana ny DPAO (DPIC) ny modely aseho ao amin'ny Antontan-taratasy lasitry ny fitaomana hanao tolo-bidy;</p> <p>« <b>Soratra</b> », ny fanehoana rehetra atao amin'ny teny na isa azo vakiana, adika ary ampahafantarina, ka anisan'izany ny vaovao angonina sy ampitaina amin'ny alàlan'ny fitaovana elektronika ;</p> <p>« <b>Fampisongonam-bidy ara-elektronika mifototra</b> », teknika momba ny fividianana mivantana amin'ny aterineto sy eo no ho eo izay ampiasain'ny Manamahefa mpandraiki-barotra mba hifantenana ny tolobidy ho tazonina, ka mandritra io vanim-potoana voafetra io dia manome tolobidy mihamijotso hatrany ny mpivarotra, mpisahana asa na mpianto-draharaha, ary misy fanombanana atao avy hatrany ;</p>
---	---



« **Entrepreneur** », une personne physique ou morale sous contrat avec une entité contractante pour exécuter des travaux. C'est le titulaire du Marché public des travaux qui a été approuvé et qui lui a été notifié ;

« **Entreprise nationale** », l'entreprise de droit malagasy dont l'effectif des ressources humaines comporte plus de quatre-vingt-quinze pour cent de nationaux ;

« **Fin du marché** », l'événement à partir duquel les parties contractantes sont libérées de leurs obligations contractuelles, garantie décennale non comprise. Cet événement peut être la résiliation ou la réception définitive du marché ;

« **Fonds publics** », l'ensemble des sommes d'argent qui appartiennent à l'État, aux collectivités ou aux organismes publics, qui sont soumises aux règles de la comptabilité publique. Ces termes recouvrent entre autres :

- (a) toutes les ressources affectées aux achats publics par des processus budgétaires ;
- (b) des aides, subventions et crédits mis à disposition par des bailleurs de fonds locaux et étrangers, pour réaliser des achats publics ; et
- (c) des recettes ou d'autres fonds extrabudgétaires destinés aux achats publics ;

« **Fournisseur** », une personne physique ou morale sous contrat avec une entité contractante pour fournir des biens ou des services. C'est le titulaire du Marché qui a été approuvé et lui a été notifié ;

« **Mpianto-draharaha** », olona na fikambanana fehezin'ny fifanekena miaraka amin'ny rafitra mpandraiki-barotra mba hanatanteraka ny asa. Izy no tompon'ny Tsenambaro-panjakana momba ny asa, izay nahazo fankatoavana sy nanaovana ny fampahafantarana;

« **Orinasa eto amin'ny Firenena** », orinasa fehezin'ny lalàna malagasy mampiasa teratany malagasy mihoatra ny dimy amby sivifolo isan-jato ;

« **Fahataperan'ny fifampiraharaha-barotra** », trangan-javatra manamarika ny fahataperan'ny fifamatoran'ny roa tonta nifanaiky mikasika ny adidy aman'andraikitra naterak'izay fifanekena izay, kanefa na dia izany aza dia mbola manan-kery hatrany ny antoka mandritra ny folo taona. Mety ho fanafoanana ny fifampiraharaha-barotra, na koa fandraisana tanteraka ny fahavitan'ny Tsenambarotra no endrika isehoan'io trangan-javatra ;

« **Volam-panjakana** », fitambaran'ny vola izay an'ny Fanjakana, an'ny vondrom-bahoaka na ny vondron-draharaha-panjakana, ka fehezin'ny fitsipika momba ny fitanan-kaontim-panjakana. Io heviteny io dia mahasahana indrindra :

- (a) ny loharanom-bola rehetra natokana ho amin'ny fividianana ataon'ny Fanjakana ka manaraka ny fombafomba fanao amin'ny fanatanterahana ny tetibola ;
- (b) ireo fanampiana, tohana ara-bola ary sora-bola omen'ny mpamatsy vola eto an-toerana sy vahiny hampiasaina, mba hanatanterahana ny fividianana ataon'ny Fanjakana ; ary
- (c) ireo vola miditra sy ny vola hafa ivelan'ny tetibola natokana ho amin'ny fividianana ataon'ny Fanjakana ;

« **Mpivarotra** », olona na fikambanana fehezin'ny fifanekena miaraka amin'ny rafitra nanao ny fifanekena mba hivarotra entana na fisahanan-draharaha. Izy no tompon'ny Tsenambaro-panjakana, izay nahazo fankatoavana sy nanaovana ny fampahafantarana ;

« **Fournitures** », des produits de toute sorte et de toute désignation, y compris les matières premières, les produits et équipements, les fournitures, les machines, les matériels et/ou tous autres matériaux, les logiciels de traitement automatique des données, des objets sous forme solide, liquide ou gazeuse, l'électricité, et les travaux et les services accessoires à la fourniture des biens, si la valeur de ces travaux et services accessoires ne dépasse pas celle des biens eux-mêmes, que le fournisseur est tenu de livrer à l'Acheteur en exécution du Marché, que ces biens fassent l'objet d'achat, de prise en crédit -bail, de location ou de location-vente. Cette liste n'est pas exhaustive ;

« **Garantie de soumission** », la garantie que l'autorité contractante exige des fournisseurs ou entrepreneurs et qui lui est donnée pour assurer l'exécution de toute obligation visée par la présente Loi. Il englobe des arrangements tels que les garanties bancaires, les cautionnements, les lettres de crédit stand-by, les chèques engageant au premier chef la responsabilité d'une banque, les dépôts en espèces, les billets à ordre et les lettres de change. Pour écarter tout doute, il ne désigne pas une garantie de bonne exécution du marché ;

« **Groupement d'achat public** », un groupement sans personnalité morale qui regroupe temporairement des autorités contractantes ayant des besoins communs et ayant déterminé qu'il est nécessaire, notamment pour des raisons de coût et d'efficacité et afin de mutualiser des procédures d'achat, qu'elles se regroupent pour réaliser en commun tout ou partie de leurs achats.

Chaque membre du groupement d'achat public achète pour son compte personnel et dans la limite de ses besoins.

« **Kojakoja** », ireo vokatra isan-karazany samy manana izay fiantsoana azy avy, tafiditra amin'izany ny akora fototra, ny vokatra sy fampitaovana, ny kojakoja, ny milina, ny fitaovana sy/na izay rehetra akora enti-miasa hafa, ny rafi-baovao momba ny fikirakirana ny antontam-baovao, ireo zavatra miendrika vainga, ranoka na entona, ny herinaratra, ary ny asa vaventy sy ny fisahanan-draharaha ateraky ny fivarotana entana, raha toa ka tsy mihoatra ny an'ireo entana ireo ny sandan'izany asa sy fisahanan-draharaha miaraka aminy izany, ka ny mpivarotra dia tsy maintsy manatitra any amin'ny Mpividy ho fanatanterahana ny Fifampiraharaham-barotra, ka ireo fananana ireo dia anaovana fividianana, fandraisana amin'ny alàlan'ny varotra-fampanofana, fanofana na fampanofana ampanantenain-kamidy. Tsy fitanisana feno akory izay voalazan'ity lisitra ity ;

« **Antoky ny tolobidy** », fiantohana takian'ny Manamahefa mpandraiki-barotra amin'ny mpivarotra na mpianto-draharaha ary omena azy mba hiantohana ny fanatanterahana ny adidy aman'andraikitra rehetra voalazan'ity lalàna ity. Mahasahana ny fifampiraharahana toy ny fiantohana any amin'ny banky, ny antoka, ny taratasy amin'ny sora-bola tsy mihetsika, ny taratasim-bola mamatotra ny andraikitra ny banky, ny fametraham-bola amin'ny lelavola, taratasy mibaiko fandoavam-bola ary ny taratasy fanakalozam-bola. Mba hialana amin'izay mety ho fifangaroan-dresaka, dia tsy voakasik'ity famaritana ity ny antoka amin'ny fahatontosan'ny asa antsakany sy andavany ;

« **Vondron'ny mpividy** », vondrona, tsy mizaka zo aman'andraikitra araka ny lalàna, izay itambaran'ireo Manamahefa mpandraiki-barotra manana filàna mitovy, ka mihevitra fa ilaina ny mitambatra vonjimaika rehefa hanao ny fandraiketana Tsenambaro-panjakana mikasika izany, mba hahafahana miara-mividy, manontolo na amin'ny ampahany, ka hahazoana tombony na eo amin'ny sarany, na eo amin'ny vokatra entiny.

Na dia iraisana aza ny fanaovana ny fandraiketana ny Tsenambaro-panjakana, dia samy manefa ny vidiny mahakasika azy manokana sy araka izay filàny avy kosa ny mpikambana tsirairay amin'ny Vondron'ny mpividy.

Une cellule d'achats publics a le même objet et les mêmes objectifs que le groupement d'achats publics mais elle regroupe seulement les personnes responsables des marchés publics issues d'un même ministère ou d'une même autorité contractante ;

« **Incoterm** », International Commercial Terms ou « Terme de commerce international », généralement exprimé par un sigle, définissant les obligations respectives et le partage des responsabilités entre vendeur et acheteur. En marchés publics, c'est une stipulation du CCAP qui fixe la livraison et la répartition des coûts nécessaires à l'acheminement de la marchandise ainsi que les transferts de risques de celle-ci. Les incoterms servent à définir les obligations relatives à la livraison des marchandises et le partage des responsabilités entre vendeur et acheteur afin de protéger les parties et d'éliminer toute ambiguïté dans la réalisation d'un contrat. Elles portent sur les règles appliquées au commerce international particulièrement sur les livraisons des marchandises telles que la prise en charge du transport, les assurances, les formalités douanières, les droits, les taxes et les transferts des risques ;

« **Instructions aux candidats** », le document qui fournit aux candidats des renseignements sur les modalités de préparation et de remise des offres, l'ouverture des plis, l'évaluation des offres et l'attribution du marché. Il ne doit pas être modifié. Les changements requis pour tenir compte du contexte propre à chaque marché doivent figurer dans les Données Particulières de l'Appel d'Offres (DPAO) ou Données Particulières des Instructions aux Candidats (DPIC) qui complètent les Instructions ;

« **Invitation** », l'invitation à soumettre des offres, à présenter des candidatures ou à participer à une procédure de demande de propositions ou à une enchère électronique inversée ;

Misy koa ny atao hoe zana-bondron'ny mpividy izay mitovy tanjona sy zavakendrena tanteraka amin'ny Vondron'ny mpividy ihany, saingy mampivondrona kosa ireo Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana misy eo anivon'ny Ministera na eo anivon'ny Mpandraiki-barotra iray ;

« **Famerana andraikitra ara-pifanakalozana** » (**Incoterms**), teny fampiasa amin'ny varotra iraisam-pirenena. Atao fanafomezana-teny izy ireo amin'ny ankapobeny, ka mamaritra ny adidy aman'andraikitra avy sy ny fizarana andraikitra eo amin'ny mpivarotra sy mpividy. Raha ny mikasika ny Tsenambaro-panjakana kosa, ny « Famerana andraikitra ara-pifanakalozana » dia fanamarihana anaty fifanekena voalazan'ny Bokin'ny famarafaran-teny manokana, izay mametra ny fomba fanaterana sy ny fomba fitsinjarana ny saran'izany ary koa ny fampizakana izay loza mety hitranga amin'izany. Ny « Famerana andraikitra ara-pifanakalozana » dia natao hamaritana ny adidy aman'andraikitra mikasika ny fanaterana ny entana sy ny fizarana ny andraikitra eo amin'ny mpivarotra sy mpividy mba hiarovana ny roa tonta sy hanalana izay mety ho fifangaroan-javatra rehetra amin'ny fanatanterahana ny fifanekena. Mahakasika ny fitsipika ampiarina amin'ny varotra iraisam-pirenena, indrindra ny momba ny fanaterana ny entana, toy ny fandraisana an-tànana ny fitaterana, ny fiantohana, ny fombafomba amin'ny fadintseranana, ny sara, ny haba ary ny fampizakana ny loza mety hitranga izany ;

« **Torolalana ho an'ny mpifaninana** », tahirin-kevitra mampahafantatra ny mpifaninana ny fombafomba fandrafetana sy fanolorana ny tolobidy, ny fanokafana ny valopy, ny fanombanana ny tolobidy ary ny fanomezana ny Tsenambarotra. Tsy azo ovaina izay voasoratra ao. Raha misy fanovàna tsy maintsy atao mba hifanandrifiy amin-toe-javatra manokana isaky ny fifampiraharam-barotra dia tsy maintsy ampidirina ao amin'ny Toromarika Manokan'ny Fitaomana hanao tolobidy (DPAO) na Toromarika Manokana momba ny Torolàlana ho an'ny Mpifaninana (DPIC) izay natao ho famenon'ny Torolàlana izany ;

« **Fitaomana** » na « **fanasana** », fitaomana hanao tolo-bidy, haneho ny filatsahan-ko mpifaninana na handray anjara amin'ny paika arahina mikasika ny fangatahana tolotra na ny fampisongonam-bidy ara-elektronika mifototra ;

« **Jour** », le jour calendaire. Le jour calendaire correspond à la totalité des jours du calendrier de l'année civile, du 1er janvier au 31 décembre, y compris les jours fériés ou chômés.

À ne pas confondre avec le jour franc qui dure de 0h à 24h. Un délai calculé en jour franc ne tient pas compte du jour de l'acte ou du fait à l'origine du délai, ni du jour de l'échéance ;

« **Lettre d'invitation** », le dossier établi par l'autorité contractante, y compris les modifications qui y sont apportées, dans lequel sont énoncées les conditions de la passation de marché concernée ;

« **Maître de l'ouvrage** », l'Autorité Contractante pour le compte de laquelle la construction et la livraison des ouvrages, objet du Marché doivent être exécutées ;

« **Maître d'œuvre** », l'entité publique ou privée qui a en charge le contrôle technique de la réalisation des prestations ou travaux objets d'un Marché public pour le compte de l'Autorité Contractante ;

« **Marché** », le document contractuel principal, dénommé Acte d'Engagement, signé par l'Entrepreneur et accepté par le Maître de l'Ouvrage ainsi que l'ensemble des Documents visés dans ledit Acte d'Engagement, y compris toutes les pièces jointes, annexes et tous les documents qui font partie des Documents Contractuels par voie de référence ;

« **Marchés publics** », les contrats administratifs écrits conclus à titre onéreux avec des personnes publiques ou privées par les Autorités Contractantes mentionnées dans la présente Loi pour répondre à leurs besoins en matière de travaux, de fournitures, de services ou de prestations intellectuelles ;

« **Andro** », andro amin'ny tetiandro. Ny andro amin'ny tetiandro dia mifandraika amin'ny fitambaran'ny andro amin'ny tetiandro amin'ny taona sivily, ny 1 janoary hatramin'ny 31 desambra, tafiditra amin'izany ny andro fialan-tsasatra na tsy iasana.

Tsy afangaro amin'ny andro tsotra izay maharitra 0 ka hatramin'ny 24 ora. Ny fikajiana ny fe-potoana amin'ny andro tsotra dia sady tsy isaina ny fiandohan'ny fe-potoana, no tsy isaina koa ny fetr'andro farany ;

« **Taratasy fitaomana** » na « **Taratasy fanasana** », ny antontan-taratasy ataon'ny Manamahefa mpandraiki-barotra, anisan'izany ny fanovana nentina, izay mitanisa ny fepetra momba ny fandraiketana ny fifampiraharaham-barotra ;

« **Mpiahy asa** », ny Manamahefa mpandraiki-barotra mampanao ny fanatanterahana asa fanorenana sy ny fanatontosana asa vaventy, antom-pisian'ny Fifampiraharaham-barotra ;

« **Tompon'antoky ny asa** », olona na rafitra miankina, na tsy miankina, amin'ny Fanjakana izay miandraikitra, eo amin'ny toeran'ny Manamahefa mpandraiki-barotra, ny fanaraha-maso ara-teknika ny fanatanterahana ny fisahanana asa na asa vaventy, antom-pisian'ny Tsenambarotra ;

« **Fifampiraharaham-barotra** », na « **Fifanarahana** », na « **Tsenambarotra** », ny antontan-kevitra lehibe amin'ny fifampiraharahana, antsoina hoe sora-panekena, soniavin'ny Mpianto-draharaha ary eken'ny Mpiahy asa, sy ny fitambaran'ny Tahirin-kevitra rehetra voalaza ao amin'io Sora-panekena io, anisan'izany ireo singan-taratasy miaraka aminy rehetra, ny tovana ary ny tahirin-kevitra rehetra izay mandrafitra ny fifanekena ary atao fitsiahy ;

« **Tsenambaro-panjakana** », fifanekena ara-panjakana vita soratra, misy sandany ara-bola, ifanaovan'ny Manamahefa mpandraiki-barotra voalaza ao amin'ity lalàna ity, miaraka amin'ny Fanjakana na olon-tsotra, mba hamaliana ny filan'izy ireo mikasika ny asa, ny kojakoja, ny fisahanana-draharaha na fisahanana asa ara-tsaina ;

« **Nantissement** », l'accord conclu entre le titulaire d'un marché public et un organisme bancaire dans lequel le premier va donner en gage au second, pour le financement du marché, une créance résultant de l'exécution du marché. Le titulaire d'un marché ou chaque sous-traitant admis au paiement direct remet à son créancier l'exemplaire unique du marché qui lui est délivré par l'Autorité contractante. Ensuite le créancier notifie le nantissement au comptable assignataire de la personne publique qui lui règle directement, sur présentation de l'exemplaire unique, les sommes dues pour l'exécution du marché ;

« **Offre** », une offre, une soumission ou une proposition faite en réponse à un avis d'appel d'offres de biens, de travaux ou de services ;

« **Offre inacceptable** », une offre est jugée inacceptable dans au moins un des cas suivants :

-soit, elle est jugée trop chère, comparativement avec l'offre économiquement avantageuse. Il en est de même, en ce qui concerne les marchés de prestations intellectuelles, des propositions financières substantiellement supérieures à l'estimation initiale de l'Autorité contractante,

-soit, les crédits budgétaires alloués au marché ne permettent pas à l'autorité contractante de la financer,

-soit, les conditions qui sont prévues pour son exécution méconnaissent la législation et la réglementation en vigueur,

-soit l'offre elle-même est contraire à la législation et la réglementation en vigueur. Il en est ainsi de l'offre contraire aux législations fiscale et douanière ;

« **Fanaovana antoka ny Tsenambaro-panjakana** », ny fifanarahana nifanaovana teo amin'ny tompon'ny Tsenambaro-panjakana sy ny banky, ka ilay voalohany no hanolotra ho antoka amin'ilay faharoa, ho takalon'ny famatsiam-bola mialoha hanatanterahana ny Tsenambarotra, ny vola mety ho azony amin'izany ao aoriana. Atolotry ny tompon'ny Tsenambaro-panjakana, na ny mpiantoka asa isanisany anaovana fanefam-bola mivantana, amin'ilay manan-trosa aminy ny dika mitovy tokan'ny taratasy fifampiraharam-barotra izay nomen'ny Manamahefa mpandraiki-barotra azy. Ampahafantarin'ny tompon-trosa ny mpitan-kaonty tandrifim-pahefana amin'izany kosa rehefa avy eo ilay ny fifanekena fanaovana antoka, ka ity farany, rehefa naseho azy ny dika mitovy tokana, no manefa aminy mivantana ny vola tokony ho azy vokatry ny fanatanterahana ny Tsenambarotra.

« **Tolobidy** », tolo-bidy, fanehoana fandraisana anjara, na tolotra natao hamaliana ny filazana fitaomana hanao tolobidymomba ny kojakoja, ny asa vaventy na ny fisahanana asa ;

« **Tolobidy tsy azo ekena** », ny tolobidy dia heverina ho tsy azo ekena raha miseho ny iray farafahakeliny amin'ireo tranga manaraka ireto :

-na tolobidy heverina ho tena lafo raha oharina amin'ny tolobidy ahazoana tombony ara-toekarena be indrindra. Toa izany koa, ho an'ny Tsenambarotra momba ny fisahanana ara-tsaina, ny tolotra mihoatra lavitra ny vinavina nataon'ny Manamahefa mpandraiki-barotra tany am-boalohany ;

-na tsy ahafahan'ny Manamahefa mpandraiki-barotra mamatsy vola ilay Tsenambarotra ny sorabola voasoratra ao anatin'ny tetibola natokana ho amin'izany ;

-na mandika izay voalazan'ny didy aman-dalàna manan-kery ny fepetra takiana amin'ny fanatanterahana ny Tsenambarotra ;

-na ny tolobidy mihitsy no mifanipaka amin'ny didy aman-dalàna manan-kery, anisan'izany ny tolobidy izay mandika ny lalàna momba ny hetra sy fadintseranana ;

<p>« <b>Offre inappropriée</b> », l'offre sans rapport avec le besoin de l'acheteur public. L'offre inappropriée est assimilée à une absence ou à une inexistence d'offre répondant aux besoins de l'acheteur ;</p> <p>« <b>Offre irrecevable</b> », l'offre qui ne remplit pas les conditions de fond ou de forme requises pour la présentation des offres, au sens de l'article 43 du présent code. Il en est de même des plis arrivés hors délai, plis non fermés, plis non cachetés, plis ne permettant pas d'assurer sa confidentialité ainsi que l'anonymat des candidats, etc.</p> <p>« <b>Offre non conforme</b> » ou « <b>Offre irrégulière</b> », l'offre qui ne remplit pas une ou plusieurs conditions essentielles stipulées dans le dossier d'appel d'offres ;</p> <p>« <b>Organisme public</b> », toute personne :</p> <p>(a) ayant une personnalité morale ; et</p> <p>(b) financée, pour la majeure partie, par l'État, ou des autorités régionales ou locales ou autres organismes, sauf dispositions contraires ;</p> <p>« <b>Partenariat public-privé</b> » ou « <b>PPP</b> », un contrat, quelle que soit sa forme ou sa dénomination, par lequel une personne publique confie à un tiers, pour une période déterminée, en fonction de la durée d'amortissement, des investissements ou des modalités de financement retenues, une mission ayant pour objet :</p> <p>-tout ou partie du financement, d'infrastructures, ouvrages, équipements ou de biens immatériels, nécessaires au service public, ainsi que,</p>	<p>« <b>Tolobidy tsy mifanentana</b> », tolobidy tsy mifandraika mihitsy amin'ny filan'ny Fanjakana mpividy. Ny tolobidy tsy mifanentana dia heverina ho toy ny tsy fisian'ny tolobidy mihitsy, na tsy fisian'ny tolobidy mamaly ny filan'ny mpividy ;</p> <p>« <b>Tolobidy tsy azo raisina</b> », tolobidy tsy mahafeno, na amin'ny vontoa, na amin'ny endrika ivelany, ny fepetra takiana amin'ny fanolorana tolobidy, araka izay voalazan'ny andininy-43 amin'ity fehezan-dalàna ity. Toraka izany koa ireo tolobidy tsy tonga ara-potoana, ireo tolobidy tsy ao anaty valopy mihidy tsy vaky sarona, ireo tolobidy ao anaty valopy tsy ahafahana miantoka ny tsiambaratelonny sy ny tsy fampahafantarana ny anaran'ny mpifaninanana, sns ;</p> <p>« <b>Tolobidy tsy mifanaraka</b> » na « <b>Tolobidy tsy ara-dalàna</b> », tolobidy izay tsy nahafeno ny fepetra fototra iray na maromaro voalaza ao amin'ny antontan-taratasy fitaomana hanao tolobidy;</p> <p>« <b>Vondron-draharaham-panjakana</b> », izay olona rehetra :</p> <p>(a) manana ny zo aman'andraikitra ; ary</p> <p>(b) mahazo famatsiam-bola, amin'ny ampahany betsaka indrindra, avy amin'ny Fanjakana, na ny manampahefana any amin'ny Faritra na eo an-toerana, na vondron-draharaha hafa, raha tsy hoe angaha misy fepetra mifanohitra amin'izany ;</p> <p>« <b>Fiaraha-miombon'antoky ny fanjakana sy ny tsy miankina na PPP</b> », fifanarahana amin'ny endriny rehetra, na inona na inona fiantsoana azy, anankinan'ny Fanjakana amin'ny tsy miankina, mandritra ny fotoana voafetra sy arakaraka ny fotoana hiverenan'ny mason-karena, ny faharetan'ny fampiasam-bola na ny endriky ny famatsiam-bola, ny fanatontosana asa mahakasika :</p> <p>-famatsiam-bola, manontolo na amin'ny ampahany, hanatontosana fotodrafitrasa, asa vaventy, fampitaovana na zavatra tsy azo tsapain-tànana, ilaina amin'ny raharaham-bahoaka, sy,</p>
---	--

-tout ou partie de leur construction, réhabilitation, transformation, entretien, maintenance, exploitation, ou gestion, avec ou sans délégation de service public.

« **Passation de marché** », les procédures formelles ou non pour l'acquisition de fournitures et de services, de travaux ou de prestations intellectuelles ;

« **Personne publique** », la personne morale de droit public (Etat, collectivités territoriales, établissements publics) qui exprime ses besoins en matière de fournitures, travaux, services et prestations intellectuelles et au nom et pour le compte de laquelle l'autorité contractante procède à l'achat public et conclut le marché avec le titulaire ;

« **Plan de passation de marchés** », le document élaboré par la Personne Responsable des Marchés Publics avant le début de chaque exercice budgétaire afin de planifier et de programmer l'ensemble de ses achats. Le plan de passation de marchés est révisable périodiquement en fonction de l'évolution des besoins. Le plan de passation est approuvé par les organes compétents et publié sur le site web de l'Autorité de Régulation des Marchés Publics ;

« **Présélection** », la procédure qui vise à identifier avant la sollicitation un nombre limité de fournisseurs ou d'entrepreneurs qui répondent le mieux aux critères de qualification de la passation concernée ;

« **Procédures en deux étapes** », les procédures nationales selon lesquelles, après un avis d'appel d'offres ouvert ou de présélection, les soumissionnaires soumettent, dans une première étape, des offres techniques préliminaires qui sont soumises à l'examen technique par l'autorité contractante, et en deuxième étape, des offres finales pour évaluation ;

-ampahany na manontolo amin'ny asa mifandraika amin'izany toy ny fanorenana, fanarenana, fanovàna, fikojakojana, fikarakarana, fitrandrahana, na fitantanana, na misy fifanarahana famindrana fitrandrahana asa miankina amin'ny Fanjakana na tsia.

« **Fandraiketana Tsenambaro-panjakana** », paika misy fombafomba tsy maintsy arahina, na tsia, natao hividianana kojakoja, fisahanan-draharaha, asa vaventy na ny fisahanana asa ara-tsaina ;

« **Fanjakana** », rafitra mizaka ny zo aman'andraikitra fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe (Fanjakana foibe, vondrombahoakam-paritra, antokon-draharaham-panjakana) izay maneho ny filàny momba ny kojakoja, asa vaventy, fisahanan-draharaha ary fisahanana asa ara-tsaina, ka ho azy sy amin'ny anarany no anatanterahan'ny Manamahefa mpandraiki-barotra ny fividianana sy andraiketany ny fifampiraharham-barotra miaraka amin'izay tompon'ilay Tsenambaro-panjakana ;

« **Drafitra fandraiketana ny tsenambaro-panjakana** », tahirin-kevitra novolavolain'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakan mialoha ny fanombohan'ny taona fampiasana ny tetibola isanisany mba handrindrana sy handrindrana manontolo ny fividianana ataony. Ny drafitra momba ny fandraiketana tsenambaro-panjakana dia azo havaozina isam-banim-potoana arakaraka ny fivoaran'ny filana. Ankatoavin'ny rafitra tandrifim-pahefana amin'izany ary avoaka amin'ny tranonkalam-pifandraisan'ny Manamahefa Mpandrindra ny Tsenam-baro-panjakana ;

« **Fifantenana mialoha** », paika arahina, mialoha ny fiantsoana ny mpifaninana, izay natao hitiliana mialoha ireo mpivarotra na mpianton-draharaha vitsivitsy tena mahafeno ny mason-tsivana momba ny fahafahamano mifandraika amin'ny fandraiketam-barotra kasaina hatao ;

« **Paika arahina misy dingana in-droa miantoana** », paika arahina aorian'ny filazana momba ny fitaomana hanao tolobidy misokatra na fifantenana mialoha, ka ao anatin'ny dingana voalohany no anoloran'ny mpandray anjara ny tolobidy ara-teknika savaranonando mba hanaovan'ny Manamahefa mpandraiki-barotra fandinihana ara-teknika, ary eo amin'ny dingana faharoa kosa ny fanombanana ny tolobidy raikitra ;

« **Proposition** », la proposition technique et la proposition financière remises par le Candidat en matière de passation de marché de prestations intellectuelles ;

« **Relation inter-organique** »,

- une direction, un pouvoir ou un contrôle exercé par l'autorité contractante sur son cocontractant, identique à celui qu'elle exerce habituellement sur ses propres services ;

-une relation établie entre une personne morale de droit public et un cocontractant qui réalise l'essentiel de ses activités pour le compte de ladite personne morale de droit public. Toutefois, l'Autorité contractante doit justifier formellement que cette relation établie lui permet de bénéficier d'un rapport qualité/prix avantageux par rapport à l'état du marché ;

« **Secret** », l'information ou le document contenant des informations jugées sensibles dont l'accès est restreint par une loi ou un règlement à un groupe spécifique de personnes pour des raisons de sécurité nationale, ou supra nationale éventuellement, qu'il est pratiquement impossible de mettre à disposition de tous les candidats. En général, l'appel d'offres ouvert n'est pas compatible avec le degré de confidentialité nécessaire à un marché dans lequel les prestations ont un caractère secret ;

« **Services** », tout objet d'un marché, autre que les biens ou les travaux ou les prestations intellectuelles ;

« **Services Connexes** », les services afférents à la fourniture des biens, tels que l'assurance, l'installation, le montage, la formation et la maintenance initiale, le transport non compris dans le prix des fournitures selon l'Incoterm applicable, ainsi que toute obligation analogue du Fournisseur dans le cadre du Marché ;

« **Tolotra** », ny tolotra ara-teknika sy ny tolotra ara-bola napetraky ny Mpifaninana mahakasika ny fandraiketana fifampiraharaha-barotra momba ny fisahanana asa ara-tsaina na asa saina;

« **Rohim-pifandraisana ara-drafitra** »,

- fitarihana, fahefana, na fanaraha-maso ataon'ny Manamahefa mpandraiki-barotra amin'ny mpiara-mifanaiky aminy, ka mitovy amin'izay fanaony mahazatra amin'ireo sampan-draharaha miankina aminy ;

- fifandraisana misy eo amin'ny rafitra mizaka ny zo aman'andraikitra feheziny lalàna ifampitondran'ny daholobe sy ny mpiara-mifanaiky aminy, ka ny vontoin'ny asa aman-draharahany dia sitrahan'io rafitra voalaza eo aloha io. Na izany aza anefa, dia tokony hanamarina ara-dalàna ny Manamahefa mpandraiki-barotra fa io fifandraisana misy amin'izy roa tonta io dia ahazoany tombony eo amin'ny lafiny kalitao sy vidy raha mitaha amin'ny toe-java-misy eo amin'ny Tsena ;

« **Tsiambaratelo tanteraka** », vaovao na tahirin-kevitra misy singa heverina fa saro-pady, voafetran'ny didy aman-dalàna ho an'ny vondron'olona voatokana ihany ny fahafantarana azy, nohon'ny antony ara-pilaminana eto amin'ny firenena, na mety ho ambonin'izany, ka tsy azo ampahafantarina velively ny mpifaninana. Amin'ny ankapobe, dia tsy azo afaka mifanindrandàlana ny fitaomana hanao tolobidy misokatra sy ny fitazonana tsiambaratelo takian'ny Tsenambaro-panjakana misy fisahanana manana endrika tsy azo ampahafantarina tanteraka ;

« **Fisahanan-draharaha** », izay rehetra anaovana fifampiraharaha-barotra, rehefa tsy kojakoja, na asa vaventy na fisahanana asa ara-tsaina ;

« **Fisahanan-draharaha mifampiankina** », ny fisahanan-draharaha mifandraika amin'ny varotra kojakoja, toy ny fiantohana, ny fanorenana, ny fananganana, ny fanofanana ary ny fikojakojana eny am-piandohana, ny fitaterana izay tsy tafiditra ao anatin'ny vidin'ny kojakoja araka ny « Famerana andraikitra ara-pifanakalozana » ampiharina, ary koa izay rehetra adidy aman'andraikitra mitovy amin'ny an'ny Mpivarotra amin'ny sehatry ny Fifampiraharaha-barotra ;



<p>« <b>Seuils</b> », les montants à partir desquels s'appliquent certaines procédures ou formalités ;</p> <p>« <b>Seuil régional</b> », un seuil fixé par un État membre pour la passation de marchés publics au sein d'un groupement, ou organisation, régional ou sous régional, et qui restreint la soumission aux seules offres régionales ;</p> <p>« <b>Termes de référence</b> », le document qui énonce l'objet, les objectifs, les tâches à exécuter et les résultats attendus des Prestations ainsi que les responsabilités respectives du Client et du Consultant ;</p> <p>« <b>Titulaire</b> », l'entreprise, le fournisseur, le consultant, le prestataire de services, ou plus largement l'opérateur économique qui conclut le marché avec l'acheteur public ;</p> <p>« <b>Travaux</b> », tous les travaux définis dans les Spécifications Techniques du Cahier des Prescriptions Spéciales (CPS) qui fait partie du Dossier d'appel d'Offres, à exécuter et à livrer pour le Maître de l'ouvrage. Ils sont liés à la construction, la reconstruction, la réhabilitation, la démolition, l'entretien ou à la rénovation de bâtiment ou d'infrastructures, y compris :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>(a) la préparation du site, l'excavation, l'érection, la construction, l'installation d'équipements ou de matériels, la décoration et le finissage ;</li> <li>(b) les services occasionnés par des travaux, y compris le forage, la cartographie, la photographie par satellite, les investigations sismiques et des services semblables fournis conformément au contrat de marché public, si la valeur de ces services ne dépasse pas celle des travaux eux-mêmes ; et</li> </ul>	<p>« <b>Farafetra</b> », sanda na tentiny ifaharan'ny fampiharana ireo paika na fombafomba arahina sasantsasany ;</p> <p>« <b>Farafetra ampiharina eo anivon'ny Faritra</b> », farafetra faritan'ny Firenena mpikambana iray ho amin'ny fandraiketana fifampiraharaham-barotra amin'ny fanjakana eo anivon'ny vondrona, na fikambanana, faritra na vakim-paritra, ka mametra ny fandraisana anjara amin'ireo tolobidy ao amin'ny faritra ihany ;</p> <p>« <b>Rijan-teny fitsiahy</b> », tahirin-kevitra izay milaza ny antony, ny tanjona, ny asa hotanterahana ary ny vokatry andrasana amin'ny Fandraiketana ary koa ny andraikitra ny olona ifampiraharaha sy ny Mpiandraikitra asa avy ;</p> <p>« <b>Tompon'ny asa</b> », ny orinasa, ny mpivarotra, ny mpisahana asa saina, ny mpisahan-draharaha na, amin'ny ankapobeny, ireo mpandraharaha ara-toekarena rehetra izay manao fifampiraharaham-barotra miaraka amin'ny Fanjakana na ny Manamahefa mpandraiki-barotra ;</p> <p>« <b>Asa vaventy</b> », ireo asa rehetra izay voafaritra ao anatin'ny Famaritana Manokana ara-teknika ao amin'ny Boky Mirakitra ny Fepetra Manokana (CPS) izay tafiditra ao amin'ny Antontan-taratasy momba ny fitaomana hanao Tolo-bidy, hotanterahana sy haterina ho an'ny Mpiahy asa. Ireo asa ireo dia mahakasika ny fanorenana, fanorenana indray, fanarenana, fandravana, fikojakojana na fanavaozana ny fotodrafitrasa, ka anisan'izany :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>(a) ny fanomanana ny toerana, ny fihadiana, ny fananganana, ny fanorenana, ny fametrahana ny fampitaovana na ny fitaovana, ny fandravahana ary ny fandavorariana farany ;</li> <li>(b) ny fisahanan-draharaha ateraky ny asa, anisan'izany ny fandavahana lalina, ny taotsarintany, ny sary avy amin'ny zana-bolana, ny fanadihadiana momba ny fihovitra ny tany ary ny fisahanan-draharaha mitovitovy amin'izany izay tanterahina araka ny fifanekena voasoratra ao amin'ny tsenambaro-panjakana, raha toa ka tsy mihoatra ny an'ny asa vaventy ny sandan'io fisahanan-draharaha io ; ary</li> </ul>
---	--

(c) la transformation d'un bâtiment, la réparation, l'amélioration, l'extension ou la démolition d'une structure ou d'une infrastructure quelconque, et toute tâche de drainage, de dragage, d'excavation, de terrassement ou tous travaux similaires sur des biens immobiliers ;

« **Urgence avérée** », une urgence est dite avérée en cas d'événement notoirement imprévisible qui ne résulte pas du fait de l'Autorité Contractante. L'urgence permet de diminuer les délais minimum de réception des candidatures et des offres, lorsque l'acheteur public est dans l'incapacité de les respecter.

L'urgence avérée s'apprécie au cas par cas. Elle ne se conçoit que si les délais normaux de réception de candidatures et des offres sont rendus impraticables. Il en résulte que les acheteurs publics doivent être en mesure de motiver le caractère objectif de l'urgence, ainsi que l'impossibilité de respecter les délais réglementaires. Ces raisons ne peuvent résulter de leur fait, et, en particulier, de la carence de leurs services dans la gestion de la procédure de passation du marché.

Ainsi, l'acquisition de fournitures et matériels pour les examens scolaires ne constitue pas une situation d'urgence avérée dès lors que cet événement est prévisible et que le déclenchement tardif des procédures résulte du manque de prévoyance et de diligence de l'Autorité Contractante ;

(c) ny fanovana endrika ny trano, ny fanamboarana, ny fanatsarana, ny fanitarana na ny fandravana rafitra na fotodrafitrasa isankarazany, ny asa rehetra momba ny fanarian-drano, ny fanadiovana lalan-drano, ny fihadiana, ny fanarenan-tany na izay asa rehetra mitovitovy amin'izany ka mahakasika ny fananana mifaka ;

«**Hamehana voamarina**», lazaina fa voamarina ny hamehana iray raha toa ka misy zava-mitranga mibaribary tsy nampoizina, izay tsy avy amin'ny Manamahefa mpandraiki-barotra. Azon'ny mpividy na ny Manamahefa mpandraiki-barotra atao ny mampihena ny fe-potoana fandraisana ny filatsahan-kifaninana sy ny tolo-bidy raha toa ka tsy voahajany, vokatr'io fahamehana io, ny fe-potoana kely indrindra natao ho an'izany.

Ny hamehana voamarina dia jerena isaky ny trangan-javatra tsirairay. Tsy azo ekena io raha tsy voamarina fa tena tsy azo ampiharina mihitsy ny fe-potoana ara-dalàna andraisana ny filatsahan-kifaninana sy ny tolobidy. Noho izany, dia tokony afaka hanamarina tsara ny antony nahatonga ny hamehana, ary koa ny antony tsy ahafahany manaja ny fe-potoana ara-dalàna ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana. Tsy tokony ho avy tamin'izay nataon'ny mpividy ny antony nahatonga ny hamehana, indrindra moa ka hoe vokatry ny fitavozavozana na hadisoana teo amin'ny fikirakirana ny fandraiketam-barotra nataon'ny sampan-draharaha miankina aminy no nahatonga izany.

Araka izany, ny fividianana kojakoja sy fitaovana ho an'ny fanadinan-tsekoly dia tsy azo ekena ho toe-javatra maika voamarina raha hita fa azo novinavinaina mialoha izany toe-javatra izany, ary fantatra koa fa avy amin'ny tsy fahaizana mitsinjo lavitra sy ny fitavozavozan'ny Manamahefa mpandraiki-barotra no nitarika ny fahataran'ny paika fandraiketam-barotra mikasika izany ;

<p>« <b>Urgence impérieuse</b> », une urgence est dite impérieuse lorsque la situation oblige l'autorité contractante à prendre des mesures exceptionnelles en un temps très limité pour répondre à un besoin consécutif à une circonstance imprévisible qui n'est pas de son fait et est incompatible avec les délais normaux requis pour une mise en concurrence normale ainsi qu'avec le délai raccourci induit par l'urgence simple.</p> <p>L'urgence impérieuse est circonscrite aux phénomènes extérieurs, imprévisibles et irrésistibles pour l'acheteur.</p> <p>Ainsi, les travaux consécutifs à une perturbation climatique du mois de janvier ne sauraient justifier une urgence impérieuse qui nécessite la procédure exceptionnelle de passation de marché au mois d'août.</p>	<p>«<b>Hamehana mby an-koditra</b>», lazaina fa mby an-koditra ny hamehana raha toa ka voaterin'ny toe-java-misy ny Manamahefa mpandraiki-barotra handray fepetra manokana, ao anatin'ny fotoana maika, mba hamaly ny filana nateraky ny zava-miseho tsy nampoizina, tsy vokatry ny nataony sy tsy afaka miandry ny fe-potoana ara-dalàna takiana amin'ny fampifaninana misokatra mahazatra, na koa ny fe-potoana nahohezina vokatry ny hamehana tsotra.</p> <p>Voafetra ho amin'ny trangan-javatra tsy avy amin'ny mpividy, tsy nampoizina ary tsy hay toherina ihany ny atao hoe hamehana goavana.</p> <p>Araka izany, ny asa nateraky ny fikorontanan'ny toetr'andro nitranga ny volana janoary dia tsy azo hanamarinana ny fisian'ny hamahena goavana, ka hanaovana fombafomba fandraiketam-barotra manokana tsy misy fampifaninana rehefa tonga ny volana aogositra.</p>
<p><b>Article 2.- Notion de marché public</b></p> <p><b>I.</b> Les marchés publics sont des contrats administratifs écrits conclus à titre onéreux avec des personnes publiques ou privées par les Autorités Contractantes mentionnées à l'article 8 du présent code pour répondre à leurs besoins en matière de travaux, de fournitures, de services ou de prestations intellectuelles.</p> <p><b>II.</b> Néanmoins, les présentes dispositions ne sont pas applicables aux contrats conclus entre une autorité contractante et une personne, publique ou privée, avec laquelle elle entretient une relation inter-organique.</p> <p>Ainsi, les entreprises publiques ne sont pas admises à participer à un marché public sans avoir rempli les conditions ci-après :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>i) être juridiquement et financièrement autonome,</li> <li>ii) être gérée selon les règles du droit commercial et</li> </ul>	<p><b>Andininy 2.-Heviteny mikasika ny Tsenambaro-panjakana</b></p> <p><b>I.</b> Ny Tsenambaro-panjakana dia fifanarahana an-tsoratra andoavam-bola ifanaovan'ny Fanjakana sy ireo rafi-panjakana hafa na rafitra tsy miankina amin'ny Manampahefana Mpandraiki-barotra voalaza ao amin'ny andininy faha 8 amin'ity fehezan-dalàna ity, mba ahafahany mamaly ireo filàny amin'ny asa vaventy, na kojakoja, na fisahanan-draharaha, na koa fisahananana asa ara-tsaina.</p> <p><b>II.</b> Tsy azo ampiharina kosa anefa ny fepetra voalaza ato amin'ity lalàna ity amin'ny fifanaraham-barotra ifanaovan'ny Fanjakana sy ny orinasa miankina na tsia amin'ny fanjakana, kanefa misy rohim-pifandraisana ara-drafitra aminy.</p> <p>Noho izany dia tsy afaka mandray anjara amin'ny Tsenambaro-panjakana ny orinasam-panjakana raha tsy mahafeno ireto fepetra manaraka ireto:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>i) mahaleo tena ara-pizaka-manana sy ara-bola,</li> <li>ii) fehezin'ny lalàna momba ny varotra</li> </ul>

<p>iii) ne pas être dépendante de l'autorité contractante.</p> <p>Il en est de même pour les agences qui dépendent de l'emprunteur, en cas de marché sur financement extérieur.</p>	<p>iii) tsy miankina amin'ny Manamahefa Mpandraiki-barotra.</p> <p>Tsy afa-mandray anjara torak'izany koa ireo sampan'asa miankina amin'ny mpampindram-bola, raha toa ka vola avy any ivelany no mamatsy ilay tetikasa.</p>
<p><b>Article 3.- Les différents types de marchés publics</b></p> <p><b>I.</b> Les marchés de travaux ont pour objet la réalisation, l'exécution de tous travaux de bâtiment ou d'infrastructures.</p> <p><b>II.</b> Les marchés de fournitures et de service courant ont pour objet l'achat, la prise en crédit-bail, la location ou la location-vente de matériels ou de produits bruts ouverts ou semi-ouverts, machines, outillages, denrées et matériaux ainsi que la réalisation de prestations de services.</p> <p><b>III.</b> Les marchés de prestations intellectuelles ont pour objet des prestations à caractère principalement intellectuel dont l'élément prédominant n'est pas physiquement quantifiable. Ils incluent notamment les contrats de maîtrise d'ouvrage déléguée, les contrats de conduite d'opération et les contrats de maîtrise d'œuvre et les services d'assistance informatique, ainsi que les contrats de conception.</p> <p><b>IV.</b> Un marché public relevant d'une des trois catégories mentionnées ci-dessus peut comporter, à titre accessoire, des éléments relevant d'une autre catégorie si le montant de celui-ci est inférieur à celui du principal.</p>	<p><b>Andininy 3.- Ireo karazana Tsenambaro-panjakana</b></p> <p><b>I.</b> Ny Tsenambaro-panjakana momba ny asa vaventy izay natao hanatontosana, na hanatanterahana asa tao-trano na fotodrafitrasa hafa.</p> <p><b>II.</b> Ny Tsenambaro-panjakana momba ny fampitaovana na fisahanan-draharaha tsotra izay mahakasika fividianana, varotra-fanofàna, fanofàna tsotra na varotra fanofàna fitaovana na akora efa voahodina manonontolo na amin'ny ampahany, milina na fitaovana, sakafo na fampitaovana, ary fisahanan-draharaha.</p> <p><b>III.</b> Ny fifampiraharana momba ny fisahanana ara-tsaina dia asa mahakasika tanteraka ny asa saina izay tsy azo faritana ny habeny. Anisan'izany ny fifanarahana fifehezan'asa, ny fifanarahana fitondrana asa, ireo fifanarahana fisahanana asa sy ireo asa saina mikasika ny informatika, ary ireo fifanarahana momba ny asa famoronana.</p> <p><b>IV.</b> Misy Tsenambaro-panjakana mety ho tafiditra amin'ny iray amin'ireo sokajy voalaza etsy ambony ireo kanefa ahitana ampahany mahakasika sokajy hafa, ka ambany nohon'ny vidin'ny fifanaikem-barotra fototra ny sandany.</p>
<p><b>Article 4.- Champ d'application</b></p> <p><b>I.</b> Les dispositions du présent Code s'appliquent aux marchés conclus par les personnes morales de droit public ou de droit privé suivantes :</p> <p>- l'Etat et ses établissements publics, les collectivités territoriales décentralisées et leurs établissements publics ;</p>	<p><b>Andininy 4.- Seha-pampiharana</b></p> <p><b>I.</b> Mihatra sy ampiharina tanteraka amin'izay Tsenambaro-panjakana tanterahin'ny rafitra miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana ireo fepetra voalaza ao anatin'ity fehezan-dalàna ity, ka anisan'izany :</p> <p>- Ny Fanjakana sy ireo antokon-draharahany avy, ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana sy ireo antokon-draharahany avy;</p>

<p>- Toute entité publique ou privée bénéficiant ou gérant un budget de l'Etat ou d'une collectivité publique ou tout autre financement public ;</p> <p>- Toute société à participation majoritaire publique.</p> <p><b>II.</b> Les dispositions du présent Code s'appliquent aux contrats de partenariat public-privé dans leur volet sélection/identification des partenaires et la passation des marchés qui s'y rapporte.</p> <p>Ainsi, les procédures de passation des marchés y afférentes sont soumises au respect des principes énoncés à l'article 5 du présent code, et font l'objet d'examen préalable au niveau de l'organe chargé du contrôle des marchés publics.</p> <p><b>III.</b> Les dispositions du présent code sont applicables aux marchés passés en application des accords de financement ou de traités internationaux, sous réserve de l'application de procédures spécifiques résultant des dispositions prévues par lesdits accords ou traités internationaux.</p> <p><b>IV.</b> Néanmoins, les dispositions du présent Code ne sont pas applicables :</p> <p><b>a)</b> aux marchés relatifs à des travaux, des fournitures, des services ou des prestations intellectuelles conclus, pour l'application d'un accord international concernant le stationnement de troupes ;</p> <p><b>b)</b> aux marchés qui ont pour objet l'acquisition ou la location, quelles qu'en soient les modalités financières, de terrains, de bâtiments existants ou d'autres biens immeubles, ou qui concernent d'autres droits sur ces biens.</p>	<p>- Ireo rafitra miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana ka mitantana vola avy amin'ny fanjakana, na avy amin'ny vondrom-bahoaka, na avy amin'ny famatsiam-bolam-panjakana hafa;</p> <p>- Izay orinasa, ka ny Fanjakana na ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana no manana petrabola betsaka indrindra ao aminy.</p> <p><b>II.</b> Amin'ny fifanarahana mikasika ny fiaraha-miombon'antoky ny Fanjakana sy ny sehatra tsy miankina, dia tsy maintsy misy fampifaninanana mba hisafidianana izay ho mpiara-miombon'antoka, ka ny rijan-teny voarakitr'ity fehezan-dalàna ity no ampiharina amin'izany.</p> <p>Noho izany, ny paikady rehetra mikasika io fampifaninanana io dia manaraka ny fepetra sy manaja ny fotokevi-dehibe voarakitry ny andininy faha-5 amin'ity fehezan-dalàna ity, ary tsy maintsy mandalo fanaraha-mason'ny rafitra mpanara-maso ny Tsenambaro-panjakana.</p> <p><b>III.</b> Azo ampiharina amin'ny tsenam-barotra tanterahina vokatry ny fifanaraham-pamatsiam-bola na fifanarahana iraisam-pirenena koa ity fehezan-dalàna ity, raha tsy hoe angaha ka efa misy rijan-teny manokana mamaritra mazava ny paikady arahina ireo fifanarahana voalaza etsy ambony ireo.</p> <p><b>IV.</b> Na izany aza, tsy mihatra ary tsy ampiharina amin'ireto toe-javatra manaraka ireto ny fepetra voalazan'ity fehezan-dalàna ity:</p> <p><b>a°)</b> ny fifampiraharaha-barotra momba ny asa vaventy, kojakoja, fisahanana na asa ara-tsaina, ka mahakasika ny fitobian'ny andiantafika izay nifanekena tamin'ny alàlan'ny fifanarahana iraisam-pirenena ;</p> <p><b>b°)</b> ny fividianana na fanofàna tany na trano efa voaorina na fananana mifàka, sy ny zo aterak'ireo fananana ireo, na inona na inona endriky ny famoaham-bola amin'izany.</p>
--	---

**c)** aux marchés passés par les représentations diplomatiques et/ou consulaires de Madagascar, et aux marchés passés par les représentations extérieures des sociétés à participation majoritaire publique. À cet effet, un manuel de procédures est établi par l'acheteur public, dont une copie est adressée sans délai à l'Autorité de Régulation des Marchés Publics qui, le cas échéant, se réserve le droit d'y apporter des modifications qui lui paraissent nécessaires dans un délai qui sera fixé par voie réglementaire ;

**d)** aux marchés relatifs à la confection ou à l'acquisition des imprimés administratifs passés avec l'Imprimerie Nationale ;

**e)** aux marchés publics relatifs à l'arbitrage et à la conciliation ;

**f)** aux marchés publics de services financiers liés à l'émission, à l'achat, à la vente ou au transfert de titres ou d'autres instruments financiers, et à des services fournis par la Banque Centrale ;

**g)** aux marchés publics de services qui sont des contrats d'emprunt, qu'ils soient ou non liés à l'émission, à la vente, à l'achat ou au transfert de valeurs mobilières ou d'autres instruments financiers mentionnés au f°) ci-dessus ;

**h)** aux marchés publics de services juridiques suivants :

- Les services de certification et d'authentification de documents qui doivent être assurés par des notaires ;
- Les services fournis par des administrateurs, tuteurs ou prestataires de services désignés par une juridiction ou par la loi pour réaliser des tâches spécifiques sous le contrôle d'une juridiction ;
- Les services liés aux activités d'avocat, d'huissiers, de commissaires-priseurs ou tous autres auxiliaires de justice ;
- Les services qui sont liés, même occasionnellement, à l'exercice de la puissance publique.

**c°)** ny fifampiraharaha ataon'ny masoivohon'ny Fanjakana Malagasy, na ny solontenan'ireo orinasa ananan'ny Fanjakana petrabola betsaka indrindra, any ivelan'i Madagasikara. Mila fandrafetana toro-làlana manokana anefa ny fomba fanatanterahana izany. Omen'ireo Fahefana mpandraiki-barotra voalaza etsy aloha tsy misy hatak'andro ny Fahefana Mpandrindra ny Tsenam-baro-panjakana ny dika mitovin'izany. Itsy farany kosa dia afaka mitondra ny fanitsiana heveriny ho mety amin'io torolàlana io, ao anatin'ny fe-potoana mbola hofaritana amin'ny didy amam-pitsipika;

**d°)** ny fanontana printy na fividianana taratasy ilaina amin'ny raharaham-panjakana izay efa anjara andraikitra ny Tranompirintim-pirenena ;

**e°)** ny fifampiraharaha mikasika fanelanelanana sy fampihavanana ;

**f°)** ny fifanarahana mikasika ny vola, toy ny fanaparitahana, fividianana, fivarotana na famindrana fanamarinan-jo, na fitaovam-pitantanam-bola, sy fisahanana ara-bola isan-karazany fanaon'ny Banky Foibe ;

**g°)** ny fifanarahana mikasika fampindramam-bola, na misy hifandraisany na tsia amin'izay voalaza eo amin'ny f° etsy ambony ;

**h°)** ny fifanarahana mahakasika ny asa misy ifandraisana amin'ny fikirakirana lalàna, toy ny :

-fanamarinana sy fanomezam-panamarinana fanaon'ny naotera;

-asa ataon'ny mpiahy, mpitantana, mpiantoka na mpisahan-draharaha voatendrin'ny Fitsarana na ny lalàna mba hanao asa manokana eo ambany fanaraha-mason'ny Fitsarana;

-asa ataon'ny Mpisolovava;

-asa mahakasika ny fampiasana fahefam-panjakana na dia mandritra ny fotoana fohy aza.

<p>V. Les fournitures, prestations de services et travaux ayant un coût estimatif inférieur à un montant hors toutes taxes fixé par voie réglementaire, après application du mode de computation des seuils prévus à l'article 6 du présent code, sont dispensés de mise en concurrence formelle et sont exécutés directement par bon de commande. À cet effet, la Personne Responsable des Marchés Publics consulte directement et sans formalités de mise en concurrence préalables le prestataire de son choix, sous réserve du respect de l'article 21 du présent code.</p>	<p>V. Tsy misy fampifaninanana mivantana fa avy hatrany dia tanterahana amin'ny alalan'ny taratasy fividianana ny fifampiraharaha, raha toa ny tombam-bidiny tsy tataovan-ketra, araka ny fomba fikajiana ny farafetra voalazan'ny andininy faha-6 amin'ity fehezan-dalàna ity, ka latsaky ny sanda izay feran'ny didy امام-pitsipika. Araka izany, avy hatrany dia afaka mifampiraharaha mivantana, tsy misy fombafomba fifaninanana mialoha, amin'izay mpandraharaha nosafidiany ny Tompon'andraikitra ny Tsenambaro-panjakana.</p>
<p><b>Article 5.- Principes généraux régissant les marchés publics</b></p> <p>Quel que soit leur montant, les marchés publics respectent les principes de liberté d'accès à la commande publique, d'égalité de traitement des candidats et de transparence des procédures.</p> <p>Ces principes permettent d'assurer l'efficience de la commande publique et la bonne utilisation des deniers publics. Ils exigent une définition préalable des besoins de l'acheteur, une planification rigoureuse des opérations de mise en concurrence, notamment l'établissement d'un plan de passation de marchés, le respect des obligations de publicité et de mise en concurrence et le choix de l'offre ou de la proposition économiquement la plus avantageuse.</p> <p>Ces principes généraux sont mis en œuvre conformément aux règles fixées par le présent Code.</p> <p>À cet effet, la Personne Responsable des Marchés Publics élabore avant le début de chaque exercice budgétaire son plan de passation de marchés conformément aux dispositions de l'article 26 du présent code.</p> <p>Pour l'application et le respect de ces principes, il est institué un organe de contrôle et une autorité de régulation dont les missions et les attributions sont respectivement fixées aux articles 17 et 19 du présent Code.</p>	<p><b>Andininy 5.- Fotokevi-dehibe mifehy ny Tsenambaro-panjakana</b></p> <p>Na toy inona na toy inona hadirin'ny Tsenambaro-panjakana, dia tsy maintsy hajaina ny fahafahan'ny rehetra mandray anjara malalaka amin'izany, sy ny fitovian'ny fomba fitondrana ireo Mpifaninana mandray anjara ary ny fangaraharahan'ny paikady itondrana azy.</p> <p>Antoky ny fahatomombanan'ny fividianana ataon'ny Fanjakana sy ny fampiasana ara-drariny sy amin'ny tokony ho izy ny volam-panjakana ny fanajàna ireo fotokevi-dehibe ireo. Midika izany fa tokony hofaritana mialoha ny filan'ny mpividy, tokony hatao maty paika ny fandaminana ny fomba fampifaninanana, toy ny fandrafetana ny drafitra fandraiketana ny Tsenambaro-panjakana, ny fanajana ny fampahalalàna ny be sy ny maro sy ny fisafidianana izay tolotra ahitana tombony ara-toekarena indrindra.</p> <p>Ireo fepetra ankapobeny ireo dia ampiharina araka ny fepetra voalazan'ity fehezan-dalàna ity.</p> <p>Izany no antony tokony hamolavolan'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, isaky ny fiandohan'ny taom-pampiasam-bola, ny drafitra fandraiketana ny Tsenambaro-panjakana araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-26 amin'ity fehezan-dalàna ity.</p> <p>Ho fampiharana sy ho fanajana ireo fotokevi-dehibe ireo, dia atsongana ny rafitra mpanara-maso sy ny fahefana mpandrindra ny Tsenambaro-panjakana araka izay anjara asany avy voafaritry ny andininy faha-17 sy 19 amin'ity fehezan-dalàna ity.</p>

## **Article 6.- Des seuils des marchés publics**

**I.** La Personne Responsable des Marchés Publics ne peut ni fractionner un marché, ni utiliser une méthode d'évaluation particulière pour estimer la valeur d'un marché dans le but de limiter la concurrence entre candidats ou de se soustraire aux obligations énoncées dans la présente loi.

**II.** Lorsqu'elle estime la valeur d'un marché, la Personne Responsable des Marchés Publics inclut la valeur totale maximale estimée du marché ou de l'ensemble des marchés envisagés sur toute sa durée, en tenant compte de toutes les formes de rémunération.

**III.** La détermination des seuils est effectuée dans les conditions suivantes quel que soit le nombre de candidats auxquels il est fait appel :

- En ce qui concerne les travaux, est prise en compte la valeur globale des travaux se rapportant à une même opération portant sur un ou plusieurs ouvrages. Il y a opération de travaux lorsqu'une Personne Responsable des Marchés Publics décide de mettre en œuvre dans une période de temps et dans un périmètre délimité un ensemble de travaux caractérisé par son unité fonctionnelle ou technique ou économique.

- En ce qui concerne les fournitures et les services, il est procédé à une estimation sincère de la valeur totale des fournitures ou des services qui peuvent raisonnablement être considérés comme homogènes soit en raison de leurs caractéristiques propres, soit parce qu'ils constituent une unité fonctionnelle. Pour les marchés d'une durée inférieure ou égale à un an, la valeur totale mentionnée ci-dessus est celle qui correspond aux besoins d'une année.

- En ce qui concerne les marchés comportant des lots, c'est la valeur estimée de la totalité des lots qui est prise en compte.

Un texte réglementaire précisera les modalités d'application du présent article.

## **Andininy 6.- Ireo farafetra ampiharina amin'ny Tsenambaro-panjakana**

**I.** Tsy azon'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana atao ny manasamatsamaka be fahatany ny Tsenambaro-panjakana izay tantanany, na koa mampiasa fomba fisafidianana mikendry fotsiny ny hampihena ny mpifaninana na koa hidifiana ireo fepetra apetrak'ity fehezan-dalàna ity.

**II.** Rehefa manombana ny sandan'ny Fifampiraharaha ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana dia kajiany daholo fitambaran'ny tombam-bidin'izay Tsenam-barotra kasaina hotanterahina mandritra ny vanim-potoana iray, na inona na inona endriky ny fandoavam-bola amin'izany.

**III.** Toy izao manaraka izao ny fomba famaritana ny farafetra, na firy na firy no mety ho isan'ny mpifaninana handray anjara :

- Mikasika ny asa vaventy, dia atambatra daholo ny sanda ankapoben'ny asa iray tarika manontolo, na tsangan'asa iray monja na tsangan'asa maromaro ao anatin'ny farafetra, ka ampitahaina amin'ny farafetra. Ny atao hoe asa iray tarika dia, na tsangan'asa iray monja ihany, na fitambaran'ny tsangan'asa maromaro tsy azo samatsamahana noho izy ireo ilaina na ampiasaina amin'ny tanjona tokana ihany, na koa tsy azo sarahana ara-teknika na ara-toekarena, ka heverin'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana hotontosaina mandritra ny vanim-potoana iray, ao anatin'ny faritra iray.

- Raha mikasikany kojakoja sy ny fisahanan-draharaha, dia atambatra daholo izay mety ho tombam-bidin'ireo kojakoja na fisahanan-draharaha izay azo heverina fa afa-miaraka satria mitovy ny toetoetrany, na koa izy ireo samy hampiasaina amina anton-javatra iray ihany. Raha herin-taona monja, na latsak'izany, ny faharetan'ilay fifanarahana amin'ny Tsenambaro-panjakana dia ny tombam-bidin'ilay kojakoja na fisahanan-draharaha mandritra ny iray taona ihany no ampitahaina amin'ny farafetra.

- Raha toa ka mizarazara ho tsinjara'asa kosa ilay Tsenambaro-panjakana dia ny sandan'ireo tsinjara'asa rehetra ireo no atambatra sy ampitahaina amin'ny farafetra.



<p><b>Article 7.- Notion</b></p> <p>Les organes de l'achat public d'une autorité contractante sont constitués de la Personne Responsable des Marchés Publics, de la commission d'appel d'offres, de la commission de réception et du Groupement d'achat public.</p>	<p><b>Andininy 7.- Fanazavana ankapobe</b></p> <p>Ny Manamahefa Mpandraiki-barotra iray dia manana rafitra manokana miandraikitra ny Fividianana, ka ao anatin'izany ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, ny vaomiera momba ny Tolobidy, ny vaomiera momba ny fandraisana ary ny vondron'ny Mpividy.</p>
<p><b>Article 8.- Autorité contractante</b></p> <p><b>I.</b> L'Autorité Contractante est l'Ordonnateur principal ou délégué des crédits. Elle agit au nom et pour le compte de la personne publique acheteuse ou de la personne privée citée au paragraphe I de l'article 4 du présent code.</p> <p><b>II.</b> Elle a pour mission de :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- définir les activités des programmes répondant aux objectifs ;</li> <li>- s'assurer de la maturité des programmes présentés pour adoption des budgets ;</li> <li>- élaborer et présenter les plans simplifiés de passation de marchés aux conférences budgétaires accompagnés de l'évaluation de la maturité du programme et d'un calendrier prévisionnel de décaissements ;</li> <li>- élaborer et présenter les plans détaillés de passation de marchés et mise à jour du calendrier prévisionnel de décaissements dès la mise en place des crédits ;</li> <li>- fournir un rapport d'achèvement des marchés pour réconciliation avec les objectifs sur la base desquels les crédits lui ont été accordés ;</li> <li>- tenir les statistiques sur la passation et l'exécution de ses marchés ;</li> </ul>	<p><b>Andininy 8.- Manamahefa Mpandraiki-barotra</b></p> <p><b>I.</b> Ny Manamahefa Mpandraiki-barotra dia ny mpanalàlana na ny mpanalàlana lefitra amin'ny fitantanam-bola. Ny asa na andraikitra raisiny dia ataony amin'ny anarana sy ho an'ny rafi-panjakana mpividy, na ho an'ireo tsy miankina voalaza ao amin'ny andàlana voalohan'ny andininy faha-4 ato amin'ity Fehezan-dalàna ity.</p> <p><b>II.</b> Ireto avy no anjara asan'ny Manamahefa Mpandraiki-barotra:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- mamaritra ny drafitr'asa araka izay tanjona kendrena ;</li> <li>- miantoka ny fahamatoran'ny drafitr'asa natolotra alohan'ny handrafetana ny tetibola mifandraika amin'izany;</li> <li>- mamolavola sy manolotra, mandritra ny fotoam-pivoriana fandrafetana ny tetibola, ny drafitra fandraiketana ny Tsenambaro-panjakana amin'ny endriny mbola tsy voavelabelatra sy ny fiantohana ny fahamatoran'ny drafitr'asa ary ny tetiandro heverina handoavana ny vola mifandraika amin'izany ;</li> <li>- mamolavola sy manolotra, raha vantany vao azo ampiasaina ny tetibola,ny drafitra fandraiketana ny Tsenambaro-panjakana feno efa misy andinindiny sy ny fanitsiana ny tetiandro famoahana ny vola ;</li> <li>- manao tatitra momba ny fahavitan'ny Tsenambaro-panjakana mba hahafahana manombana raha tratra ny tanjona, izay anton'ny nanomezana tetibola azy ;</li> <li>- mitahiry ireo antontanisa mifandraika amin'ny fandraiketana sy ny fanatanterahana ny Tsenambaro-panjakana ;</li> </ul>

<p>- organiser et garantir la tenue des archives de tous les documents relatifs aux marchés publics pendant une durée de dix ans.</p> <p><b>III.</b> L'Autorité contractante est assistée dans ses tâches par :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Une Cellule de Programmation chargée de l'établissement et du suivi du degré de maturité des programmes d'investissement ;</li> <li>- Un Responsable de programme ;</li> <li>- Une Personne Responsable des Marchés publics ;</li> <li>- Une Commission d'appel d'offres chargée de l'examen des candidatures et de l'évaluation des Offres;</li> </ul> <p>- Une personne ou un organe chargé de procéder aux engagements des crédits et aux liquidations des dépenses.</p>	<ul style="list-style-type: none"> <li>- mandrindra sy miantoka ny fitahirizana mandritra ny folo taona ireo antontan-kevitra rehetra mifandraika amin'ny Tsenambaro-panjakana.</li> </ul> <p><b>III.</b> Ho fanatanterahana ny asany, ny Manamahefa Mpandraiki-barotra dia otronon'ny:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Sampana miandraikitra ny fandaharan'asa izay misahana ny fandrafetana ny tetikasa fampiasam-bola sy ny fanaraha-maso ny fahamatoran'izany;</li> <li>- Mpiandraikitra ny Fandaharan'asa ;</li> <li>- Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana ;</li> <li>- Vaomieran'ny Tolobidyizay misahana ny fanombanana ny tolotra ;</li> </ul> <p>Olona na rafitra misahana ny fandraiketana ny vola holaniana sy manome fankatoavana ny fahamarinam-pototry ny fandaniana tokony ho efaim-bola.</p>
<p><b>Article 9.- Cellule de programmation</b></p> <p>La cellule de programmation est l'organe d'établissement et du suivi du degré de maturité des programmes d'investissement en collaboration avec les responsables de programmes d'investissement, les personnes responsables des marchés, la direction en charge des affaires financières, et les services techniques du département.</p> <p>A ce titre, elle est notamment chargée :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- de préparer les programmes consolidés d'investissement ;</li> <li>- de veiller au financement et à la réalisation des études préalables ;</li> <li>- d'endosser les plans simplifiés de passation de marchés de l'année concernée.</li> </ul>	<p><b>Andininy 9.- Sampana miandraikitra ny Fandaharan'asa</b></p> <p>Ny Sampana misahana ny Fandaharan'asa, otronin'ireo tompon'andraikitra ny tetikasa ampiasam-bola, ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, sy ny foiben-draharaha misahana ny fitantanam-bola ary ny sampana ara-teknikan'ilay departemanta, no miandraikitra ny fandrafetana ny tetikasa fampiasam-bola sy ny fanaraha-maso ny fahamatoran'izany.</p> <p>Araka izany, dia izy koa no misahana ny :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- fanomanana tamba-be ny tetikasa fampiasam-bola ;</li> <li>- manara-maso ny famatsiam-bola sy ny fanatontosana ny famakafakana mialoha ;</li> <li>- fandraisana ireo drafitra fandraiketana ny Tsenambaro-panjakana amin'ny endriny mbola tsy voavelabelatra mahakasika ny taona itsahina.</li> </ul>

<p><b>Article 10.- Responsable de programme</b></p> <p>Le responsable de programme assume la fonction de Chef de Projet.</p> <p>Il est notamment chargé :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- de veiller à la programmation et à l'identification des activités en vue d'atteindre les résultats escomptés ;</li> <li>- de suivre la préparation et l'exécution des programmes d'investissement.</li> </ul>	<p><b>Andininy 10.- Mpiandraikitra ny Fandaharan'asa</b></p> <p>Ny Mpiandraikitra ny Fandaharan'asa no misahana ny asan'ny Lehiben'ny Tetikasa.</p> <p>Noho izany dia izy no misahana :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- ny fandaminana sy ny famaritana ireo asa atao hanatratrarana ny tanjona na vokatra kendrena ;</li> <li>- ny fanaraha-maso ny asa fanomanana sy ny fanantaterahana ireo tetikasa fampiasam-bola.</li> </ul>
<p><b>Article 11.- Personne Responsable des Marchés Publics</b></p> <p><b>I.</b> La Personne Responsable des Marchés Publics est l'autorité habilitée par l'autorité contractante à conduire la procédure de la passation du marché et à suivre son exécution. A ce titre, elle notifie l'attribution du marché au titulaire, signe et approuve le marché, et représente l'Autorité Contractante durant toute la phase d'exécution du marché.</p> <p><b>II.</b> Elle est notamment chargée de :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- participer avec les services techniques et les Personnes Responsables de Programmes à la préparation des plans simplifiés de passation de marchés pour l'année concernée, et des plans détaillés de passation de marchés aussitôt après adoption des crédits ;</li> <li>- désigner le Président de la Commission d'Appel d'Offres et désigner les membres de la sous-commission technique d'évaluation des offres ;</li> <li>- gérer toutes les activités permettant d'obtenir les validations, approbations, et notifications des marchés ;</li> <li>- suivre l'exécution des marchés ;</li> </ul>	<p><b>Andininy 11.- Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana</b></p> <p><b>I -</b> Ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana dia fahefana nomena alàlana hitondra ny paika rehetra handraiketana ny Tsenambaro-panjakana sy hanara-maso ny fanatanterahana izany. Noho izany, dia izy no mampahafantatra amin' izay voasafidy ny fahazahoany ny tsenam-barotra, manao sonia sy mankato ny fifampiraharaha, ary misolo tena ny Manamahefa Mpandraiki-barotra mandritra ny fotoana rehetra fanatanterahana ny Tsenambaro-panjakana.</p> <p><b>II -</b> Ireto avy no andraikiny :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- mandray anjara, miaraka amin'ny sampan-draharaha teknika sy ny Mpiandraikitra ny Fandaharan'asa, amin'ny fanomanana ny drafitra fandraiketana ny Tsenambaro-panjakana amin'ny endriny mbola tsy voavelabelatra ho an'ny taona voakasik'izany, sy ny drafitra feno ahitana andinindininy raha vantany vao nankatoavina ny tetibola ;</li> <li>- manendry ny Filohan'ny Vaomieran'ny tolobidy ary manendry ireo mpikambana ao amin'ny zana-baomiera mpanombana ara-teknika ny tolobidy;</li> <li>- misahana ireo asa mikasika ny fankatoavana, fanekena, ary fampahafantarana amin'izay nahazo ny Tsenambaro-panjakana;</li> <li>- Manara-maso ny fanatanterahana ny Tsenambaro-panjakana ;</li> </ul>

<p>- veiller à la tenue des archives de tous les documents relatifs aux marchés publics ;</p> <p>- participer à la préparation des rapports d'achèvement des marchés.</p> <p><b>III.</b> La Personne Responsable des Marchés Publics est nommée pour un mandat de trois ans renouvelable une seule fois sous une même autorité contractante. Le mandat de la Personne Responsable des Marchés Publics est irrévocable sauf pour cause de violation grave des dispositions du présent code ou si la Personne Responsable des Marchés Publics fait l'objet d'une condamnation définitive pour crimes ou délits prononcée par la juridiction pénale.</p> <p><b>IV.</b> Les Personnes Responsables des Marchés Publics sont nommées par l'Autorité contractante parmi une liste de personnes ayant des connaissances avérées et des expériences probantes en marchés publics et proposées par l'Autorité de Régulation des Marchés Publics.</p> <p><b>V.</b> Dans l'accomplissement de ses tâches, la Personne Responsable des Marchés Publics est assistée par une Unité de gestion de la passation des Marchés Publics.</p> <p><b>VI.</b> En cas d'absence ou d'empêchement de la Personne Responsable des Marchés Publics, l'Autorité contractante désigne une autre personne, ayant rempli les conditions fixées au IV ci-dessus, pour exercer temporairement la fonction de Personne Responsable des Marchés Publics. Au-delà d'un délai de trois mois, l'absence ou l'empêchement est considéré comme définitif et l'Autorité contractante procède à la nomination d'une nouvelle Personne Responsable des Marchés Publics en la même forme que celle prévue aux III et IV ci-dessus.</p> <p><b>VII.</b> Les modalités d'application du présent article seront définies par voie réglementaire.</p>	<p>- Mitahiry ireo antontan-kevitra rehetra mikasika ny Tsenambaro-panjakana ;</p> <p>- Mandray anjara amin'ny fanomananany tatitra momba ny fahavitan'ny Tsenambaro-panjakana.</p> <p><b>III.</b> Tendren'ny Manamahefa Mpandraiki-barotra iray, mandritra ny fotoampiasana telo taona azo havaozina indray mandeha monja, ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana. Tsy azo ialàna na foanana io fe-potoana io raha tsy nohon'ny fandikana an-kitsirano ireo fepetra voalazan'ity fehezan-dalàna ity, na vokatry ny fanamelohan'ny Fitsarana Famaizana nohon'ny heloka tsootra na heloka bevava nataon'ilay Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana.</p> <p><b>IV.</b> Ny fanendrena ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana dia avy amin'ny lisitr'ireo olona manana fahalalàna tsy azo iadian-kevitra sy traikefa azo tsapain-tanànaamin'ny fikirakirana ny Tsenambaro-panjakana ary atolotry ny Manamahefa Mpandrindra ny Tsenambaro-panjakana.</p> <p><b>V.</b> Otronin'ny rafitra mpitantana ny fandraiketana Tsenambaro-panjakana ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana eo am-panatanterahana ny asany.</p> <p><b>VI.</b> Raha sendra misy tsy maha-eo, na tsy fahafahan'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, dia manendry olon-kafa izay mahafeno ireo fepetra voalazan'ny IV etsy ambony ny Manamahefa Mpandraiki-barotra, mba hisahana mandritra ny fotoana voafetra ny asan'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana. Rehefa dify ny telo volana ka mbola tsy eo, na mbola tsy afaka ihany, ilay Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, dia heverina ho tsy azo hiverenana intsony ny toe-javatra ka manendry olona vaovao indray ny Manamahefa Mpandraiki-barotra mba hisahana tanteraka sy maharitra ny asan'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, araka ny fombafomba fanendrena voalazan'ny III sy IV etsy ambony.</p> <p><b>VII.</b> Hofaritana amin'ny didy amam-pitsipika ny fombafomba fampiharana izay voalazan'ity andininy ity.</p>
---	---

## **Article 12.- Commission d'Appel d'Offres**

**I.** La Commission d'Appel d'Offres est chargée de procéder à l'examen des candidatures et à l'évaluation des offres ou propositions remises.

**II.** Les membres de la Commission d'Appel d'Offres sont désignés par la Personne Responsable des Marchés Publics.

**III.** La Commission d'Appel d'Offres est présidée par une personne désignée par la Personne Responsable des Marchés Publics parmi les membres.

**IV.** En tant que de besoin, la Personne Responsable des Marchés Publics peut adjoindre à la Commission d'Appel d'Offres la compétence de personnes spécialisées dans le cadre de l'évaluation des offres remises.

**V.** Les membres de la Commission d'Appel d'Offres, ainsi que toute autre personne ayant participé à l'évaluation des candidatures et des offres, sont tenus à une obligation de confidentialité et à un strict devoir de réserve dans le cadre de toute activité liée à ladite évaluation.

A cet effet, ils s'interdisent de divulguer toute information qui est portée à leur connaissance dans le cadre de l'évaluation, notamment celle de nature à porter atteinte aux principes directeurs de la commande publique édictés par le présent Code des Marchés Publics. Ils seront tenus personnellement responsables de toute divulgation d'informations confidentielles résultant de leur négligence.

**VI.** La composition, les attributions et les modalités de fonctionnement de la Commission d'Appel d'Offres sont déterminées par voie réglementaire.

## **Andininy 12.- Vaomieran'ny Tolobidy**

**I.** Ny Vaomieran'ny Tolobidy no misahana ny fandinihana ny taratasy fandraisana anjara sy ny fanombanana ireo tolobidy, na tolotra, naterin'ireo mpifaninana.

**II.** Tendren'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Tolobidy.

**III.** Ny Vaomieran'ny Tolobidy dia tarihin'ny mpikambana iray notendren'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana.

**IV.** Raha ilaina, dia azon'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana atao ny manendry olon-kafa manam-pahaizana manokana mba hanampy ny Vaomieran'ny tolobidy amin'ny fanombanana ireo tolotra na tolobidy voaray.

**V.** Ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny tolobidy sy izay olona rehetra nandray anjara tamin'ny asa fanombanana ny filatsahan-kifaninana, na ny tolobidy, dia tsy mahazo mamoka ny tsiambaratelon'izany ary tsy mahazo maneho hevitra imason'olona mikasika izany sy izay manodidina izany.

Noho izany dia tsy azon'izy ireo atao velively ny mamoka ho fantabahoaka izay vaovao na resaka henony sy fantany nandritra ny asa fanombanana, indrindra fa ireo izay mety hanohintohina ireo feni-dehibe voalazan'ity fehezan-dalàna momba ny Tsenambaro-panjakana ity. Tompon'andraikitra feno sy tanteraka amin'izay mety ho fiparitahan'ny vaovao miendrika tsiambaratelo izy ireo, raha toa ka nohon'ny tsy fitandremany, na nohon'ny tsy fahamailoany, na nohon'ny tandrevaka nataony no nahatonga izany.

**VI.** Hofaritana amin'ny didy amam-pitsipika ny mikasika ny firafitra sy ny anjara asa ny fomba fiasan'ny Vaomieran'ny Tolobidy.

### **Article 13.- Commission de réception des prestations**

**I.** Une Commission de réception est créée auprès de la Personne Responsable des Marchés Publics ou du groupement d'achat public.

**II.** La réception est l'acte juridique par lequel l'autorité contractante constate l'exécution de la totalité des prestations conformément aux prescriptions du marché. A cet effet, elle déclare accepter avec ou sans réserves la prestation, objet du marché.

**III.** La réception peut être provisoire ou définitive suivant la nature des prestations. Le titulaire du marché est libéré de ses engagements contractuels après réception définitive.

**IV.** Le prononcé de la réception est une obligation pour l'autorité contractante. La réception est prononcée contradictoirement et matérialisée sous forme écrite. Elle donne lieu à l'établissement d'un procès-verbal signé par les membres de la commission de réception présidée par la Personne Responsable des Marchés Publics ou son représentant dûment mandaté.

**V.** A partir du prononcé de la réception et la signature du procès-verbal y afférent, l'autorité contractante prend possession de la prestation.

**VI.** Des textes réglementaires préciseront en tant que de besoin le mode de fonctionnement, les attributions et la composition de la commission de réception.

### **Andininy 13.- Vaomieran'ny Fandraisana ny Asa**

**I.** Aorina eo anivon'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, na ny Vondron'ny Mpividy, ny atao hoe Vaomieran'ny Fandraisana ny asa.

**II.** Ny fandraisana ny asa dia fomba araka ny lalàna anaovan'ny Manamahefa mpandraiki-barotra fankatoavana ny fahavitan'ny asa, amin'ny ampahany na manontolo, araka izay voalazan'ny fifanarahan'ny roa tonta tamin'ny Tsenambaro-panjakana. Amin'izany no anambaràny fa manaiky, misy na tsy misy fepetra, ny fandraisana ny asa anton'ny fifampiraharaha izy.

**III.** Mety ho vonjy maika, na raikitra, ny fandraisana ny asa, arakaraky izay toetoetry nyasa raisina. Mitsahatra manomboka eo amin'ny fandraisana raikitra ny adidy vokatry ny fifanarahana, ary hatreo dia tsy voafatotr'izany intsony ny Tompon'ilay Tsenambaro-panjakana vao noraisina.

**IV.** Adidy tsy maintsy ataon'ny Manamahefa mpandraiki-barotra ny fanambaràna ny fandraisana ny asa vita na natolotra. Samy manambara ny fandraisana ny asa ny roa tonta ary atao an-tsoratra izany. Raha efa izany dia raiketina amin'ny fitanana an-tsoratra, izay soniavin'ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny fandraisana asa, tarihin'ny Tompon'andraikitra ny Tsenambaro-panjakana na ny solon-tena nomeny alàlana ara-dalàna.

**V.** Vantany vao vita ny fandraisana asa sy ny fanaovan-tsonia ny fitanana an-tsoratra mikasika izany, dia lasa fananan'ny Manamahefa mpandraiki-barotra tanteraka ny asa natolotra.

**VI.** Raha ilaina, dia hisy didy amam-pitsipika horaisina hanome ny andinindininy mikasika ny anjara asa sy ny fandrafetana ny Vaomieran'ny Fandraisana ny asa.

#### **Article 14.- Délégation de maîtrise d'ouvrage**

**I.** L'autorité contractante peut déléguer tout ou partie de ses attributions à un maître d'ouvrage délégué, en abrégé MOD.

**II.** Le maître d'ouvrage délégué agit dans la limite du mandat qui lui est assigné. Il n'est tenu envers le maître d'ouvrage que de la bonne exécution des attributions dont il a personnellement été chargé.

**III.** La délégation de la maîtrise d'ouvrage porte à la fois sur la passation et l'exécution des marchés :

- d'ouvrages, de bâtiments ou d'infrastructures, y compris les services de maîtrise d'œuvre, la fourniture de matériels et équipements nécessaires à leur exploitation ;
- de programmes d'intérêt public ou projets inclus dans de tels programmes, comprenant un ensemble de travaux, fournitures et services.

**IV.** Les règles de passation de marchés applicables à la maîtrise d'ouvrage et à la maîtrise d'ouvrage déléguée sont les mêmes, sous réserve des adaptations nécessaires pour tenir compte de l'intervention du maître d'ouvrage délégué.

**V.** Dans la limite du programme et de l'enveloppe financière prévisionnelle qu'elle a arrêtée, l'autorité contractante peut confier au maître d'ouvrage délégué, dans les conditions définies par une convention, l'exercice, en son nom et pour son compte, de tout ou partie des attributions suivantes :

- définition des conditions administratives et techniques d'exécution du projet ;

#### **Andininy 14.- Fanomezam-pahefana amin'ny fifehezan'asa**

**I.** Ny Manamahefa mpandraiki-barotra dia afaka manome fahefana, manontolo na amin'ny ampahany amin'ny anjara andraikiny, ny Mpifehy asa nomem-pahefana, afohezina hoe MOD.

**II.** Tsy afaka mihoatra na mandingana ny fetran'izay fahefana nomena azy ny Mpifehy asa nomem-pahefana. Tsy misy mamatotra azy amin'ny Mpifehy asa kosa afa-tsy ny fanatanterahany an-tsakany sy an-davany ny anjara raharaha izay nankinina taminy manokana.

**III.** Ny fanomezam-pahefana amin'ny fifehezan'asa dia sady mahakasika ny fandraiketana no mahakasika koa ny fanatanterahana ny Tsenambaro-panjakana mifandraika amin'ny:

- asa vaventy, trano na fotodrafitrasa, anatin'izany ny momba ny fisahanana asa, ny fivarotana fitaovana sy ny fampitaovana ilaina amin'ny fampiasana azy ireo ;
- fandaharan'asa mahakasika ny tombontsoan'ny daholobe na tetikasa tafiditra ao anatin'izany fandaharan'asa izany, ahitana fitambaran'asa maromaro, kojakoja sy fisahanan-draharaha.

**IV.** Ny fitsipika momba ny fandraiketana Tsenambaro-panjakana ampiharina amin'ny fifanarahana fifehezan'asa sy fifanarahana fifehezan'asa nomem-pahefana dia mitovy ihany, nefa mety misy kosa fanamboarana tokony hatao nohon'ny fidirana an-tsehatry ny Mpifehy asa nomem-pahefana.

**V.** Raha toa ka voafetra ao anaty fandaharan'asa novinavinaina sy voasahan'ny vola natokana ho amin'izany, dia azon'ny Manamahefa mpandraiki-barotra atao, ho azy sy amin'ny anarany, ny manankina manontolo na amin'ny ampahany, amin'ny Mpifehy asa nomem-pahefana ireto andrakitra manaraka ireto, araka izay fepetra faritan'ny roa tonta ao anaty fifanarahana :

- famaritana ny fepetra ara-pitondran-draharaha sy ara-teknika ho fanatanterahana ny tetikasa ;

- organisation et conduite de la procédure de passation des marchés nécessaires à l'exécution de l'ouvrage ou du projet jusqu'à l'attribution provisoire ;
- choix des maîtres d'œuvre, mission de contrôle, bureau de contrôle et tout autre prestataire nécessaire ;
- signature des marchés après approbation du choix du titulaire par l'autorité contractante ;
- gestion des marchés passés au nom et pour le compte de l'autorité contractante ;
- paiement ou autorisation des paiements aux titulaires des marchés ;
- réception des travaux, fournitures ou services ;
- gestion financière, comptable et administrative de l'opération ;
- accomplissement de tous actes afférents aux attributions mentionnées ci-dessus.

**VI.** Le maître d'ouvrage délégué représente l'autorité contractante à l'égard des tiers dans l'exercice des attributions qui lui ont été confiées jusqu'à ce que l'autorité contractante ait constaté l'achèvement de sa mission, dans les conditions définies par la convention mentionnée ci-après. Il peut agir en justice.

**VII.** Sans préjudice des dispositions des textes en vigueur, les rapports entre le maître d'ouvrage et le maître d'ouvrage délégué sont définis dans le cadre d'un mandat, conformément à la procédure applicable aux marchés de prestations intellectuelles.

- fandaminana sy fanaovana ny fombafomba fandraiketana Tsenam-barotra mikasika fanatanterahana asa vaventy na tetikasa, mandrapahavitan'ny dingana fanomezana vonjimaika ny Tsenam-barotra ;
- fisafidianana ny Mpisahana asa, ny mpanao asa fanaraha-maso, ny birao fanaraha-maso sy izay rehetra mpisahana hafa mety ilaina ;
- fanaovan-tsonia ny fifampiraharaham-barotra rehefa avy nankatoavan'ny Manamahefa mpandraiki-barotra ny safidy izay ho tompon'ny Tsenambaro-panjakana;
- fitantanana ny fifampiraharaham-barotra amin'ny anarana sy ho an'ny Manamahefa mpandraiki-barotra ;
- fanefam-bola na fanomezana alàlana hanefa ny volan'ny tompon'ny Tsenambaro-panjakana ;
- fandraisana ny asa, kojakoja na fisahanan-draharaha ;
- fitantanam-bola, fitanan-kaonty sy fitondran-draharahan'ny lahasa ;
- famitàna ny sora-draharaha rehetra mifandraika amin'ny andraikitra voalaza etsy ambony.

**VI.** Mandritra ny fanatanterahana ny andraikitra nankinina taminy ka mandrapahatapitr'izany, rehefa voamarin'ny Manamahefa mpandraiki-barotra izany, dia ny Mpifehy asa nomem-pahefana no misolo tena ny Manamahefa mpandraiki-barotra manoloana ny olon-kafa ety ivelany, araka ny fepetra voafaritry ny fifanarahana voalaza etsy ambony. Afaka mampiakatra raharaha any amin'ny fitsarana ny Mpifehy asa nomem-pahefana.

**VII.** Tsy anohinana izay voalazan'ny rijan-teny manan-kery, fa ny fifandraisana eo amin'ny Mpifehy asa sy ny Mpifehy asa nomem-pahefana dia feheziny ny fanomezam-pahefana, araka ny ny fombafomba fanao amin'ny Tsenambaro-panjakana momba ny fisahanana asa ara-tsaina.



<p><b>VIII.</b> A peine de nullité, le mandat doit indiquer :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- l'ouvrage ou le projet, objet de la convention ;</li> <li>- les attributions confiées au maître d'ouvrage délégué ;</li> <li>- les conditions dans lesquelles le maître d'ouvrage constate l'achèvement de la mission du maître d'ouvrage délégué ;</li> <li>- les modalités de la rémunération du maître d'ouvrage délégué ;</li> <li>- les pénalités applicables en cas d'inobservation ou d'inexécution de ses obligations ;</li> <li>- les conditions de résiliation de la convention ;</li> <li>- les conditions de financement et de remboursement des dépenses nécessaires à l'exécution de la convention ; les modalités d'exercice des contrôles techniques, financiers et comptables par le maître d'ouvrage.</li> </ul> <p><b>IX.</b> Peuvent être maître d'ouvrage délégué :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- les personnes morales et organismes visés au paragraphe I de l'article 4 de la présente loi ;</li> <li>- les personnes publiques ou privées auxquelles est confiée la réalisation de programmes ou de projets.</li> </ul>	<p><b>VIII.</b> Mba tsy hahafaoana azy dia tsy maintsy lazaina ao anaty fanomezam-pahefana ireto manaraka ireto :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- ny asa na ny tetikasa izay antony anaovana ny fifanarahana ;</li> <li>- ny andraikitra nankinina tamin'ny Mpifehy asa nomem-pahefana;</li> <li>- ny fepetra rehetra ahafahan'ny Mpifehy asa manamarina fa tanteraky ny Mpifehy asa nomem-pahefana tokoa ny andraikitra napetrany taminy;</li> <li>- ny fombafomba fanomezana ny karaman'ny Mpifehy asa nomem-pahefana;</li> <li>- ny sazy ampiharina aminy raha misy tsy fanarahany, na tsy fanatanterahany ny adidy aman'andraikiny ;</li> <li>-</li> <li>- ny fepetra mikasika ny fanafoanana ny fifanarahana ;</li> <li>- ny fepetra mikasika ny famatsiam-bola sy ny fanonerana izay fandania nilaina tamin'ny fanatanterahana ny fifanarahana ; ny fombafomba fanaovana ny fanaraha-maso ara-teknika sy ara-bola ary ara-pitanan-kaonty ataon'ny Tompon'asa.</li> </ul> <p><b>IX.</b> Ireto avy no azo tendrena ho Mpifehy asa nomem-pahefana:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- ny fikambanana mizaka zo aman'andraikitra sy vondron-draharaha voalazan'ny andalana I ao amin'ny andininy faha-4 amin'ity lalàna ity ;</li> <li>- ny Fanjakana na olon-tsootra izay nanankinana ny fanatanterahana fandaharanasa na tetikasa.</li> </ul>
--	--

**Article 15.- Les groupements d'achats publics**

**I.** Des groupements d'achats publics ou des cellules d'achats publics peuvent être constitués par les autorités contractantes.

Le groupement d'achat peut être mis en œuvre pour les services déconcentrés de l'Etat au niveau d'une même localité et les communes rurales d'une même région si, de commun accord, les Autorités contractantes concernées l'estiment nécessaire au vu de leurs capacités financières, techniques, et en ressources humaines.

**II.** Selon l'importance de leurs besoins, un ou plusieurs départements ministériels peuvent être constitués en groupement d'achats publics par décret pris en Conseil du Gouvernement ou donner lieu à la création d'une cellule d'achats publics. Pour les collectivités territoriales décentralisées, l'acte constitutif du groupement d'achats publics est pris conjointement par les chefs de l'organe exécutif des collectivités groupées.

Pour chaque groupement, un arrêté interministériel ou inter collectivités désigne les membres représentant les départements ministériels ou chaque collectivité territoriales décentralisées concernés et parmi eux, un Chef de File chargé de procéder dans le respect des règles prévues par le présent Code, à l'organisation de l'ensemble des opérations de sélection d'un cocontractant.

L'un des membres représentant du département ministériel ou de la collectivité territoriale décentralisée peut être habilité à signer avec le titulaire du marché, un marché à hauteur de ses besoins propres tels qu'il les a préalablement déterminés.

**III.** La Commission d'Appel d'Offres du groupement d'achats est composée des personnes désignées par les membres du groupement. Elle est présidée par la Personne Responsable des Marchés Publics du chef de file.

**Andininy 15.- Ny Vondron'ny mpividy**

**I.** Azon'ny Manamahefa Mpandraiki-barotra atao ny manangana Vondron'ny mpividy na zana-bondron'ny mpividy.

Ny Vondron'ny mpividy koa dia azo atsangana eo anivon'ireo Sampan-draharaham-panjakana anapariaham-pahefana misy eo amin'ny toerana iray, na kaominana ambanivohitra maromaro ao amin'ny Faritra iray, raha toa ka mifanaraka ireo Manamahefa mpandraiki-barotra voakasik'izany fa ilaina izany fivondronana izany, nohon'ny antony mifandraika amin'ny fahafahamanaon'izy ireo ara-bola, na ara-teknika,na araka olona.

**II.** Araka ny haben'ny asa dia azon'ny ministera iray na maromaro atao ny mandrafitra Vondron'ny mpividy amin'ny alàlan'ny didim-panjakana noraisina nandritra ny filan-kevitra ny minisitra, na koa manorina Zana-bondron'ny mpividy. Ho an'ireo Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana kosa dia raisin'ireo lehiben'ny fahefana mpanatanteraky ny Vondrom-bahoaka miaraka ny fanapahan-kevitra hanorina ny Vondron'ny mpividy.

Ho an'ny Vondrona tsirairay dia misy didim-pitondrana iraisan'ny Ministera, na iraisan'ny Vondrom-bahoaka, manendry ireo mpikambana misolotena ny ministera na ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana tsirairay avy, ka anisan'izany ny Mpitarika ny Vondrona, izay natao handrindra ireo lahasa fandraiketam-barotra sy fisafidianana izay hahazo ny Tsenambaro-panjakana, ao anatin'ny fanajana tanteraka ireo fitsipika voalazan'ity fehezandalàna ity.

Afaka manao sonia ny fifanarahana miaraka amin'ny tompon'asa nahazo ny Tsenambaro-panjakana ny iray amin'ireo solontenan'ny Ministera, na ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. Ny fifampiraharana momba ny Tsenambarotra soniaviny dia manana hadiry mifandraika amin'ny filàna efa nofaritany mialoha.

**III.** Ireo olona notendren'ny mpikambana ao anatin'ny vondrona no mandrafitra ny Vaomieran'ny Tolobidy ao amin'ny Vondron'ny mpividy iray. Ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana avy amin'ny mpitarika ny Vondrona no Filohan'io Vaomiera io.

<p><b>IV.</b> La Personne Responsable des Marchés Publics du chef de file désigne le cocontractant après avis de la Commission d'Appel d'Offres.</p> <p><b>V.</b> La Personne Responsable des Marchés Publics de chaque membre du groupement d'achats, pour ce qui la concerne, signe le marché et s'assure de sa bonne exécution. Le décret pris en Conseil du Gouvernement ou l'acte pris conjointement par les chefs de l'organe exécutif des collectivités territoriales décentralisées groupées peut toutefois prévoir que le chef de file sera mandaté pour signer et faire exécuter le marché au nom de l'ensemble des membres du groupement.</p>	<p><b>IV.</b> Ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana avy amin'ny mpitarika ny Vondrona no manendry ny mpifaninana homena ny Tsenambaro-panjakana, araka ny tolo-kevitra ny Vaomieran'ny Tolobidy.</p> <p><b>V.</b> Ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana avy amin'ireo mpikambana tsirairay ao anaty Vondrona no manao sonia ny fifampiraharaham-barotra, araka izay tandrify azy avy, sy miantoka ny fahombiazan'ny fanatanterahana izany. Na izany aza, ny didim-panjakana noraisina nandritra ny filankevitra ny Minisitra, na ny fanapahan-kevitra niarahan'ireo Lehiben'ny rafitra mpanatanteraky ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ao anaty Vondrona dia afaka manome alàlana koa ny mpitarika ny Vondrona hanao sonia sy hanatanteraka ny fifampiraharaham-barotra amin'ny anaran'ireo mpikambana manontolo ao aminy.</p>
<p><b>Article 16.- Organisation et fonctionnement</b></p> <p>Il est institué un organe administratif en charge du contrôle des marchés publics rattaché auprès du Ministre chargé du Budget.</p> <p>Les missions et les attributions ainsi que la composition, l'organisation et les modalités de fonctionnement dudit organe sont fixées par voie réglementaire.</p>	<p><b>Andininy 16.- Lamina sy fomba fiasa</b></p> <p>Aorina ny rafi-panjakana natao hanara-maso ny Tsenambaro-panjakana ka apetraka eo ambany fiahian'ny Minisitra misahana ny Tetibola.</p> <p>Ny andraikiny, ny anjara asany, ny firafiny sy ny lamina ary ny fomba fiasany dia hofaritan'ny didy amam-pitsipika.</p>
<p><b>Article 17.- Missions et attributions</b></p> <p>Au titre de sa mission de contrôle, cet organe est chargé de :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- procéder à l'examen a priori et a posteriori, suivant les seuils de contrôle fixés par voie réglementaire, de la conformité des procédures de passation et des propositions liées à l'exécution des marchés publics,</li> <li>- procéder au contrôle des plans de passation, avis généraux et calendriers de passation de marchés élaborés par les Personnes Responsables des Marchés Publics,</li> <li>- procéder au contrôle des procédures de mise en concurrence pour les contrats de partenariat public-privé,</li> <li>- contribuer à l'analyse du système des marchés publics</li> </ul>	<p><b>Andininy 17.- Andraikitra sy anjara asa</b></p> <p>Amin'ny maha rafitra mpanara-maso azy dia andraikitra sahaniny ny :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>-fandinihana, mialoha sy ao aoriana, ireo tolokevitra, na fanapahan-kevitra, fanomezana Tsenambaro-panjakana noraisin'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, araky ny farafetra momba ny fanaraha-maso faritan'ny didy amam-pitsipika,</li> <li>-fanaraha-maso ireo drafitra fandraiketana, fampahafantarana ankapobe sy tetiandron'ireo fandraiketana Tsenambaro-panjakana novolavolain'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana,</li> <li>-fanaraha-maso ireo paika sy fombafomba fanao amin'ny fampifaninanana mikasika ny Fiaraha-miasan'ny Fanjakana sy ny tsy miankina,</li> <li>-fandraisana anjara amin'ny famakafakana sy fanadihadiana ny manodidina ny Tsenambaro-panjakana.</li> </ul>

### **Article 18.- Organisation et fonctionnement**

Il est institué une autorité administrative indépendante dotée de pouvoirs d'administration, de décision et de sanction, dénommée Autorité de Régulation des Marchés Publics. L'Autorité de Régulation des Marchés Publics est soumise à un contrôle juridictionnel, en particulier dans l'exercice de son pouvoir de sanction. Son indépendance est garantie par la présente loi et se manifeste par la collégialité ainsi que les modalités de désignation de ses membres, les conditions d'exercice de son mandat en particulier son irrévocabilité et son caractère renouvelable, et son autonomie financière.

Ses missions et attributions sont fixées à l'article 19 du présent code.

L'Autorité de Régulation des Marchés Publics, dotée de la personnalité juridique, jouit d'une autonomie administrative et financière. Un fonds de pérennisation est alloué au profit de l'Autorité de Régulation des Marchés Publics dont le montant est déterminé en fonction des marchés au cours de l'année et suivant un taux qui sera fixé par décret.

L'Autorité de Régulation des Marchés Publics est administrée par le Conseil de Régulation et la Direction Générale. Elle dispose d'un Comité de Règlement des Différends qui est une entité collégiale, tripartite et indépendante en matière de prise de décision, chargée de trancher sur les litiges en attribution, ainsi que le règlement amiable des différends et litiges relatifs à l'exécution des marchés publics.

### **Andininy 18.-Lamina sy fomba fiasa**

Atsangana ny rafi-panjakana mahaleo tena, manana fahefana hitantana sy handray fanapahan-kevitra ary afaka manasazy, antsoina hoe Manamahefa Mpandrindra ny Tsenambaro-panjakana. Eo amin'izay fahafahany manome sazy izay indrindra, dia mipetraka eo ambany fanaraha-mason'ny Fitarana ny Manamahefa Mpandrindra ny Tsenambaro-panjakana. Iantohan'ity Lalàna ity ny fahaleovan-tenany, izay hita soritraamin'ny alàlan'ireto toetoetra ireto: ny fiaraha-mitantana, ny fomba fanendrena ireo mpikambana ao aminy, ny fepetra mikasika ny fe-potoam-piasana, indrindra fa ny tsy fahafahana mandrava azy, na ny fahafahana manavao ny fotoam-piasany, ary ny fahafahany mizaka tena ara-bola.

Voafaritry ny andininy faha-19 amin'ity fehezan-dalàna ity ireo andraikitra sy anjara asan'ny Manamahefa Mpandrindra ny Tsenambaro-panjakana.

Ny Manamahefa Mpandrindra ny Tsenambaro-panjakana dia mizaka ny zony manokana araka ny lalàna, manana ny fizakan-tenany ara-pitantanana sy ara-bola koa izy. Noho izany dia misy tahiry raikitra miantoka ny enti-manan'ny Manamahefa Mpandrindra ny Tsenambaro-panjakana izay hofaritana amin'ny didy amam-pitsipika.

Ny Filan-kevitra ny Fandrindrana sy ny Foibem-pitondrana Ankapobeny no mitantana ny Manamahefa Mpandrindra ny Tsenambaro-panjakana. Ao anatin'ny no ahitana ny Komitin'ny Fandravonana Disadisa, izay rafitra telolafy mahaleo tena ary iaraha-mitantana, natao hanapa-kevitra an-kalalahana tanteraka amin'ny fifanolanana mahakasika ny fanomezana Tsenambaro-panjakana, sy ny fandravonana ara-piralahiana ireo disadisa sy fifandirana mikasika ny fanatanterahana Tsenambaro-panjakana.

**Article 19.- Missions et attributions**

L'Autorité de Régulation des Marchés Publics est chargée de :

- contribuer à la conception de la politique des marchés publics, en assurer l'exécution et en élaborer les stratégies de mise en œuvre,
- procéder à l'élaboration de la réglementation et à l'interprétation des textes et documents en matière de marchés publics,
- émettre des avis, propositions ou recommandations dans le cadre de la régulation des marchés publics,
- réaliser les missions d'observation des travaux et d'évaluation des capacités des organes de l'achat public,
- procéder au recensement et à l'analyse économique des marchés publics,
- produire à l'attention du Président de la République, du Gouvernement et du Parlement le rapport annuel sur le système malagasy des marchés publics,
- procéder à une auto saisine en cas d'irrégularités et de violations par les intervenants de la réglementation en matière de marchés publics,
- collecter et centraliser toutes documentations, informations et statistiques sur les marchés publics en vue de constituer une banque de données,
- réaliser ou faire conduire des audits spécifiques, des enquêtes et investigations sur le système des marchés publics,

**Andininy 19.- Andraikitra sy anjara asa**

Ny Manamahefa Mpandrindra ny Tsenambaro-panjakana no:

- mandray anjara amin'ny famolavolana ny politikan'ny Tsenambaro-panjakana, sy miantoka ny fanatanterahana ary mamolavola ny tetikady fampiharana izany;
- mamolavola ny fitsipika mikasika ny Tsenambaro-panjakana, sy miantoka ny fanazavana ireo rijanteny sy antontankevitra mifandraika amin'izany;
- maneho hevitra, sady manome soso-kevitra sy torolàlana, mba hahafahana mandrindra ny Tsenambaro-panjakana,
- mijery ifotony ny fomba fiasan'ireo rafi-panjakana mpikirakira Tsenambaro-panjakana, sy manao toman'ezaka amin'ny fahaiza-manaon'izy ireo,
- manangona antontan-kevitra sy manao famakafakana ara-toekarena mikasika ny Tsenambaro-panjakana,
- manao ny tatitra an-tsoratra isan-taona mikasika ny Tsenambaro-panjakana any amin'ny Filohan'ny Repoblika sy ny Parlemanta ary ny Governemanta,
- mandray an-tànana avy hatrany, na tsy misy fitoriana aza, ny tsy fanarahan-dalàna sy ny fanitsakitsahan'ny mpiantsehatra ireo fepetra amam-pitsipika mifehy ny Tsenambaro-panjakana,
- manangona sy manambatra izay mety ho antontan-kevitra, fahazoambaovao na antontan'isa mikasika ny Tsenambaro-panjakana mba ha lasa tahirin-kevitra azo trandrahana,
- manatontosa na mampanao fitsirihana manokana, na fanadihadiana na fikarohana mikasika ny fikirakirana ny Tsenambaro-panjakana,

<ul style="list-style-type: none"> <li>- réaliser les formations et assistance technique de l'ensemble des acteurs publics ou privés des marchés publics,</li> <li>- promouvoir la transparence du système des marchés publics en procédant à la publication de toutes les informations relatives aux marchés publics dans le journal spécialisé des marchés publics notamment les avis généraux, les appels à la concurrence et les avis d'attribution,</li> <li>- suivre et évaluer l'application des décisions qu'elle a prises et prendre les mesures appropriées à l'encontre des récalcitrants.</li> <li>- prendre en charge les recours liés à l'attribution des marchés publics,</li> <li>- émettre des avis dans le cadre du règlement amiable des litiges nés à l'occasion de l'exécution des marchés publics,</li> <li>- prendre des décisions sur les demandes d'exclusion de la participation aux marchés publics,</li> <li>- prononcer des sanctions administratives à l'encontre de tous organes de l'achat public ou toutes autres personnes ou organismes intervenant dans la préparation, la passation ou l'exécution des marchés publics pour atteinte à la réglementation des marchés publics,</li> <li>- apporter son arbitrage sur des contestations liées aux décisions et avis prononcés par l'organe de contrôle des marchés publics,</li> <li>- évaluer l'application du Code d'éthique par l'organe chargé du contrôle des marchés publics et les organes de l'achat public, et prendre des décisions en conséquence.</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>-manofana sady manampy ara-teknika ireo mpisehatra rehetra amin'ny Tsenambaro-panjakana, na miankina izy na tsia amin'ny Fanjakana,</li> <li>-miantoka izay hampangarahara ny fikirakirana ny Tsenambaro-panjakana, amin'ny alàlan'ny famoahana, amin'ny gazety voatokana ho an'izany, ny vaovao rehetra mikasika ny Tsenambaro-panjakana, ka anisan'izany ny filazàna mialoha ho an'ny daholobe, sy ny fiantsoana tolobidy, ary ny fampahafantarana ny besinimaro izay nahazo ny Tsenambaro-panjakana,</li> <li>-manara-maso sy manao tombana ny fampiharana ny fanapahan-kevitra noraisiny, ary mandray ny fepetra rehetra sahaza ho an'ireo izay tsy nanatanteraka izany.</li> <li>-mandravona ireo disadisa niseho teo am-panatanterahana ny Tsenambaro-panjakana,</li> <li>-maneho hevitra rehefa manao fanelanelanana sy fampihavanana nohon'ny disadisa nateraky ny fanatanterahana ny Tsenambaro-panjakana,</li> <li>-manapa-kevitra raha misy mangataka faniliana mpifaninana tsy hahazo mandray anjara amin'ny Tsenambaro-panjakana,</li> <li>-manasazy ara-panjakana ireo rafitra, na olona, na antokon-draharaha nandray anjara tamin'ny fikarakarana, fanomanana, fandraiketana na fanatanterahana Tsenambaro-panjakana, ka tsy nanaja ny fitsipika tokony harahina mikasika izany,</li> <li>-manao fanelanelanana, raha misy tsy fankatoavana ny hevitra, na fanapahan-kevitra, noraisin'ny rafitra mpanara-maso ny Tsenambaro-panjakana,</li> <li>-manao tombana mikasika ny fanajan'ireo rafitra mpanara-maso ny Tsenambaro-panjakana sy ireo rafitra mpikirakira ny Tsenambaro-panjakana ny fitsipi-pitondran-tena, eo am-panatanterahana ny asany, ka manapa-kevitra amin'izay fepetra tokony hifandraika amin'izany;</li> </ul>
---	---

## **Article 20.- De la capacité des candidats**

**I.** Tout candidat à un marché public doit démontrer qu'il a la capacité juridique, technique et financière ainsi que l'expérience nécessaire pour exécuter les prestations, objet du marché.

Pour être titulaire du marché, l'attributaire doit présenter une situation fiscale régulière à la date de notification de l'attribution ne datant pas de plus de six mois et une situation sociale cotisante régulière ne datant pas de plus de trois mois. La non-production des pièces fiscales et sociales dans un délai de quinze jours à compter de la date de notification de l'attribution entraîne le retrait du marché en vue d'une réattribution.

**II.** A l'appui des candidatures, il ne peut être exigé que :

-des renseignements permettant d'évaluer les capacités professionnelles, techniques et financières du candidat. La liste de ces renseignements et documents est fixée par voie réglementaire.

-une attestation sur l'honneur que la situation du candidat est conforme aux prescriptions des alinéas 1 à 5 de l'article 21 du présent code ;

-une attestation sur l'honneur que le candidat n'a pas fait l'objet, au cours des cinq dernières années, d'une condamnation pour les infractions visées à l'alinéa 6 de l'article 21 du présent code.

## **Andininy 20.- Ny fahafaha-manaon'ireo mpifaninana**

**I.** Ny mpifaninana rehetra amin'ny Tsenambaro-panjakana dia tsy maintsy manaporofy ny fananany ny fahafa-manao ara-dalàna, ara-teknika sy ara-bola ary ny fananany ireo traikefa ilaina amin'ny fanatanterahana ny asa, izay antom-pisian'ily Tsenambaro-panjakana.

Mba tena haha-tompon'ny asa tanteraka ily nomena ny Tsenambaro-panjakana, dia tsy maintsy asehony ny taratasy ara-panjakana, izay nomena tao anatin'ny enim-bolana raha be indrindra, manamarina fa nahaloha hetra ara-dalàna izy, hatreo amin'ny fotoana nampahafantarana azy fa nomena azy ily tsenam-barotra, sy ny taratasy ara-dalàna, izay nomena tao anatin'ny telo volana kosa raha be indrindra, manamarina ny fandoavany ny latsakemboka sosialy amin'ny maha-mpandraharaha azy. Esorina aminy ny fanomezana ny Tsenam-barotra ary omena olon-kafa indray izany, raha toa tsy mampiseho ireo taratasy ara-ketra sy ara-tsosialy ireo izy, ao anatin'ny dimy ambinifolo andro isaina manomboka amin'ny fotoana nampahafantarana azy ny fahazoany ny Tsenam-barotra.

**II.** Ireto ihany no taratasy azo takiana miaraka amin'ny taratasy firosahan-kifaninana :

-taratasy sy antontan-kevitra isan-karazany hahafahana mitsara ny fahaiza-manao araka asa sy ara-teknika, ary ny fahafaha-manao ara-bolan'ny mpifaninana. Hofaritan'ny didy amam-pitsipika ny lisitr'ireo taratasy sy antontan-kevitra ireo.

-ny fiaikena an-tsoratra sy am-boninahitra ataon'ny mpifaninana fa ara-dalàna amin'ny fandoavan-ketra, araka izay voalaza ao amin'ny fepetra voatondron'ny andalana voalohany sy faha-5 ao amin'ny andininy faha-21 amin'ity fehezan-dalàna ity izy;

-ny fiaikena an-tsoratra sy am-boninahitra ataon'ny mpifaninana fa tsy voaheloka tamina fandikan-dalàna voalazan'ny andalana faha-6 ao amin'ny andininy faha-21 ato amin'ity fehezan-dalàna ity izy nandritra ny dimy taona farany;

<p>La Personne Responsable des Marchés Publics précise dans le Dossier d'Appel d'Offres les critères de qualification et les renseignements et documents que doit produire le candidat à l'appui de ces critères.</p> <p>La Personne Responsable des Marchés Publics ne peut pas faire obstacle à la participation aux appels d'offres nationaux et internationaux de tout candidat, national ou étranger, résident ou non-résident, qui le souhaite et qui dispose des capacités requises.</p>	<p>Soratan'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana ao anatin'ny Fitaomana hanao tolobidy daholo ny mombamomba ireo mason-tsivana hitsarana ny fahafaha-mandray anjaran'ny mpifaninana, sy ireo fanampim-baovao ary antontan-kevitra tokony hampiarahan'ny mpifaninana amin'ny tolobidiny, hahafahany manamarina fa mahafeno ireo mason-tsivana ireo izy.</p> <p>Tsy azon'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana sakanana tsy handray anjara amin'ny fitaomana hanao tolo-bidy, na eto an-toerana na misokatra amin'ny iraisam-pirenena, ny mpifaninana izay te-hanao izany, na tera-tany na tsia, na monina na tsia eto an-toerana, kanefa mahafeno ny fepetra rehetra takiana amin'ny fahafahana manao izany.</p>
<p><b>Article 21.- Candidats non admis à concourir – Exclusions et incapacités</b></p> <p>Ne sont pas admis à concourir aux marchés publics :</p> <p>a) Les personnes physiques ou morales en état de liquidation judiciaire et les personnes physiques dont la faillite personnelle a été prononcée ;</p> <p>b) Les personnes physiques ou morales admises en règlement judiciaire qui ne peuvent justifier qu'elles ont été habilitées à poursuivre leur activité ;</p> <p>c) Les personnes physiques ou morales qui n'ont pas souscrit à leurs obligations fiscales ou para fiscales à la date limite fixée pour le dépôt des offres ;</p>	<p><b>Andininy 21.- Mpifaninana tsy mahazo mandray anjara- fanilihana sy tsy fahafaha-manao</b></p> <p>Tsy afaka mifaninana amin'ny Tsenambaro-panjakana :</p> <p>a°) ireo olona na fikambanana tratry ny fandravana ara-pitsarana, na ireo olona efa voadidy fa banky rompitra ;</p> <p>b°) ireo olona na fikambanana mbola ao anaty fandaminana ara-pitsarana kanefa tsy afaka manamarina ny fahafahany manohy asany ;</p> <p>c°) ireo olona na fikambanana tsy nahalao ny hetra, na ny haba, tokony efainy hatramin'ny daty farany ahafahana mametraka ny tolobidy ;</p>



**d)** Les entreprises dans lesquelles la Personne Responsable des Marchés Publics ou les membres de la Commission d'Appel Offres possèdent des intérêts financiers ou personnels directs de quelque nature que ce soit ;

**e)** Les entreprises affiliées aux prestataires de service ayant contribué à préparer tout ou partie des Dossiers d'Appel d'Offres ou de consultation ;

**f)** Les personnes ayant fait l'objet de condamnation pénale définitive pour crimes ou délits ;

**g)** Dans le cadre des marchés financés sur des fonds d'un ou plusieurs partenaires financiers, les candidats ayant fait l'objet de sanctions par lesdits bailleurs de fonds ;

**h)** Les personnes physiques ou morales provenant des autres pays frappés de l'interdiction de relations commerciales avec le pays de l'Emprunteur, et/ou en application d'une décision prise par le Conseil de sécurité des Nations Unies au titre du Chapitre VII de la Charte des Nations Unies, en ce qui concerne toutes transactions commerciales ;

**i)** Les personnes physiques ou morales qui ont fait l'objet d'exclusion temporaire ou définitive prononcée par l'Autorité de Régulation des Marchés Publics. Les modalités d'exclusion temporaire ou définitive seront définies par voie réglementaire.

**d°)** ireo Orinasa ananan'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, na ny mpikambana ao anatin'ny Vaomieran'ny Tolobidy, tombotsoa ara-bola na tombotsoa manokana, na inona na inona endriny ;

**e°)** ireo orinasa misy rohim-pifandraisana amin'ny mpisahan-draharaha nandray anjara tamin'ny fanoratana, ampahany na manontolo, ny Antontan-kevitra ny Fitaomana hanao Tolobidy na ny Antontan-kevitra Fitaomana hanao Tolotra ;

**f°)** ireo olona efa niharan'ny sazy famaizana tsy azo iverenana nohon'ny heloka tsotra na heloka bevava vitany ;

**g°)** ireo mpifaninana efa nahazo sazy avy tamin'ny mpamatsy vola, raha toa ka misy famatsiam-bolan'ny iray, na maromaro, amin'ireo mpiara-miombon'antoka ireo ilay Tsenambaro-panjakana voakasika ;

**h°)** ireo olona na fikambanana avy amin'ireo firenena tsy mahazo mifandray ara-barotra amin'ilay firenena mpamatsy vola, sy/na avy amin'ireo firenena voasazy ara-pifanakalozana ara-barotra, nohon'ny fampiharana ny fanapahan-kevitra ny Filan-kevi-pilaminan'ny Firenena Mikambana, araka izay voalaza ao amin'ny toko faha VII amin'ny Dinan'ny Firenena Mikambana ;

**i°)** ireo olona na fikambanana nandraisan'ny Manamahefa Mpandrindra ny Tsenambaro-panjakana fanapahan-kevitra fa hailika vonjimaika na tanteraka. Hisy didy amam-pitsipika horaisina hamaritana ny fombafomba fanao amin'izany fanilihana, vonjimaika na tanteraka, ny mpifaninana izany.

## **Article 22.- Candidatures des groupements d'entreprises**

**I.** Les entreprises peuvent présenter leur candidature, leur offre ou leur proposition sous forme de groupement solidaire ou de groupement conjoint.

Pour le groupement momentané d'entreprises conjoint, chaque opérateur est engagé sur les prestations qu'il réalise. En cas de défaillance de l'un d'entre eux, il appartient au mandataire de faire réaliser la prestation au prix initialement prévu dans le marché. Pour les prestations divisées en lots, chacun des prestataires membres du groupement s'engage à exécuter le ou les lots qui sont susceptibles de lui être attribués dans le marché.

Pour le groupement momentané d'entreprises solidaire, avec mandataire commun, chaque entreprise est solidairement engagée et, en cas de difficulté d'exécution, est engagée pour la totalité du marché, que l'opération soit ou non divisée en lots et peut être amenée à pallier la défaillance de l'un des partenaires.

**II.** Dans les deux formes de groupements, l'un des prestataires membres du groupement, désigné dans l'acte d'engagement comme mandataire, représente l'ensemble des membres vis-à-vis de la Personne Responsable des Marchés Publics, et coordonne les prestations des membres du groupement. Si le marché le prévoit, le mandataire conjoint est solidaire de chacun des membres du groupement pour ses obligations contractuelles à l'égard de la personne publique, pour l'exécution du marché.

## **Andininy 22.- Fandraisan'anjaran'ireo Vondron'orinasa**

**I.** Afaka mametraka ny taratasy maha-mpifaninana azy, na ny tolobidy na ny tolotra arosomy ny orinasa maromaro mivondrona, na amin'ny endriny miara-mizaka, na amin'ny endriny samy mizaka tena.

Ho an'ireo vondron'orinasa mitambatra mandritra io vanim-potoana io ihany, nefa samy mizaka tena ny mpandraharaha tsirairay, dia samy tompon'andraikitra sy tompon'antoka amin'izay anjara asa nasaina nosahaniny avy izy ireo. Raha tsy nahatontosa, na nisy ny lesoka, tamin'ny asan'ny iray amin'izy ireo, dia anjaran'izay nomem-pahefana no manao izay hahavita ny asa amin'ny saran'ny fifampiraharaham-barotra nifanarahana teny am-piandohana. Ho an'ireo asa mitsinjara ho ampahany kosa, dia samy tompon'andraikitra amin'izay ampahan'asa nomena hosahaniny avy ny tsirairay mpikambana ao amin'ny vondrona.

Ho an'ireo vondron'orinasa amin'ny endriny miara-mizaka mandritra io vanim-potoana io ihany, ka olona na orinasa tokana ihany no nomem-pahefana hisolo tena azy ireo, dia miaraka tompon'andraikitra sy tompon'antoka amin'ny fanatanterahana ny asa iray manontolo avokoa ireo orinasa rehetra mivondrona, raha misy olana eo am-panatanterahana ilay tsenam-barotra, na mizara ho ampahan'asa na tsia io tsenam-barotra io, ary tsy maintsy izy rehetra mpikambana no misolo vaika sy manarina izay tsy fahatomombanana vokatry ny nataon'ny iray tamin'izy ireo.

**II.** Ho an'ireo karazana vondron'orinasa roa ireo, dia ny iray amin'ireo mpikambana izay nomem-pahefana mazava ao anaty sora-panekena, no misolo tena ireo mpikambana rehetra manoloana ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, ary mandrindra ny asan'ny mpikambana rehetra ao anaty vondrona. Izay olona nomem-pahefana, na dia mizaka tena aza, dia tompon'antoka amin'izay ataon'ny mpikambana tsirairay, mikasika ny andraikiny manoloana ny Fanjakana eo am-panatanterahana ny Tsenambaro-panjakana, raha toa ka voalaza mialoha ao anatin'ny fifampiraharaham-barotra izany.

<p><b>III.</b> En cas de groupement conjoint, l'acte d'engagement est un document unique qui indique le montant et la répartition détaillée des prestations que chacun des membres du groupement s'engage à exécuter. En cas de groupement solidaire, l'acte d'engagement est un document unique qui indique le montant total du marché et l'ensemble des prestations que les membres du groupement s'engagent solidairement à réaliser.</p> <p><b>IV.</b> Les candidatures, les offres et les propositions sont signées soit par l'ensemble des entreprises groupées, soit par le mandataire s'il justifie des habilitations nécessaires pour représenter ces entreprises au stade de la passation du marché. Un même prestataire ne peut pas être mandataire de plus d'un groupement pour un même marché.</p> <p><b>V.</b> Les candidats ne peuvent présenter pour le marché ou un de ses lots plusieurs offres en agissant à la fois en qualité de candidats individuels et de membres d'un ou plusieurs groupements.</p>	<p><b>III.</b> Ny sora-panekena ataon'ny vondron'orinasa misy mpikambana samy mizaka tena dia antontan-kevitra tokana izay mamaritra ny sara sy mitsinjara amin'ny antsipiriany ny anjara asa neken'ny mpikambana tsirairay avy hotanterahina. Mikasika ny vondron'orinasa miara-mizaka kosa indray, ny sora-panekena dia antontan-kevitra tokana izay mamaritra ny fitambaram-ben'ny saran'ny Tsenam-barotra, sy fitambaran'ireo asa neken'ny mpikambana rehetra hotanterahina miaraka.</p> <p><b>IV.</b> Ny firotsahan-kifaninana sy ny tolobidy, na ny tolotra, ataon'ny vondron'orinasa dia, na soniavin'ny mpikambana rehetra ao anatin'ny vondrona, na soniavin'izay nomem-pahefana irery ihany, raha toa ka afaka manamarina izy fa nahazo fanomezam-pahefana hisolo tena ireo mpikambana rehetra mandritra ny vanim-potoana fandraiketam-barotra. Ho an'ny Tsenam-barotra iray dia tsy afaka misolo tena afa-tsy vondron'orinasa tokana ihany ny olona nomem-pahefana.</p> <p><b>V.</b> Tsy azon'ny mpifaninana atao ny sady manome tolobidyamin'ny anaran'ny tenany manokana, no mbola manao toa izany koa amin'ny anarana vondron'orinasa iray na maromaro, kanefa ireo tolobidy ireo dia mikasika Tsenam-barotra iray ihany na mikasika ampahan'asa amin'io Tsenam-barotra io.</p>
<p><b>Article 23.- Détermination et contenu des besoins à satisfaire</b></p> <p>La Personne Responsable des Marchés Publics est tenue de déterminer aussi exactement que possible la nature et l'étendue des besoins à satisfaire avant tout appel à la concurrence, consultation ou négociation.</p> <p>Les prestations, objet des marchés, doivent répondre exclusivement à ces besoins.</p>	<p><b>Andininy 23.- Fanombanana sy votoatin'ireo filàna</b></p> <p>Tsy maintsy mamaritra mialoha, araka izay manakaiky ny marina indrindra, ny toetoetra sy ny hadirin'ny filàny ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, mialoha ny hanaovany fanaikana hifaninana, na hifandinika, na hifampiraharaha.</p> <p>Ireo asa, izay antom-pisian'ilay Tsenambaro-panjakana kosa, dia tokony hamaly tanteraka ireo filàna ireo.</p>
<p><b>Article 24.- Études, prescriptions techniques, termes de référence et quantités</b></p> <p><b>I.</b> Les études à effectuer, les prescriptions techniques, les termes de référence, les quantités, les spécifications, les dessins et toutes autres informations supplémentaires permettant de définir les fournitures, prestations, services ou travaux à livrer ou effectuer doivent être décrits avec précisions.</p>	<p><b>Andininy 24.- Fandinihana mialoha, fepetra ara-teknika, rijan-teny torolàlana sy hadiry</b></p> <p><b>I.</b> Ny fandinihana tokony hatao mialoha, ny fepetra ara-teknika, ny rijan-teny torolàlana sy ny hadiry, ny sary sy fanampim-panazavana hafa ahafahana mamaritra ireo kojakoja, asa sy fisahananan-draharaha na asa vaventy tsy maintsy tanterahina dia tsy maintsy faritana mazava tsara.</p>

<p><b>II.</b> Les exigences doivent être établies de façon à permettre une concurrence aussi large que possible.</p> <p><b>III.</b> L'autorité contractante doit s'assurer que les spécifications ne soient pas limitatives et elle doit utiliser, dans toute la mesure du possible, des critères reconnus.</p>	<p><b>II.</b> Ireo zavatra rehetra takiana amin'ny mpifaninana dia arafitra mba hahatonga ny fifaninanana hahenika ny mpandray anjara faran'izay betsaka indrindra.</p> <p><b>III.</b> Tokony iantohan'ny Manamahefa Mpandraiki-barotra ny hampisy famari-paritana tsy manilikilika ary noho izany dia tokony hampiasa araka izay azo atao ireo mason-tzivana rehetra fampiasa sy fantatry ny rehetra izy.</p>
<p><b>Article 25.- Définition des prestations par référence aux normes homologuées</b></p> <p>Les prestations sont définies par référence aux normes nationales et internationales applicables, qui doivent être expressément mentionnées dans le Cahier des Prescriptions Spéciales (CPS).</p> <p>Au cas où les normes nationales ou internationales ne sont pas disponibles, l'utilisation de normes équivalentes est autorisée.</p> <p>La référence à des normes ne doit pas avoir pour effet de créer des obstacles injustifiés ou des discriminations dans l'accès à la commande publique.</p>	<p><b>Andininy 25.- Famaritana asa mifanaraka amin'ny fenitra nankatoavina</b></p> <p>Ny asa atao dia faritana araka ireo fenitra fampiasa eto an-toerana na iraisam-pirenena azo ampiharina, izay tsy maintsy voalaza ao anatin'ny Boky famarafaran-teny manokana (CPS).</p> <p>Raha toa ka tsy misy izay fenitra fampiasa eto an-toerana na iraisam-pirenena azo ampiharina izay, dia azo atao ny mampiasa ireo fitsipika mifanakaikikaiky na mitovitovy aminy.</p> <p>Tsy tokony hiteraka sakana tsy amin'antony, na fanilikilihana, amin'ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana amin'ny fanafaram-panjakana anefa ny fampiasana ireo fenitra ireo.</p>
<p><b>Article 26.- Du plan de passation des marchés</b></p> <p><b>I.</b> L'autorité contractante est tenue d'élaborer son plan de passation des marchés publics.</p> <p><b>II.</b> Les plans doivent faire ressortir, au moment de la préparation du budget, le degré de maturité des activités proposées pour le prochain exercice budgétaire, avec un calendrier des décaissements pouvant s'étaler sur une ou plusieurs années.</p> <p><b>III.</b> Les plans de passation des marchés publics, dûment approuvés par les organes compétents, doivent être cohérents avec les crédits qui leurs sont alloués.</p> <p><b>IV.</b> L'organe chargé du contrôle des marchés publics dispose d'un délai de dix jours ouvrables pour donner son avis. En l'absence d'une réponse dans ce délai, le plan est considéré comme étant approuvé, et l'Autorité Contractante est habilitée à le mettre en œuvre.</p>	<p><b>Andininy 26.- Ny drafy-pandraiketana Tsenambaro-panjakana</b></p> <p><b>I.</b> Tsy maintsy mamolavola mialoha ny drafitra fandraiketana Tsenambaro-panjakana ny Manamahefa mpandraiki-barotra.</p> <p><b>II.</b> Eo am-pamolavolana ny teti-bola dia tokony efa hita soritra ao amin'ireo drafitra ireo ny dingam-pahamatoran'izay asa kendrena hatao amin'ny taom-piasana manaraka, sy ny tetiandro tokony hanefana ny vola mifandraika amin'izany mandritra taona iray na maromaro.</p> <p><b>III.</b> Tokony hifanahantsahana amin'izay sora-bola natokana ho amin'izany ka nankatoavin'ny rafitra mahefa ny soratra raketina ao amin'ny drafitra.</p> <p><b>IV.</b> Manana folo andro, andro iasana, ny rafitra misahana ny fanaraha-maso ny Tsenambaro-panjakana mba hanomezana ny heviny mikasika ny drafy-pandraiketana. Raha tsy misy izay fanehoan-kevitra izay ao anatin'io fe potoana io, dia heverina fa nankatoavana ilay drafy-pandraiketana Tsenambaro-panjakana ka azon'ny Manamahefa mpandraiki-barotra ampiharina avy hatrany.</p>

<p><b>V.</b> Seuls les projets inscrits dans ces plans prévisionnels sont pris en compte par l'administration centrale ou ses démembrements.</p> <p><b>VI.</b> Les plans de passation de marché ne peuvent être modifiés que dans les cas suivants :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- adoption d'une loi de finances rectificative ;</li> <li>- réorientation d'un projet ;</li> <li>- changement dans l'évolution résultant des études détaillées ; et</li> <li>- changement des dates de lancement de la procédure.</li> </ul> <p><b>VII.</b> Dans tous les cas, les projets de modifications non motivés soumis à l'organe chargé du contrôle des marchés publics sont irrecevables.</p> <p><b>VIII.</b> Tout fractionnement illicite de commandes, en violation du plan annuel de passation des marchés publics, est prohibé sous peine des sanctions prévues dans le présent Code des marchés publics.</p> <p><b>IX.</b> En début d'exercice budgétaire, l'Autorité Contractante publie le plan détaillé de passation des marchés. Un texte réglementaire précisera les modalités d'application du présent article.</p>	<p><b>V.</b> Izay tetikasa voasoratra ao anatin'io drafi-pandraiketana mialoha io ihanyno hany azon'ny fanjakana foibe sy ireo rantsamangaikany ekena.</p> <p><b>VI.</b> Tsy azo ovaina mihitsy ny drafi-pandraiketana Tsenambaro-panjakana raha tsy amin'ireto tranga manaraka ireto ihany :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- misy ny fanovana ny Làlana mifehy ny fitantanam-bola;</li> <li>- misy ny fiovan'ny tanjon'ny tetik'asa ;</li> <li>- misy ny fiovana vokatry ny fanaovana fanadihadiana lalina,</li> <li>- misy ny fiovan'ny daty fanombohan'ny fandraiketam-barotra.</li> </ul> <p><b>VII.</b> Na ahoana na ahoana, dia tsy azon'ny rafitra misahana ny fanaraha-maso ny Tsenambaro-panjakana raisina mihitsy izay volavolam-panovana drafi-pandraiketana ka tsy misy antony mazava manamarina izany.</p> <p><b>VIII.</b> Voarara sy tsy azo atao, ary voasazin'ity fehezan-dalàna mifehy ny Tsenambaro-panjakana ity, ny fanasamatsamahana tsy ara-dalàna ny fividianana ka tsy manaja izay voasoratra ao amin'ny drafi-pandraiketana fanao isan-taona.</p> <p><b>IX.</b> Eo am-piandohan'ny taom-piasana amin'ny fanatanterahana ny tetibola, dia tokony hamoaka drafi-pandraiketana Tsenambaro-panjakana ahitana andinindininy bebe kokoa ny Manamahefa mpandraiki-barotra. Hisy didy amam-pitsipika hanazava bebe kokoa ny fombafomba fampiharana izay voalazan'ity andininy ity.</p>
--	--

<p><b>Article 27.- Principe</b></p> <p>Aucun marché ne peut être scindé ou fractionné illicitement dans le seul but d'échapper aux règles de mise en concurrence ou de se soustraire aux contrôles prévus par le présent code.</p> <p>Néanmoins, sous certaines conditions et selon les circonstances, l'Autorité contractante peut recourir aux formes de fractionnement prévues aux articles 28 à 30 ci-après.</p>	<p><b>Andininy 27.- Fotokevi-dehibe</b></p> <p>Tsy misy Tsenambaro-panjakana azo vakivakiana na samatsamahana amin'ny fomba tsy ara-dalàna mba hialàna fotsiny amin'ny fampiharana ny fitsipiky ny fampifaninanana na hidifiana ny fanaraha-maso voalazan'ity fehezan-dalàna ity.</p> <p>Na izany aza, misy ihany fepetra na tranga sasantsasany ahafahan'ny Manamahefa mpandraiki-barotra miroso amina karazana fitsinjarana izay voalaza ao amin'ireto andininy faha-28 ka hatramin'ny faha-30 manaraka ireto.</p>
<p><b>Article 28.- Allotissements des marchés</b></p> <p><b>I.</b> L'allotissement est la décomposition d'un marché en plusieurs lots pour des raisons économiques, financières ou techniques. Un lot est une unité autonome qui est attribuée séparément</p> <p><b>II.</b> Les prestations, objet du marché, peuvent être réparties en lots donnant lieu chacun à un marché distinct ou peuvent faire l'objet d'un marché unique. La Personne Responsable des Marchés Publics choisit entre ces deux modalités en fonction des avantages économiques, financiers ou techniques qu'elles procurent.</p> <p><b>III.</b> Afin de faciliter l'accès des petites et moyennes entreprises à la commande publique et à augmenter le nombre de candidats favorisant la mise en concurrence, la Personne Responsable des Marchés Publics procède à l'allotissement du marché à chaque fois que le permettent la situation du marché, les caractéristiques de la prestation à réaliser et les objectifs recherchés.</p>	<p><b>Andininy 28.- Fitsinjarana ho ampahany ny Tsenambaro-panjakana</b></p> <p><b>I.</b> Ny atao hoe fitsinjarana ho ampahany dia ny fanavahana ny Tsenambarotra iray ho tsinjara maromaro nohon'ny antony ara-toekarena, ara-bola na ara-teknika. Ny tsinjara iray dia ampaham-bondrona mahaleotena tanteraka izay omena mitokana.</p> <p><b>II.</b> Ireo asa, antom-pisian'ny fifampiraharaham-barotra, dia azo avahana ho tsinjara maromaro izay mety ho lasa Tsenambarotra maromaro samihafa samy mahaleo tena avy, na mety koa ho Tsenambarotra tokana ihany. Ny safidin'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana amin'ireo fomba fanao anankiroa ireo dia miankina amin'izay tombontsoa mety haterany avy, na ara-toekarena, na ara-bola, na ara-teknika.</p> <p><b>III.</b> Mba hanamorana ny fandraisana anjaran'ny orinasa madinika na salasalany amin'ny fanafaram-panjakana sy mba entina hampitomboana ny isan'ireo mpifaninana ka hahafahan'ny fifaninanana mahazo vahana kokoa, dia tokony hiroso amin'ny fitsinjarana ho ampahany foana ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, raha toa ka ahafahana manao izany ny toe-javamisy sy ny toetoetry ny asa tanterahina ary ny tanjona kendrena.</p>

<p><b>IV.</b> Pour un marché ayant à la fois pour objet la construction et l'exploitation ou la maintenance d'un ouvrage, la construction fait obligatoirement l'objet d'un lot séparé.</p> <p><b>V.</b> Le règlement de l'appel d'offres fixe le nombre, la nature et l'importance des lots ainsi que les conditions imposées au candidat pour souscrire à un ou plusieurs lots et les modalités de leur attribution.</p> <p><b>VI.</b> Lors de l'évaluation, les offres sont examinées lot par lot</p> <p>Un acte d'engagement est signé pour chacun des lots, mais au cas où plusieurs lots sont attribués à un seul candidat, il est possible de signer un seul acte d'engagement regroupant tous les lots à lui attribués.</p>	<p><b>IV.</b> Ho an'ireo fifampiraharaham-barotra sady mikasika fanamboarana no mikasika fitrandrahana, na fikojakojana tsangan'asa, dia tsy maintsy atao tsinjara iray mitokana ny fanamboarana.</p> <p><b>V.</b> Feran'ny fitsipiky ny fitaomana hanao tolobidy ny isa sy ny toetoetra ary ny lanjan'ireo tsinjara, miaraka amin'ireo fepetra tsy maintsy arahin'ny mpifaninana mba hahazoany mandray anjara amina tsinjara iray na maromaro ary ny fombafomba fanomezana ireo tsinjara ireo.</p> <p><b>VI.</b> Amin'ny fotoana fanaovana ny fanombanana ny tolobidy, dia dinihana isaky ny tsinjaratsirairay avy izany.</p> <p>Sora-panekena iray isaky ny tsinjara no soniavin'izay nahazo ny fifanaraham-barotra, kanefa raha toa ka nahazo tsinjara maromaro ny mpifaninana iray, dia azo atao ny manambatra ireo tsinjara rehetra azony ao anatin'ny sora-panekena iray ihany, ka amin'izay dia io sora-panekena tokana io ihany no soniaviny.</p>
---	---

## **Article 29.- Marchés à tranches**

**I.** Le marché à tranches est un marché qui comporte une tranche ferme et une ou plusieurs tranches conditionnelles portant sur la totalité d'une opération, généralement de longue durée. La tranche ferme correspond aux besoins que l'acheteur public est sûr de satisfaire. Les tranches conditionnelles sont celles relatives aux besoins que l'administration envisage de satisfaire dans un avenir proche, en ce sens que les besoins ne sont pas immédiats, ou pour des questions d'opportunité.

L'incertitude qui caractérise le marché à tranches ne porte pas sur son contenu mais sur sa mise en œuvre, lorsque la prestation est parfaitement déterminable, mais que sa réalisation complète est incertaine, en général pour des raisons financières, techniques ou économiques, ou lorsque les prestations doivent être étalées dans le temps.

Le marché à tranches a pour objet de permettre le lancement de la procédure pour la réalisation d'un programme dont le financement n'est pas assuré en totalité et de permettre à l'Autorité contractante de maîtriser sa commande dans le temps et de répondre au mieux à ses besoins, sans avoir besoin de passer de nouveaux marchés.

**II.** La conditionnalité d'une tranche est fondée sur des motifs de fond, données techniques notamment, ou impératifs de la gestion du projet. La prestation faisant l'objet du marché est déterminée dans son ensemble, avec suffisamment de précision. L'incertitude ne porte ainsi que sur l'affermissement de la ou des tranches conditionnelles. A cet effet, chaque tranche doit pouvoir satisfaire le besoin exprimé de manière autonome sans qu'il soit nécessaire que les tranches suivantes soient affermies.

## **Andininy 29.- Tsenambarotra voatetika**

**I.** Atao hoe Tsenambarotra voatetika ny fifampiraharham-barotra ao anaty tarikasa iray izay, amin'ny ankapobeny, tanterahina mandritra ny fotoana lavalava, ka ahitana ampahan-tetika maromaro, ka ny iray voalohany dia tena raikitra tsy maintsy atao, ary ny ampahan-tetika ambiny kosa, mety ho iray na maromaro, dia ampahany arahina fepetra. Ny ampahan-tetika tena raikitra dia izay mifandraika amin'ny filan'ny mpividy izay azo antoka fa tsy maintsy hotanterahina. Ny ampahan-tetika arahina fepetra kosa dia ampahany mifandraika amin'ny filàna kasain'ny Fanjakana hotanterahina ao aoriana kely, satria tsy ilainy eo no ho eo, na koa satria mbola miandry izay fotoana mahamety azy ny fanatanterahana izany.

Amin'ny Tsenambarotra voatetika arahina fepetra, dia tsy ny vontoatiny akory no mampisalalala fa ny fanatanterahana azy, raha toa ka azo faritana mialoha ny asa fa ny fanatontosana azy iray manontolo no tsy azo antoka, indrindra indrindra nohon'ny antony ara-bola, ara-teknika, na ara-toekarena, na rehefa tokony tontosaina miandalana mandritra ny fotoana voafetra ny asa.

Ny tanjon'ny fitetehana tsenambarotra iray dia ny mba hahafahana manomboka avy hatrany ny paika sy fombafomba rehetra ho fanatanterahana programa iray na dia mbola tsy azo antoka tanteraka aza ny famatsiana vola azy iray manontolo, sy mba ahafahan'ny Manamahefa mpandraiki-barotra mifehy araka izay mampety azy ny fotoana tokony hirosoany amin'ny fividianana, sy mamaly araka izay mety ny filàny kanefa tsy voatery hanao fandraiketana fifampiraharham-baotra vaovao izy.

**II.** Ny antony ametrahana fepetra amin'ny ampahan-tetika iray dia nohon'ny antony manan-danja, toy ny antontan-kevitra ara-teknika indrindra indrindra, na ny antony lehibe tsy azo ialàna mifandraika amin'ny fitantanana ny tetikasa. Atao amin'ny ankapobeny, ary arahina andinindininy, ny famaritana ny asa antom-pisian'ny fifampiraharham-barotra. Noho izany, ny hany mampisy ny fisalasalana dia mikasika ny fahafahana mandraikitra tanteraka ilay na ireo ampahany narahina fepetra. Araka izany, dia tokony ho afaka mamaly tanteraka ny filàna mifandraika amin'izy ireo ny ampahany tsirairay fa tsy miankina velively amin'ny fandraiketana ireo ampahany hafa.



**III.** Les prestations de chacune des tranches doivent constituer un ensemble cohérent et le fractionnement entre les tranches, fermes et conditionnelles, est effectué de telle manière que :

- chaque tranche soit fonctionnelle, en ce qu'elle fait l'objet d'une utilisation, même en l'absence de l'affermissement des autres tranches,
- chaque tranche soit techniquement cohérente ou logique, compte tenu des tranches antérieures.

**IV.** La procédure applicable et les formalités de publicité associées sont déterminées après prise en compte de l'ensemble des tranches. La valeur du marché est ainsi calculée en additionnant les montants de chacune des tranches qui le composent.

**V.** Au cas où l'Autorité contractante décide de recourir à des marchés à tranches, elle doit le préciser dans le marché qui doit en même temps préciser les tranches fermes et conditionnelles. Ainsi, les Données Particulières de l'Appel d'Offres définissent la consistance, le prix ou ses modalités de détermination et les modalités d'exécution de chaque tranche. Il est nécessaire d'indiquer dans le marché le nombre de tranches conditionnelles, et de les numéroter.

**VI.** Les tranches conditionnelles ne sont exécutées qu'à condition d'avoir été affermies par l'Autorité contractante. L'exécution d'une tranche conditionnelle est subordonnée, pour chacune d'entre elles, à la notification au titulaire, par ordre de service, de la décision de la Personne Responsable des Marchés Publics qui prescrit cette exécution. Si cet ordre de service n'a pas été notifié au titulaire dans le délai imparti par le Cahier des Clauses Administratives Particulières, les deux parties sont, à l'expiration de ce délai, déliées de toute obligation pour cette tranche conditionnelle.

**III.** Ny asa atao isaky ny ampahan-tetika dia tokony ho fitambaran'asa iray mahaleo tena, ka ny fizarana azy ho ampahan-tetika, raikitra na arahina fepetra, dia atao mba :

- hampanjary ny ampahan-tetika tsirairay avy ho afaka miasa, izany hoe azo ampiasaina avy hatrany, na dia tsy horaiketina intsony aza ny ampahany sisa,
- hifandray sy tsy afa-misaraka ara-teknika sy ara-lojika ny ampahan-tetika tsirairay, raha oharina amin'ny ampahan-tetika natao teo alohany.

**IV.** Ny famaritana ny paika tokony hampiharina sy ny fombafomba enti-mahampahafantatra dia atao arakaraka ny hadirin'ny fitambaran'ny ampahan-tetika rehetra. Araka izany dia kajiana amin'ny alàlan'ny fanambarana ny sandan'ny ampahan-tetika rehetra izay mandrafitra azy ny sandan'ny fifampiraharaham-barotra iray.

**V.** Raha toa ka manapa-kevitra ny hiroso amin'ny Tsenambarotra voatetika ny Manamahefa mpandraiki-barotra, dia tokony hambarany mazava mialoha ao anatin'ny fifampiraharaham-barotra izany, ary tokony hofaritany ao koa ny hoe iza avy ny ampahany raikitra sy ny ampahany arahina fepetra. Faritan'ny Antontan-kevitra manokana mikasika ny fitaomana hanao tolobidy araka izany ny vontoa, ny vidiny na ny fomba enti-mamaritra izany vidiny izany, sy ny fombafomba fanatanterahana ny ampahan-tetika tsirairay avy. Ilaina koa ny hanambaràna mazava ao amin'ny fifampiraharaham-barotra ny isan'ireo ampahan-tetika arahina fepetra, araka ny laharany avy.

**VI.** Tsy misy ampahan-tetika arahina fepetra azo tanterahina mihitsy raha toa ka tsy voavadiy ny Manamahefa mpandraiki-barotra ho ampahany raikitra izany. Mialoha ny fanatanterahana ny ampahan-tetika arahina fepetra, dia tsy maintsy mampahafantatra izany fanapahan-keviny izany amin'ny tompon'asa, amin'ny alalan'ny baiko hanao asa, ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana izay nandidy ny fanatanterahana asa. Raha toa ka tsy misy, ao anatin'ny fe-potoana nofaritan'ny Bokin'ny famarafarana manokana, ny fampahafantarana ny baiko hanao ny asa amin'ny tompon'ny asa, dia samy tsy voafatotrio ampahan-tetika misy fepetra io intsony ny roa tonta rehefa tapitra io fe-potoana io.

<p><b>VII.</b> La durée du marché est fonction du temps nécessaire à l'exécution de chacune des tranches. Les crédits y afférents doivent être disponibles pour l'exécution de la tranche ferme, et chaque tranche conditionnelle pourra être affermie après l'obtention des crédits correspondants. Si la Personne Responsable des Marchés Publics souhaite accélérer le déroulement du marché, il lui est possible de procéder à un affermissement simultané en affermissant plusieurs tranches d'un seul coup.</p> <p><b>VIII.</b> L'acheteur public n'est engagé que sur la tranche ferme et il ne sera engagé sur les tranches conditionnelles que lorsque celles-ci seront affermies. Il en résulte que le titulaire n'a aucun droit d'exiger la réalisation des autres tranches.</p> <p><b>IX.</b> Le titulaire est engagé sur la réalisation de l'ensemble des tranches prévues au marché au fur et à mesure de leur affermissement. Cependant, cette obligation du titulaire est limitée dans le temps, en ce sens que le marché doit préciser les modalités d'affermissement, notamment le délai maximum.</p> <p><b>X.</b> Le retard ou le défaut d'affermissement délie les deux parties contractantes de toute obligation pour la tranche conditionnelle concernée, et ne donne lieu à aucune indemnité.</p>	<p><b>VII.</b> Ny faharetan'ny Fifampiraharham-barotra dia mifandraika amin'izay fotoana ilaina amin'ny fanatanterahana ny ampahany tsirairay avy. Tokony efa ho vonona avy hatrany ny sorabola mikasika ny fanatanterahana ny ampahany raikitra amin'izany, fa ny ampahan-tetika arahina fepetra kosa dia arakaraka ny fisian'ny sora-bola natokana ho azy ireny no amadihana azy ho lasa ampahan-tetika raikitra. Raha tian'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana hafainganina ny asa, dia azony atao ny mamadika miaraka, indray miantoana ihany, ho ampahany raikitra ireo ampahan-tetika arahina fepetra rehetra.</p> <p><b>VIII.</b> Ny ampahany raikitra ihany no mamatotra ny mpividy, fa ny ampahan-tetika arahina fepetra kosa dia tsy mamatotra azy velively raha tsy efa mivadika ho ampahan-tetika raikitra izy ireny. Noho izany, raha tsy misy io famadihana azy ho ampahan-tetika raikitra io, dia tsy manan-jo hangataka ny ny fanatontosana ny asa mikasika ny ampahany hafa ny tompon'ny Tsenambarotra.</p> <p><b>IX.</b> Tsy maintsy manatanteraka ireo ampahan-tetika rehetra voalazan'ny fifampiraharham-barotra ny tompon'ny Tsenambarotra, arakaraka ny famadihana azy ireny ho ampahan-tetika raikitra. Voafetra ara-potoana ihany anefa izany adidin'ny ny tompon'ny asa izany, satria tsy maintsy hazavain'ny fifampiraharham-barotra ireo fomba famadihana ho tena raikitra ireo ampahan-tetika arahina fepetra, indrindra fa ny fe-potoana lava indrindra azo anaovana izany.</p> <p><b>X.</b> Ny fahatarana na ny tsy famadihana ho tena raikitra ny ampahan-tetika arahina fepetra dia manafaka ny roa tonta amin'izay adidiny mifandraika amin'izany ampahany arahina fepetra izany, ary tsy misy onitra azo takiana amin'izany.</p>
<p><b>Article 30.- Marchés à commandes</b></p> <p><b>I.</b> Lorsque, pour des raisons économiques, techniques ou financières, le rythme ou l'étendue des besoins à satisfaire ne peut être entièrement arrêté dans le marché, la Personne Responsable des Marchés Publics peut avoir recours à un marché à commandes pour une durée qui ne peut excéder trois ans. A cet effet, elle effectue des achats à caractère répétitif en organisant une seule procédure complète de mise en concurrence réalisée dans les conditions définies à l'article 32 du présent Code.</p>	<p><b>Andininy 30.- Tsenambarotra anaovana fanafarana tsikelikely</b></p> <p><b>I.</b> Raha toa ka tsy azo faritana manontolo mialoha ao anaty fifampiraharham-barotra, nohon'ny antony ara-toe-karena, na ara bola, na ara-teknika, ny hadiry sy ny fotoana mety hisehoan'ny filàna, dia afaka manao ny fifampiraharham-barotra misy fanafarana tsikelikely mandritra ny fe-potoana tsy mihoatra ny telo taona ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana. Noho izany, indray miantoana ihany izy no manao paika sy fombafomba fampifaninanana handraiketam-barotra, izay tanterahina araka ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-32 ato amin'ity fehezan-dalàna ity, fa ny fividianana kosa dia atao miverimberina araka izay filàny.</p>

<p>Le marché doit déterminer les spécifications, la consistance et le prix des prestations ou ses modalités de détermination et en fixe le minimum et le maximum en quantité. Il est conclu avec un fournisseur, un entrepreneur ou un prestataire de service et exécuté au fur et à mesure de l'émission de bons de commande.</p> <p><b>II.</b> La Personne Responsable des Marchés Publics est tenue, sous peine d'indemnisation de son cocontractant, de lui passer commande à hauteur du minimum prévu au contrat. Au cas où ce minimum de commande n'est pas atteint, le titulaire peut prétendre à une indemnisation à hauteur du préjudice subi.</p> <p>En revanche, le prestataire est tenu d'honorer les commandes dans la limite du maximum.</p> <p><b>III.</b> Pour le calcul du montant du marché, la Personne Responsable des Marchés Publics tient compte de la valeur maximale estimée du besoin pour l'ensemble de la durée du marché.</p> <p><b>IV.</b> L'émission des bons de commande s'effectue selon des modalités expressément prévues par le marché.</p> <p><b>V.</b> En tant que de besoin, les modalités de mise en œuvre de cette technique seront précisées par voie réglementaire.</p>	<p>Ny fifampiraharam-barotra no mamaritra ny vontoatin'ny asa, ny fototry ny asa sy ny vidiny na ny fomba famaritana izany vidiny izany, ary mametra ny ambany indrindra sy ny ambony indrindra amin'ny habetsaky ny asa kasaina hatao. Raiketina miaraka amin'ny mpamatsy kojakoja, na ny mpanao asa vaventy na ny mpisahan-draharaha izany fifampiraharaham-barotra izany ka tanterahina miandalana isaky ny mandefa taratasy fanafarana.</p> <p><b>II.</b> Mba tsy handoavany onitra amin'ny tompo'ny Tsenambaro-panjakana niara-nifanaiky taminy, dia tsy maintsy manafatra izay fetra farahakeliny voalaza ao anaty fifanaraham-barotra ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana. Raha tsy tratra io fetra farafahakeliny tokony hafarana io, dia manan-jo hangataka onitra mifandraika amin'ny fahavoazana nanjo azy ilay tompo'ny Tsenambaro-panjakana.</p> <p>Ankilany anefa, dia tsy maintsy manatanteraka izay fanafarana natao taminy ny tompo'ny Tsenambarotra mandra-pahatratra ny fetra ambony indrindra voalazan'ny fifampiraharaham-barotra.</p> <p><b>III.</b> Tsy maintsy miainga avy amin'ny sanda ambony indrindra amin'ny filàny mandritra ny fe-potoana fanatanterahana ny Tsenambarotra no ikajian'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana ny sandan'ny Tsenambaro-panjakana iray.</p> <p><b>IV.</b> Ny fandefasana taratasy fanafarana tsikelikely dia atao araka ny fombafomba voalaza mazava ao anaty fifampiraharaham-barotra.</p> <p><b>V.</b> Raha ilaina, dia hisy didy amam-pitsipika hanome ny andinindininy mikasika ny fampiharana sy ny fampiasana ity paikady ity.</p>
<p><b>Article 31.- Dossiers d'appel public à concurrence</b></p> <p>Pour les marchés de travaux et les marchés de fournitures et services courants, les dossiers d'appel d'offres sont constitués des Instructions aux candidats, des données particulières de l'appel d'offres, des spécifications techniques ainsi que des formulaires de soumission.</p> <p>Pour les marchés de prestations intellectuelles, la demande de proposition est composée de la lettre d'invitation, des instructions aux candidats, des données particulières des instructions aux candidats, des termes de référence et des formulaires de soumission.</p>	<p><b>Andininy 31.- Antontan-kevitra fitaomana hifaninana</b></p> <p>Ho an'ny fifampiraharaham-barotra mikasika asa vaventy, sy ny fifampiraharaham-barotra mikasika kojakoja sy fisahanana mahazatra, ny antontan-kevitra ny tolobidy dia arafitry ny Fampahafantarana ireo Mpifaninana, ny antontan-kevitra manokan'ny fitaomana hanao tolobidy, ny filazana manokana ara-teknika ary ny taratasy fandraisana anjara.</p> <p>Ho an'ny fifampiraharaha-barotra mikasika ny raharaha ara-tsaina na asa saina, ny fangatahana tolotra dia ahitana ny taratasy fanasana, ny fampahafantarana ireo mpifaninana, ny antontan-kevitra manokan'ny fampahafantarana ny mpifaninana, ny rijan-teny fitsiahy sy ny taratasy fandraisana anjara.</p>

<p>A ces documents s'ajoutent ceux énumérés aux articles 58 et 59 du présent code. Les Cahiers de Clauses Administratives Générales ne sont pas obligatoirement joints aux dossiers d'appel public à concurrence, à charge cependant pour l'Autorité contractante de disposer en permanence de ces documents à la consultation des Candidats.</p> <p>Un lien électronique d'accès au Cahier de Clauses Administratives Générales est indiqué dans les dossiers d'appel d'offres afin de permettre à tous les candidats d'avoir accès à l'ensemble des documents constitutifs du marché.</p> <p>A l'exception des marchés de prestations intellectuelles, les offres sont présentées sous la forme d'un acte d'engagement tel que défini à l'article 58 et établi en un seul original par les candidats aux marchés et en autant de copies que nécessaires.</p> <p>Les offres doivent être signées par les candidats qui les présentent ou par leurs représentants dûment habilités. Une même personne ne peut représenter plus d'un candidat pour un même marché.</p>	<p>Ireo antontan-kevitra ireo dia miampy izay voalaza ao amin'ny andininy faha-58 sy 59 ato amin'ity fehezan-dalàna ity. Tsy voatery hitambatra amin'ny antontan-kevitra fitaomana hifaninana ny Bokin'ny Famarafarana Ankapobe, fa anjaran'ny Manamahefa mpandraiki-barotra kosa no mitahiry io antontan-kevitra io mba hahafahan'ny mpifaninana mijery izany.</p> <p>Ampahafantarina ao anaty antontan-kevitra ny tolobidy ny adiresy elektronika ahafahana mijery ny Bokin'ny Famarafarana Ankapobe, mba hahazoan'ny mpifaninana rehetra mahita sy mahafantatra ireo antontan-kevitra rehetra mandrafitra ny taratasy fifampiraharaha-barotra.</p> <p>Amin'ny fifampiraharaha-barotra ankoatra ny mikasika fisahanana aratsaina na asa saina, dia ny taratasy fanekena no endrika enti-maneho ny tolobidy, araka izay voafaritry ny andininy faha-58, ka atao matoan-taratasy tokana ihany sy dika mitovy araka izay isa ilaina.</p> <p>Tsy maintsy voasonian'ny mpifaninana nandray anjara na ireo mpisolona tena nahazo fahefana ara-dalàna amin'izany ny tolobidy. Ho an'ny fifampiraharaha-barotra iray, ny olona iray dia tsy afaka misolo tena mpifaninana mihoatra ny iray.</p>
<p><b>Article 32.- Organisation de la publicité</b></p> <p><b>I.</b> L'Autorité Contractante est tenue de publier chaque année un avis général de passation des marchés recensant la liste de l'ensemble des marchés publics qu'elle prévoit de passer par appel d'offres durant l'exercice budgétaire. Cet avis général de passation est établi conformément à un modèle type fixé par voie réglementaire.</p> <p><b>II.</b> Chaque marché public passé par appel d'offres est précédé d'un avis spécifique d'appel public à la concurrence établi conformément à un modèle type fixé par voie réglementaire.</p>	<p><b>Andininy 32.- Fandaminanana ny famoahana ho fanta-bahoaka</b></p> <p><b>I.</b> Ny Manamahefa mpandraiki-barotra dia tsy maintsy mamoaika ho fanta-bahoaka isan-taona ny filazana ankapobe mikasika ny fandraiketam-barotra, izay manome ny lisitr'ireo Tsenambarotra kasainy horaiketina amin'ny alàlan'ny fitaomana hanao tolobidy mandritra ny taom-piasana ara-tetibola. Izany filazana ankapobe izany dia atao araka ny endrika faritan'ny didy amam-pitsipika.</p> <p><b>II.</b> Mialoha ny fandraiketana Tsenambaro-panjakana amin'ny alàlan'ny fitaomana hanao tolobidy no avoaka ho fanta-bahoaka ny filazana miavaka hiantsona ny daholobe hifaninana, ka atao araka ny endrika faritan'ny didy amam-pitsipika izany.</p>

<p><b>III.</b> Indépendamment de leur affichage dans des lieux publics et devant le siège de l'autorité contractante ainsi que des organes de contrôle, les avis généraux de passation des marchés et les avis spécifiques d'appel public à la concurrence sont insérés à la fois dans un journal spécialisé édité par l'organe chargé de la régulation des marchés publics et dans au moins un journal national ou local. Pour les appels d'offres de portée internationale, les avis spécifiques d'appel public à la concurrence sont également insérés dans un journal à diffusion internationale ou régionale.</p> <p>Les mises à jour de l'avis général de passation des marchés ne sont pas soumises aux obligations prescrites par le présent paragraphe.</p>	<p><b>III.</b> Ankoatra ny fanaovana peta-drindrana eny amin'ny toeram-piasam-panjakana sy manoloana ny foiben'ny Manamahefa mpandraiki-barotra ary ny toerana misy ireo rafitra mpanara-maso, dia sady havoaka ao amin'ny gazety manokana avoakan'ny rafitra misahana ny fandrindrana ny Tsenambaro-panjakana, no avoaka ao amin'ny gazety iray maharakotra ny firenena, na gazety iray eo an-toerana ihany farafahakeliny, ireo filazana ankapobe momba ny fandraiketana Tsenambaro-panjakana sy ny filazana miavaka fiantsoana ny daholobe hifaninana. Ho an'ny fitaomana hanao tolobidy iraisam-pirenena, dia amoahana ireo filazana miavaka fiantsoana ny daholobe hifaninana koa ny gazety iraisam-pirenena na gazety eo amin'ny faritra misy ny Firenena.</p> <p>Tsy ampiarina amin'ny fanitsiana ny filazana ankapobe momba ny fandraiketana Tsenambaro-panjakana ireo fepetra voalaza ato anatin'ity andalana ity.</p>
<p><b>Article 33.- Dématérialisation des procédures</b></p> <p><b>I.</b> Les avis généraux de passation des marchés et les avis spécifiques d'appel public à la concurrence peuvent faire l'objet d'une publicité par voie électronique. Cette publicité est alors complémentaire de celle qui est assurée dans les conditions prévues par l'article 32 du présent Code.</p> <p><b>II.</b> Les documents des marchés et de mise en concurrence peuvent être mis à disposition des entreprises par voie électronique. Cette voie de transmission est néanmoins complémentaire de la transmission par voie postale.</p> <p><b>III.</b> Sauf dispositions contraires prévues dans l'avis de publicité, les candidatures et les offres techniques peuvent également être communiquées à l'Autorité contractante par voie électronique.</p>	<p><b>Andininy 33.- Tsy fikirakirana taratasy amin'ny fandraiketana tsenambarotra</b></p> <p><b>I.</b> Azo avoaka amin'ny alàlan'ny fitaovana elektronika ny filazana ankapobe momba ny Tsenambaro-panjakana sy ny filazana miavaka fiantsoana ny daholobe hifaninana. Mifameno amin'izay voalazan'ny andininy faha-32 ato amin'ity fehezan-dalàna ity izany famoahana ho fantatry ny daholobe izany.</p> <p><b>II.</b> Azo omena ireo orinasa amin'ny fomba elektronika ireo antontan-kevitra mikasika ny fifampiraharham-barotra sy ny fampifaninana. Na izany aza anefa dia mifameno amin'ny fampitana amin'ny alàlan'ny paositra izany fomba izany.</p> <p><b>III.</b> Azo ampitaina any amin'ny Manamahefa mpandraiki-barotra amin'ny fomba elektronika ihany koa ny filatsahan-kifaninana sy ny tolotra teknika, raha toa ka tsy misy fepetra mifanohitra amin'izany ao anaty filazana fampahafantarana ny daholobe.</p>

<p><b>IV.</b> Des enchères électroniques inversées peuvent être organisées pour l'achat de fournitures, de services ou de travaux dont le montant est inférieur aux seuils prévus pour l'application des dispositions de l'article 41 du présent Code.</p> <p>La Personne Responsable des Marchés Publics peut recourir à une enchère électronique inversée dans les conditions suivantes :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>-Lorsqu'il lui est possible de formuler une description détaillée de l'objet du marché ;</li> <li>-Lorsqu'il y a un marché concurrentiel de fournisseurs, de prestataires de service ou d'entrepreneurs dont on pense qu'ils sont qualifiés pour participer à l'enchère électronique inversée de sorte qu'une concurrence effective soit assurée; et</li> <li>-Lorsque les critères qu'elle utilisera pour déterminer la soumission à retenir sont quantifiables et peuvent être exprimés en termes pécuniaires.</li> </ul> <p>Les dispositions du présent article ne sont pas applicables aux marchés de prestations intellectuelles.</p> <p><b>V.</b> Un texte réglementaire précisera les modalités d'application du présent article.</p>	<p><b>IV.</b> Ho an'ny fividianana kojakoja, na fisahanana asa na fanaovana asa vaventy, dia azo atao ny mampanao adivarotra elektronika mitsimbadika, raha toa ka latsaky ny farafetra voafaritry anaty rijanteny fampiharana ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-41 ato amin'ity fehezan-dalàna ity ny sandany.</p> <p>Afaka miroso amin'izany adivarotra elektronika mitsimbadika izany ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana raha toa feno ireto fepetra manaraka ireto :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>-rehefa azony faritana amin'ny antsipiriany ny anto-pisian'ilay tsenambaro-panjakana ;</li> <li>-rehefa hita fa maro ny mpifaninana afaka mandray anjara amin'ny fifampiraharaham-barotra, na izy mpamatsy kojakoja, na izy mpisahan-draharaha, na izy mpanao asa vaventy, ary azo heverina fa manana fahafahamanoa ahazoany mandray anjara amin'ny adivarotra elektronika mifamadika izy ireo, ary ahafahana miantoka ny tena fifaninana marina izany; sy</li> <li>-rehefa azo faritana araka isa sy azo arafitra ho sora-bola ireo masontsivana ampiasaina hisafidianana ny tolotra horaisina.</li> </ul> <p>Tsy azo ampiharina amin'ny Tsenambaro-panjakana momba ny fisahanana ara-tsaina na asa saina ireo fepetra voalazan'ity andininy ity.</p> <p><b>V.</b> Hisy didy amam-pitsipika hamaritra ny fombafomba fampiharana ity andininy ity.</p>
<p><b>Article 34.- Présentation des procédures de passation</b></p> <p>L'appel d'offres est la procédure par laquelle une Autorité Contractante choisit l'offre économiquement la plus avantageuse, sans négociations, sur la base de critères objectifs préalablement portés à la connaissance des candidats.</p> <p>L'appel d'offres peut être ouvert ou restreint. Il est dit ouvert lorsque tout candidat peut remettre une offre, et restreint lorsque seuls peuvent remettre une offre les candidats qui y ont directement été invités par l'Autorité Contractante.</p>	<p><b>Andininy 34.- Fanehoana ireo paika fandraiketana Tsenambaro-panjakana</b></p> <p>Ny fitaomana hanao tolobidy no fomba isafidianan'ny Manamahefa mpandraiki-barotra izay tolotra ahazahoany tombony ara-toekarena be indrindra, sady tsy misy adivarotra, mifanaraka amin'izay masontsivana tsy mitanila efa ampahafantarina mialoha ireo mpifaninana.</p> <p>Ny fitaomana hanao tolobidy dia mety misokatra na voafetra. Lazaina fa misokatra izy raha toa ka afaka mametraka tolobidy avokoa ireo mpifaninana, ary voafetra kosa rehefa ny mpifaninana nasain'ny Manamahefa mpandraiki-barotra mivantana ihany no afaka manao izany.</p>

### **Article 35.- Appel d'offres ouvert**

**I.** L'appel d'offres ouvert constitue le mode de dévolution des marchés publics auquel doivent recourir par principe toutes les personnes publiques ou personnes privées soumises au présent Code. Il ne peut être dérogé à l'obligation de mise en œuvre d'une procédure d'appel d'offres ouvert que dans les seuls cas prévus aux articles 38 à 42 du présent Code et dans le respect des seuils prévus par voie réglementaire.

L'appel d'offres ouvert peut intégrer une phase de pré-qualification. Il peut également être organisé en deux étapes.

**II.** Tout appel d'offres national ouvert est porté à la connaissance du public au moins trente jours avant la date limite de remise des offres par la publication d'un avis spécifique d'appel public à la concurrence dans les conditions prévues à l'article 32 du présent Code. Ce délai est d'au moins quarante-cinq jours pour l'appel d'offres international ouvert.

L'avis spécifique d'appel public à la concurrence indique aux candidats les modalités de retrait du Dossier d'Appel d'Offres ouvert, et notamment, le cas échéant, la somme à payer pour obtenir ce dossier.

Des renseignements complémentaires peuvent être sollicités de la Personne Responsable des Marchés Publics au plus tard dans un délai de dix jours avant la date limite de remise des offres. L'ensemble des candidats ayant retiré un Dossier d'Appel d'Offres devront être destinataires des réponses de la Personne Responsable des Marchés Publics.

### **Andininy 35.- Fitaomana hanao tolobidy misokatra**

**I.** Ny fitaomana hanao tolobidy misokatra no fomba fanomezana fifampiraharaham-barotra tokon'ny harahin'ny Manamahefa mpandraiki-barotra avy hatrany, araka ny fotokevi-dehibe voalazan'ity fehezan-dalàna ity. Tsy azo ialàna ny tsy maintsy hampiharana ny paika hitaomana hanao tolobidy misokatra, afa-tsy ny amin'ireo tranga voalazan'ny andininy faha-38 sy 42 ao amin'ity fehezan-dalàna ity ihany, ary ao anatin'ny fanajana tanteraka ny farafetra voafaritry ny didy amam-pitsipika.

Azo atao ny mampiditra dingana fifantenana mialoha rehefa manao fitaomana hanao tolobidy misokatra. Azo atao toy izany ihany koa anefa ny manao izany amin'ny dingana in-droa miantoana.

**II.** Ny fitaomana hanao tolobidy misokatra mahakasika ny mpifaninana eto amin'ny Firenena irery ihany dia tsy maintsy ampahafantarina ny daholobe telopolo andro, raha kely indrindra, mialoha ny daty farany ahafahana mametraka ny tolobidy, amin'ny alàlan'ny fampahafantarana ny filazana miavaka hiantsoana ny daholobe hifaninana sy araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-32 ato amin'ity fehezan-dalàna ity. Ho an'ny fitaomana hanao tolobidy misokatra mahenika ny iraisam-pirenena kosa dia dimy amby efapolo andro, raha kely indrindra, io fe-potoana io.

Ampahafantarina ny mpandray anjara, ao anaty fitaomana miavaka hiantsoana ny daholobe hifaninana, ireo fombafomba fisintonana ny antontan-kevitra ny fitaomana hanao tolobidy misokatra, ary koa, raha ilaina izany, ny vola tokony efaina mba ahazahoana izany antontan-kevitra izany.

Afaka mangataka fanampim-panazavana amin'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana ny mpifaninana, folo andro raha ela indrindra mialoha ny daty farany ahafahana mametraka ny tolobidy. Ireo mpifaninana rehetra naka ny Antontan-kevitra hitaomana hanao tolobidy dia tokony handefasan'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana ny valin'izany fangataham-panazavana izany daholo.

Pour soumissionner, les candidats sont tenus d'établir un pli fermé remis à l'Autorité Contractante par tout moyen permettant de déterminer de façon certaine la date et l'heure de sa réception et de garantir la confidentialité des éléments qu'il contient.

**III.** A l'expiration des date et heure limites de remise des offres, la Personne Responsable des Marchés Publics est chargée de procéder à l'ouverture des plis de soumission. Seuls peuvent être ouverts les plis de soumission reçus au plus tard à la date et heure limites de remise des offres.

Les plis contenant les offres peuvent être envoyés par service postal public ou privé.

Les plis reçus doivent être conservés dans un endroit sécurisé ou un coffre-fort afin de préserver la confidentialité.

Les plis doivent rester cachetés jusqu'au moment de leur ouverture.

**IV.** La séance d'ouverture des plis contenant les offres a lieu à la date limite fixée pour le dépôt des offres. La Personne Responsable des Marchés Publics, en présence des candidats ou de leurs représentants qui souhaitent être présents, ouvre les enveloppes contenant les offres. Le nom de chaque candidat, le montant de chaque offre et de chaque variante, et le cas échéant le montant des rabais proposés, sont lus à haute voix ; la présence ou l'absence de garantie d'offre est également mentionnée.

Ces renseignements sont consignés dans le procès-verbal de la séance d'ouverture qui est contresigné par toutes les personnes présentes et publié par la Personne Responsable des Marchés Publics. Ce procès-verbal est remis par la suite à tous les candidats.

Mba hahafahany mandray anjara amin'ny fifaninanana, dia tsy maintsy mametraka valopy mihidy eny amin'ny Manamahefa mpandraiki-barotra ny mpifaninana, ka ataony izay fomba rehetra ahafahana mamantatra amin'ny fomba hentitra ny daty sy ny ora nandraisana ny tolobidiny sy ahafahany miantoka ny tsiambaratelon'ny ireo singa voarakitr'izany tolobidy izany.

**III.** Miroso avy hatrany amin'ny fanokafana ireo valopy misy ny filatsahan-kifaninana ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana raha vantany vao dify ny daty sy ora farany ahazoana mametraka tolobidy. Ireo valopy voaray farafahatarany mandritra ny daty sy ny ora farany azo ametrahana tolobidy ihany no azo raisina.

Azo alefa amin'ny alalan'ny paositra, na miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana, ny valopy misy ny tolobidy.

Tokony ho tahirizina amin'ny toerana azo antoka na vata mihidy ny valopy voaray mba hiarovana ny tsiambaratelon'izy ireo.

Tokony hijanona tsy vaky sarena hatramin'ny fotoana hanokafana azy ireo valopy rehetra voaray.

**IV.** Amin'ny daty farany ahazoana mametraka tolobidy no tsy maintsy sokafana ny valopy mitahiry izany. Sokafan'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana eo anatrehan'ireo mpifaninana maniry ny hanatrika, na izay mpisolo tena azy, ny valopy mitahiry ny tolobidy. Vakiana mafy ho ren'ny besinimaro ny anaran'ny mpifaninana tsirairay, ny sandan'ny tolobidy sy ny sandan'ny karazan-tolobidy maka endrika hafa, ny fihenambidy naroson'ny mpifaninana raha toa ka notakiana izany. Ambara ho fantatry ny rehetra koa izay mety ho fisian'ny antoky ny tolobidy na tsia.

Izany andinindininy rehetra izany dia raketina ao amin'ny fitanana an-tsoratra ny fotoam-panokafana, ka soniavin'ireo olona rehetra nanatrika ary ampahafantarin'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana ny daholobe. Omena io fitanana an-tsoratra io avokoa ny mpifaninana rehetra.



**V.** L'examen de la recevabilité des candidatures et des offres, l'évaluation des offres et leur classement sont effectués dans les conditions prévues à l'article 47 du présent Code.

Le processus d'évaluation des candidatures et des offres revêt un caractère confidentiel.

**VI.** Afin d'en faciliter l'examen et l'évaluation, la Personne Responsable des Marchés Publics peut demander par écrit aux candidats de préciser la teneur de leur offre, sans que cela puisse y apporter une modification substantielle.

Il est également possible de corriger des erreurs arithmétiques détectées au cours de l'examen détaillé des offres.

**VII.** Sur la base de l'avis rendu par la Commission d'Appel d'Offres, la Personne Responsable des Marchés Publics élimine les offres non conformes et choisit l'offre économiquement la plus avantageuse.

**VIII.** La Personne Responsable des Marchés Publics peut, en accord avec le candidat retenu, procéder à une mise au point des composantes du marché sans que ces modifications puissent remettre en cause les caractéristiques substantielles, notamment financières, du marché. Les modifications apportées dans le cadre de cette mise au point du marché seront consignées et justifiées dans un rapport joint au marché. Ce rapport sera notifié au titulaire dans les mêmes conditions que celles définies à l'article 52 du présent Code.

**V.** Atao araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-47 ato amin'ity fehezandalàna ity ny fandinihana mikasika ny fahazoana mandray ny filatsahan-kifaninana sy ny tolobidy, ny fanombanana ny tolobidy ary ny fandaharana azy ireo.

Mijanona ho tsiambaratelo ny asa rehetra mikasika ny fanombanana ny filatsahan-kifaninana sy ny tolobidy.

**VI.** Mba ho fanamorana ny asa fandinihana sy fanombanana, dia azon'ny ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana atao ny mangataka an-tsoratra amin'ireo mpifaninana mba hitondra fanampim-panazavana amin'ny tolobidy narosony, kanefa tsy tokony hampiova ny vontoin'ily tolobidy kosa izany ;

Azo atao koa ny mitondra fanitsiana amin'ireo fahadisoana ara-kajy tsikaritra nandritra ny fandinihana amin'ny antsipiriany ny tolobidy.

**VII.** Araka ny hevitra naroson'ny Vaomiera momba ny Tolobidy, dia ahiliky ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana ireo tolobidy rehetra tsy mahavaly izay notakiana taminy ary safidiany izay tolotra ahazoana tombony ara-toekarena be indrindra.

**VIII.** Azon'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana sy ny mpifaninana voasafidy atao ny mifanaraka amin'ny famolavolàna ny pitsopitsony farany amin'ny fifampiraharham-barotra, kanefa tsy tokony hanova ny fototra sy ny vontoin'ny fifanarahana izany, indrindra ny mahakasika ny lafiny ara-bola. Raketina sy hazavaina ao amin'ny tatitra ampiarahina amin'ny fifampiraharham-barotra izay fiovana naterak'izany famolavolàna farany izany. Ampahafantarina sy omena ny Tompon'ny Tsenambarotra izany tatitra izany araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-52 amin'ity fehezandalàna ity.

**Article 36.- Appel d'offres ouvert avec pré-qualification**

**I.** Dans le cas où le marché a pour objet soit la réalisation de travaux ou la livraison de fournitures ou la prestation de service revêtant une importance ou une complexité particulière, soit l'exécution de prestations de services spécialisés, l'appel d'offres ouvert peut intégrer une phase de pré-qualification ayant pour objet d'éliminer les candidats n'ayant pas l'aptitude à exécuter le marché de manière satisfaisante.

**II.** L'aptitude d'un candidat à exécuter le marché doit s'apprécier au regard des moyens humains et matériels dont il dispose, de sa capacité financière et enfin de ses références relatives à l'exécution de prestations analogues à celles qui constituent l'objet du marché.

**III.** Il est procédé à la publication d'un avis spécifique d'appel public à la concurrence dans les conditions définies à l'article 32 du présent Code. Cet avis mentionne la liste des renseignements que les candidats devront produire à l'appui de leur candidature et précise la date limite de remise des dossiers de candidature.

**IV.** Les dossiers de candidature sont remis à l'Autorité Contractante par tout moyen permettant de déterminer de façon certaine la date et l'heure de leur réception et de garantir la confidentialité des éléments qu'ils contiennent.

**Andininy 36.- Fitaomana hanao tolobidy misokatra misy sivana mialoha**

**I.** Ho an'ny Tsenambaro-panjakana mahakasika fanatanterahana asa vaventy, na famatsiana kojakoja, na fisahanan-draharaha tena manana lanja manokana na tena sarotra tanterahina, na koa mahakasika fanatontosana fisahanan-draharaha manana endrika manokana, dia azo atao ny fitaomana hanao tolobidy misy sivana mialoha, mba hahafahana manilika mialoha izay mpifaninana hita fa tsy afaka hanome fahafaham-po tanteraka amin'ny fanatanterahana ny fifampiraharham-barotra.

**II.** Ny olona sy ny fitaovana heveriny hampiasaina, ny toe-bola eo am-pelantànany ary ny traikefany amin'ny fanaovana asa mitovitovy amin'izay takian'ny Tsenambarotra andraisany anjara, no itsarana raha afaka hanatanteraka tokoa, na tsia, ilay fifampiraharham-barotra ny mpifaninana.

**III.** Tsy maintsy avoaka ho fantatry ny besinimaro ny filazana miavaka hiantsoana ny daholobe hifaninana, araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-32 amin'ity fehezan-dalàna ity. Io filazana io no mitanisa ny lisitr'ireo izay tsara ho fantatra rehetra tokony homen'ny mpifaninana hanohanany ny filatsahan-kifaninany, no sady mametra ny fe-potoana farany fametrahana ny antontan-taratasy filatsahan-kifaninana

**IV.** Rehefa mametraka ny antontan-taratasy filatsahan-kifaninana any amin'ny Manamahefa mpandraiki-barotra, dia ataon'ny mpifaninana tsirairay izay fomba rehetra ahafahana mamantatra amin'ny fomba hentitra ny daty sy ny ora nandraisana ny filatsahan-kifaninany sy ahafahany miantoka ny tsiambaratelon'ny ireo singa voarakitr'izany filatsahan-kifaninana izany.

<p><b>V.</b> A l'expiration des date et heure limites de remise des dossiers de candidature, la Personne Responsable des Marchés Publics est chargée de procéder à leur ouverture. Seuls peuvent être ouverts les dossiers de candidature reçus au plus tard à la date et heure limites de remise des offres.</p> <p>La séance d'ouverture des dossiers de candidature se déroule en présence de la Commission d'Appel d'Offres. Cette séance est publique.</p> <p>La Personne Responsable des Marchés Publics enregistre le contenu des dossiers de candidature dans le procès-verbal de la séance d'ouverture qui est contresigné par toutes les personnes présentes.</p> <p><b>VI.</b> La Commission d'Appel d'Offres procède ensuite à l'examen des éléments fournis par les candidats aux fins d'attester de leur aptitude à exécuter le marché et établit la liste des candidats pré-qualifiés.</p> <p><b>VII.</b> La Personne Responsable des Marchés Publics informe les candidats non pré-qualifiés et adresse simultanément et par écrit à tous les candidats pré-qualifiés une invitation à soumissionner et un Dossier d'Appel d'Offres. L'invitation à soumissionner mentionne les date et heure limites de remise des offres et l'adresse à laquelle les offres devront être transmises.</p> <p><b>VIII.</b> L'ouverture et l'examen des offres remises, ainsi que le choix de l'offre économiquement la plus avantageuse, s'effectuent ensuite dans les conditions fixées à l'article 35 du présent Code.</p>	<p><b>V.</b> Rehefa dify ny daty sy ora farany ahafahana mametraka ny antontan-taratasy filatsahan-kifaninana, dia miroso amin'ny fanokafana izany ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, ka ireo izay voaray farafahatarany hatreo amin'ny daty sy ora farany ahafahana mametraka ny antontan-taratasy filatsahan-kifaninana ihany no tokony hosokafana.</p> <p>Manatrika ny fotoam-panokafana ny antontan-taratasy filatsahan-kifaninana ny Vaomieran'ny Tolobidy. Azo atrehan'ny rehetra io fotoana io.</p> <p>Raketin'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana ao amin'ny fitanana an-tsoratra ny fotoam-panokafana ny vontoa-tan'ireo antontan-taratasy filatsahan-kifaninana, ka iarahan'izay olona rehetra nanatrika io fotoana io manao sonia izany fitanana an-tsoratra izany.</p> <p><b>VI.</b> Miroso amin'ny fandinihana ireo singa nomen'ny mpifaninana ho fanohanany ny fahafahany manatanteraka ny Tsenambarotra ny Vaomieran'ny Tolobidy rehefa avy eo, ary avy amin'izany no andrafetany ny lisitr'ireo mpifaninana voasivana tamin'io dingana mialoha io.</p> <p><b>VII.</b> Ampahafantarin'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana izay mpifaninana tsy tafita tamin'ny sivana mialoha ary andefasany fanasana an-tsoratra hanao tolobidy ampiarahina amin'ny Antontan-kevitra ny fitaomana hanao tolobidy kosa ireo mpifaninana voasivana. Soratana ao anaty fanasana hanao tolobidy ny daty sy ora ahafahana mametraka farany izany tolobidy izany, sy ny adiresy tokony hanaterana azy.</p> <p><b>VIII.</b> Atao araka ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-35 amin'ity fehezandalàna ity ny fanokafana sy fandinihana ny tolobidy voaray ary ny fisafidianana ny tolobidy ahazoana tombony ara-toekarena be indindra.</p>
--	---

**Article 37.- Appel d'offres en deux étapes**

**I.** Dans le cas de marchés d'une grande complexité ou lorsque la Personne Responsable des Marchés Publics souhaite faire son choix sur la base de critères de performance et non de spécifications techniques détaillées, le marché peut faire l'objet d'une attribution en deux étapes.

**II.** Les candidats sont d'abord invités à remettre des propositions techniques, sans indication de prix, sur la base de principes généraux de conception ou de normes de performance, et sous réserve de précisions et d'ajustements ultérieurs d'ordre technique aussi bien que commercial.

**III.** Lors de la seconde étape, les candidats sont invités à présenter des propositions techniques définitives assorties de prix, sur la base du Dossier d'Appel d'Offres préalablement révisé par la Personne Responsable des Marchés Publics en fonction des observations individuellement soumises par les candidats et consignées par écrit.

**IV.** La remise, l'ouverture et l'examen des propositions, ainsi que le choix de l'offre économiquement la plus avantageuse, s'effectuent dans les conditions fixées à l'article 35 du présent Code.

**V.** Le cas échéant, l'appel d'offres en deux étapes est précédé d'une pré-qualification conduite selon les dispositions de l'article 36 du présent Code.

**Andininy 37.- Fitaomana hanao tolobidy misy dingana indroa miantoana**

**I.** Amin'ny Tsenambarotra tena misy fahasaratana goavana na koa rehefa te-hampiasa mason-tsviana mifototra kokoa amin'ny fahombiazan'ny zava-bita fa tsy amin'ny toetoetra ara-teknikan'ny tolobidy ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, dia azony atao ny manao ny fandraiketam-barotra misy dingana indroa miantoana.

**II.** Asaina mametraka tolokevitra ara-teknika mifototra amin'ny fotokevi-dehiben'ny asa na amina fenitra manome vahana ny vokatry aloha ireo mpifaninana, ka tsy lazaina ao anatin'izany ny vidy, fa saingy tsy maintsy arahina fanampim-panazavana lalindalina kokoa sy fanitsiana ara-teknika na ara-barotra izany rehefa ao aoriana.

**III.** Amin'ny dingana faharoa indray dia asaina mametraka tolotra ara-teknika tena raikitra ny mpifaninana, sady asiana vidy, sy mifanaraka amin'izay voalazan'ny Antontan-kevitra ny Fitaomana hanao Tolobidy, nasian'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana fanitsiana mialoha arakarak'izay fanamarihana an-tsoratra manokana naroson'ireo mpifaninana.

**IV.** Ny fihenam-bidy, ny fanokafana ny fandinihana ireo tolotra, ary ny fisafidianana ny tolotra ahazahoana tombony ara-toekarena be indrindra, dia atao araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-35 amin'ity fehezandalàna ity.

**V.** Azo atao koa, raha ilaina, ny manao fitaomana hanao tolobidy misy sivana, araka izay voalazan'ny andininy faha-36 amin'ity fehezandalàna ity, mialoha ny hirosoana amin'ny fitaomana hanao tolobidy misy dingana indroa miantoana.

**Article 38.- Appel d'offres restreint**

**I.** L'appel d'offres est dit restreint lorsque seuls peuvent remettre des offres les candidats que la Personne Responsable des Marchés Publics a décidé de consulter.

**II.** L'appel d'offres restreint consiste à procéder au préalable à une sélection basée sur les capacités et les garanties financières et professionnelles des candidats.

A l'issue de ladite sélection, la Personne Responsable des Marchés Publics consulte au moins trois candidats sur la base d'une liste restreinte proposée par la Commission d'Appel d'Offres.

**III.** La consultation des candidats est matérialisée par l'envoi d'une lettre d'invitation accompagnée d'un Dossier d'Appel d'Offres. En tant que de besoin, des textes réglementaires préciseront les modalités d'application des dispositions du présent paragraphe.

**IV.** Il ne peut être procédé à un appel d'offres restreint que sur proposition de la Personne Responsable des Marchés Publics et après accord de l'organe chargé du contrôle des marchés publics dans les cas suivants :

- 1°) urgence avérée ;
- 2°) lorsque les prestations objet du marché revêtent un caractère confidentiel ;
- 3°) lorsqu'il s'agit de faire exécuter des prestations en lieu et place d'un prestataire défaillant ;
- 4°) lorsque seul un petit nombre de prestataires sont susceptibles d'exécuter le marché.

**Andininy 38.- Fitaomana hanao tolobidy voafetra**

**I.** Atao hoe voafetra ny fitaomana hanao tolobidy rehefa ireo mpifaninana nosafidian'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana hantsoina ihany no afaka mametraka tolobidy.

**II.** Ny fitaomana hanao tolobidy voafetra dia midika ho fanivanana mialoha izay ho mpandry anjara amin'ny fifaninanana, ka izany sivana izany dia mifantoka indrindra amin'ny fahafaha-manao sy ny antoka ara-bola ary araka asan'ireo mpifaninana.

Rehefa vita izany sivana izany, dia misafidy mpifaninana telo farafahakeliny, ao anaty lisitra voafantina atolotry ny Vaomieran'ny Tolobidy, ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana.

**III.** Atao amin'ny alàlan'ny fandefasana taratasy fanasana, miaraka amin'ny Antontan-kevitra ny fitaomana hanao tolobidy, ny fangatahana tolotra any amin'ireo mpifaninana. Raha ilaina, dia hofaritana bebe kokoa amin'ny didy amam-pitsipika ny andinindiny mikasika ny fomba fampiharana izay voalazan'ity andalana ity.

**IV.** Tsy azo atao ny miroso amin'ny fitaomana hanao tolobidy voafetra, raha tsy tolo-kevitra avy amin'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, rehefa nankatoavin'ny rafitra mpanara-maso ny Tsenambaro-panjakana, ary noho ireto antony manaraka ireto ihany :

- 1°) hamehana voamarina ;
- 2°) miendrika tsiambaratelo ireo asa takian'ny fifampirahambarotra;
- 3°) fampanatanterahana asa hisoloana tompon-Tsenambarotra tsy nahavita ny asany;
- 4°) mpisehatra vitsy ihany no afaka manatanteraka ilay Tsenambarotra.

<p><b>V.</b> Les délais et modes de publication de l’avis d’appel à concurrence propres à chacun des cas cités ci-dessus sont fixés par voie réglementaire.</p> <p><b>VI.</b> L’ouverture et l’examen des offres remises, ainsi que le choix de l’offre économiquement la plus avantageuse, s’effectuent ensuite dans les conditions fixées à l’article 35 du présent Code.</p> <p>Toutefois, après avoir demandé par écrit le consentement exprès de tous les candidats consultés, la Personne Responsable des Marchés Publics peut procéder à l’ouverture des plis dès que toutes les offres lui sont parvenues.</p>	<p><b>V.</b> Hofaritana amin’ny didy amam-pitsipika ny fe-potoana sy ny fomba fampahafantarana ny fitaomana hifaninana mifandraika amin’ny tranga tsirairay avy voalaza etsy ambony.</p> <p><b>VI.</b> Ny fanokafana sy fandinihana ireo tolotra voaray sy ny fisafidianana ny tolotra ahazoana tombony ara-toekarena be indrindra, dia atao araka ny fepetra voalazan’ny andininy faha-35 amin’ity fehezan-dalàna ity.</p> <p>Na izany aza, rehefa nahazo fankatoavana an-tsoratra avy amin’ireo mpifaninana, dia afaka miroso avy hatrany amin’ny fanokafana ny tolotra ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, raha toa ka efa voaray daholo ny tolotra nandrasana.</p>
<p><b>Article 39.- Marché de gré à gré</b></p> <p><b>I.</b> Les marchés sont dits de gré à gré lorsque la Personne Responsable des Marchés Publics engage directement les discussions qui lui paraissent utiles et attribue ensuite le marché à un candidat identifié à l’avance.</p> <p><b>II.</b> Il ne peut être passé de marchés de gré à gré que dans les cas suivants :</p> <p>1°) pour les marchés portant sur des prestations devant être tenues secrètes ;</p> <p>2°) pour les marchés pour lesquels l’urgence impérieuse résultant de circonstances imprévisibles pour l’Autorité Contractante et dont les conditions de passation de marchés ne sont pas compatibles avec les délais exigés par les procédures d’appel d’offres, et notamment lorsqu’il s’agit de faire exécuter des prestations en lieu et place d’un prestataire défaillant ou encore lorsqu’il est question de faire face à des situations d’urgence impérieuse relevant d’une catastrophe naturelle ou technologique.</p>	<p><b>Andininy 39.- Ny fifampiraharana mivantana</b></p> <p><b>I.</b> Lazaina fa mivantana ny fifampiraharana rehefa manatona mpifaninana iray efa voatily mialoha ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, ka mifandresy lahatra aminy ao anaty adihevitra mivantana izay heveriny fa tokony hatao, ary manome ny Tsenambarotra an’izany mpifaninana izany rehefa avy eo.</p> <p><b>II.</b> Tsy misy fifampirahararana mivantana azo atao raha tsy amin’ireto tranga ireto ihany :</p> <p>1°) ireo asa tsy maintsy tazonina ho tsiambaratelo tanteraka;</p> <p>2°) ireo Tsenambaro-panjakana izay, nohon’ny hamehana mby ankoditra tsy azo ialàna vokatry ny fisehoan-javatra tsy nampoizin’ny Manamahefa mpandraiki-barotra velively, ka tsy nahafahany manaraka ny fombafomba fanao sy ny fe-potoana tokony hajaina amin’ny fampifaninana mahazatra, indrindra raha toa izany ka mahakasika ny tsy maintsy hanomezana olon-kafa ny asa nohon’ny tsy fahavitan’ily tompon’ny tsenambarotra izany, na koa nohon’ny tsy maintsy hiatrehana avy hatrany izay tranga tampoka tsy nampoizina ka niteraka fahamehana tsy azo ialàna vokatry ny loza voajanahary na antambo ara-teknolojika.</p>

<p>3°) pour les marchés destinés à répondre à des besoins qui, pour des raisons tenant à la détention d'un droit d'exclusivité, ne peuvent être satisfaits que par un prestataire déterminé, ou lorsque les achats supplémentaires ont trait à du matériel normalisé ou à des pièces détachées compatibles avec le matériel déjà en service.</p> <p>4°) pour des prestations qui complètent celles ayant précédemment fait l'objet d'un premier marché exécutées par le même titulaire. Le marché complémentaire est un marché distinct du marché initial mais attribué au même titulaire. Le recours aux marchés complémentaires n'est possible que dans les conditions cumulatives suivantes :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- le marché initial a été passé selon la procédure d'appel d'offres,</li> <li>- les prestations ne figurent pas dans le marché initialement conclu mais, suite à la survenance d'une circonstance imprévue et extérieure aux parties, elles sont devenues nécessaires à la bonne exécution des prestations,</li> <li>- les prestations ne peuvent être techniquement ou économiquement séparées du marché principal,</li> <li>- le montant cumulé des marchés complémentaires ne dépasse pas un tiers du montant du marché principal, avenants non compris.</li> </ul> <p>5°) Dans le cadre d'un marché de prestations intellectuelles, lorsque les prestations requièrent la sélection d'un consultant particulier en raison de sa qualification unique ou de la nécessité de continuer avec le même prestataire, le consultant peut être sélectionné par entente directe.</p> <p><b>III.</b> La passation d'un marché de gré à gré donne lieu à l'élaboration par la Personne Responsable des Marchés Publics d'un rapport justificatif soumis sans délai à l'accord préalable de l'organe chargé du contrôle des marchés publics.</p>	<p>3°) ireo fifampiraharaham-barotra entina mamaly ny filàna, izay mpisahana asa iray ihany no afa-manatanteraka azy nohon'ny fananany zo tsy hifampizarana, na ho an'ny fividianana ireo fanampim-pitaovana misy fenitra manokanana kojakoja fanolonatao ho an'ny fitaovana efa miasa eo ampelan-tànana.</p> <p>4°) ireo asa natao ho famenon'izay efa sahanin'ny tompon'ny Tsenambaro-panjakana iray efa amperin'asa rahateo. Ny famenon'asa dia Tsenambarotra iray vaovao samihafa mihitsy amin'ilay Tsenambarotra voalohany, fa omena kosa ilay Tompon'io Tsenam-barotra voalohany io ihany. Tsy azo atao ny firosoana amin'ny famenon'asaraha tsy feno daholo ireto fepetra manaraka ireto :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>-noraiketina tamin'ny alalan'ny fitaomana hanao tolobidy ilay asa voalohany,</li> <li>-tsy tao anatin'ny asa nifanarahana tany am-boalohany ilay asa famenony, saingy nohon'ny fisian'ny tranga tampoka tsy nampozina sy tsy niankina tamin'ny roa tonta, dia nanjary tsy maintsy ilaina izany mba hahatomombana tsara ny asa rehetra,</li> <li>-tsy azo sarahina, na ara-teknika, na ara-toekarena, amin'ilay asa voalohany ny asa famenony,</li> <li>-ny fitambaran'ny sandan'ireo famenon'asa rehetra dia tsy tokony hihoatra ny iray ampahatelon'ny fifampiraharaham-barotra voalohany izay tsy mbola nisy fanovàna.</li> </ul> <p>5°) amin'ny asa saina na fisahanana ara-tsaina, rehefa mitaky fahaizana manokana avy amin'ny mpisahan'asa ny fifampiraharaham-barotra nohon'ny fahaiza-manao tokana ananany, na nohon'ny antony tsy maintsy hanohizana ny asa miaraka amin'ilay mpisahana teo aloha ihany, dia afaka atao amin'ny alàlan'ny nifanarahana mivantana ny fisafidianana azy.</p> <p><b>III.</b> Tsy misy hatakandro fa tsy maintsy hanaovan'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana tatitra fanamarinana ankatoavin'ny rafitra mpanaramaso ny Tsenambaro-panjakana ny fandraiketana fifampiraharahana mivantana.</p>
<p><b>Article 40.- Participation communautaire</b> Lorsque la participation de personnes ou d'associations informelles ou de bénéficiaires futurs des prestations constitue un élément nécessaire au succès du projet, une telle participation est régie par un manuel de</p>	<p><b>Andininy 40.- Fandraisana anjara iombonana</b> Rehefa singa tsy azo ihodivirana amin'ny fahombiazan'ny tetik'asa iray ny fandraisana anjaran'ny olona na fikambanana tsy mijoro ara-dalàna na mety hahazo tombony amin'ny asa izay hatao, dia tokony hofehezina ny bokim-paikady niaraha-nanomana tamin'ny Manamahefa Mpandrindra ny</p>

<p>procédures préparé avec le concours de l’Autorité de Régulation des Marchés Publics.</p> <p>De manière générale, la participation communautaire se manifeste sous deux formes :</p> <p>-Participation inclusive des communautés, groupements ou Organisations Non Gouvernementales en tant que maître de l’ouvrage, agence d’exécution ou acheteur. Leur intervention est effective dès la détermination des besoins jusqu’à l’exécution des prestations en passant par l’attribution du marché.</p> <p>-Participation partielle de communautés ou groupement, en tant que prestataires. C'est la contribution directe des communautés dans l’exécution même de prestations, le plus souvent sous forme de prestations à fort coefficient de main-d’œuvre non spécialisée tels que la Haute Intensité de Mains d’Œuvre et le tâcheronnat.</p>	<p>Tsenambaro-panjakana izany fandraisana anjara izany.</p> <p>Amin’ny ankapobeny, ny fandraisana anjara iombonana dia maka endrika roa :</p> <p>- Fandraisana anjara manontolon’ireo vondrom-bahoaka, vondrona na fikambanana tsy miankina amin’ny Fanjakana amin’ny maha Mpifehy asa, rantsana mpanatanteraka na mpividy azy ireo. Miditra an-tsehatra avy hatrany izy ireo dieny mbola eny am-pamaritana ny filàna, mandalo amin’ny fanomezana ny Tsenambarotra, ka hatrany amin’ny fanatanterahana ny asa.</p> <p>- Fandraisana anjaran’ireo vondrom-bahoaka na vondrona amin’ny ampahan’asa, amin’ny maha mpisahana asa azy ireo. Io no fandraisana anjara mivantan’ireo vondrom-bahoaka mandritra ny fantanterahana ny asa, matetika amin’ireo asa tena ilàna olona tsy manana fahaiza-manao manokana, toy ny asa tana-marò na ny asa rafitra madinika.</p>
<p><b>Article 41.- Consultation d’entreprises, fournisseurs ou prestataires de services</b></p> <p><b>I.</b> Lorsque les travaux, fournitures ou services sont inférieurs à un certain seuil fixé par voie réglementaire, il peut être passé des marchés après consultation d’entrepreneurs, de fournisseurs ou de prestataires de services.</p> <p><b>II.</b> La consultation consiste à solliciter des offres auprès d’entrepreneurs, de fournisseurs ou de prestataires de services par affichage de l’avis public d’appel à concurrence dix jours au moins avant les date et heures limites de remise des offres. La consultation est accompagnée d’un document comportant la description des éléments qui doivent être inclus dans le prix. Le marché est attribué au soumissionnaire dont l’offre a été jugée conforme pour l’essentiel aux exigences du dossier d’appel d’offres et la moins disante. L’attribution est faite pendant la période de validité des offres.</p> <p><b>III.</b> En tant que de besoin, des réglementations d’application préciseront les modalités de mise en œuvre de cette procédure.</p>	<p><b>Andininy 41.- Fanaikàna mpanao asa vaventy, mpamatsy kojakoja na mpisahan-draharaha</b></p> <p><b>I.</b> Raha latsaky ny farafetra voafaritry ny didy amam-pitsipika ny hadirin’ny asa vaventy, kojakoja na fisahanan-draharaha atao, dia azo atao ny manao fandraiketana fifampiraharaha-barotra ao aorian’ny fanaikàna mpanao asa vaventy, mpamatsy kojakoja na mpisahan-draharaha.</p> <p><b>II.</b> Ny fanaikàna dia midika ho fangatahana tolobidy amin’ireo mpanao asa vaventy, mpamatsy kojakoja na mpisahan-draharaha amin’ny alàlan’ny fanaovana peta-drindrina, mandritra ny folo andro mialoha ny daty sy ora farany ahafahana mametraka tolotra, ny fiantsoana hifaninana ho an’ny daholobe. Ampiarahina amin’ny fanaikàna ny antontan-kevitra mirakitra ny antsipirian’ireo singa rehetra tsy maintsy ampidirina ao anaty vidy. Omena izay mpifaninana nanome ny tolobidy heverina fa mifanaraka amin’ny foto-kevi-dehibe notakian’ny fitaomana hanao tolobidy sy notombanana ho ambany vidy indrindra ny Tsenambaro-panjakana. Atao ao anatin’ny vanimpotoana mampanan-kery ny tolobidy ny fanomezana ny Tsenambaro-panjakana.</p> <p><b>III.</b> Raha ilaina, dia hisy didy amam-pitsipika horaisina ho fampiharana ny fomba fanatanterahana ireo paika ireo.</p>



**Article 42.- Dispositions spécifiques aux marchés de prestations intellectuelles**

**I.** Les marchés de prestations intellectuelles sont attribués après mise en concurrence des candidats présélectionnés dans les conditions définies ci-après.

**II.** La liste des candidats présélectionnés est arrêtée à la suite d'une invitation publique à soumettre des expressions d'intérêt réalisée dans les conditions définies à l'article 32 du présent Code. Les prestations inférieures à un seuil fixé par voie réglementaire sont dispensées de formalité de publicité.

Les candidats sont sélectionnés par la Commission d'Appel d'Offres en raison de leur aptitude à exécuter les prestations objet du marché et classés sur la base des critères publiés dans l'invitation publique à soumettre des expressions d'intérêt.

La commission d'appel d'offres sélectionne et classe six candidats qualifiés, lesquels seront invités à soumettre une proposition.

**III.** Les candidats sélectionnés se voient remettre une demande de proposition comprenant les termes de référence, la lettre d'invitation indiquant les critères de sélection et leur mode d'application détaillé, et le projet de marché. Dans les cas où les prestations sont d'une complexité exceptionnelle ou d'un impact considérable ou bien encore lorsqu'elles donneraient lieu à des propositions difficilement comparables, le titulaire du marché peut être désigné exclusivement sur la base de la qualité technique de sa proposition. La demande de proposition indique également les exclusions à la participation future aux marchés de travaux, fournitures et services qui résulteraient des prestations qui font l'objet de la consultation.

**IV.** L'évaluation des propositions s'effectue :

-soit exclusivement sur la base de la qualité technique de la proposition,

-soit sur la base de la qualité technique de la proposition, de l'expérience du candidat, de la qualification des experts et de la méthode de travail proposée et du montant de la proposition,

**Andininy 42.- Fepetra manokana mikasika ny Tsenambarotra momba ny fisahanana ara-tsaina**

**I.** Aorian'ny fampifaninana ireo mpandray anjara efa voasivana mialoha vao atao ny fanomezana ny Tsenambarotra momba ny fisahanana ara-tsaina, araka ireto fepetra manaraka ireto.

**II.** Aorian'ny fanasana ny daholobe haneho ny fahalianany, araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-32 ato amin'ity fehezan-dalàna ity, dia faranana ny lisitry ny mpifaninana tafavoaka tamin'ny sivana voalohany. Tsy voatery hanaovana fampahafantarana ny Tsenambarotra momba ny asa saina raha latsaky ny farafetra voafaritry ny didy amam-pitsipika ny sandany.

Sivanin'ny Vaomieran'ny Tolobidy arakaraky ny fahafahany manatanteraka ny asa, antom-pisian'ny Tsenambarotra, ary alahany araka ireo masontsivana napetraka tao amin'ny fanasana ny daholobe haneho ny fahalianany ny mpifaninana.

Rehefa izany dia safidiana sy alahatry ny Vaomieran'ny Tolobidy ireo mpifaninana enina voasivana, ary asaina mametraka tolotra avy.

**III.** Omena taratasy fangatahana tolotra ireo mpifaninana voasivana, ka ao anatin'io ny rijantenany fitsiahy, ny taratasy fanasana mitanisa ireo masontsivana ampiasaina omban'ny antsipirian'ny fomba fampiasana azy ireo, ary ny vinavinam-pifanaraham-barotra. Raha toa ka mikasika asa saina manana fahasarotana manokana ny fanatanterahana azy, na misy fiantraikany tena goavana, na koa mety hahazoana tolotra samihafa tena sarotra ampitahaina, dia azo atao raha ny kalitao ara-teknikan'ny tolotra fotsiny ihany no fototra anendrena izay ho tompon'ny Tsenambarotra. Lazaina ao anaty taratasy fangatahana tolotra koa ny mikasika ny tsy fahazoana mandray anjara amin'izay Tsenambarotra hisy ao aoriana, na asa vaventy, na kojakoja na fisahanan-draharaha, ka mifandray amin'ny asa saina izay antom-pisian'ny fanaikàna.

**IV.** Ny fanombanana ny tolotra dia mifototra :

-na amin'ny kalitao ara-teknikan'ny tolotra irery ihany,

-na amin'ny kalitao ara-teknikan'y tolotra, ny traikefan'ny mpifaninana, ny fahaiza-manaon'ireo manam-pahaizana manokana sy ny fomba fiasa narosony ary ny saran'ny tolotra,

<p>-soit sur la base d'un budget prédéterminé dont le candidat doit proposer la meilleure utilisation possible,          -soit sur la base de la meilleure proposition financière soumise par les candidats ayant obtenu une notation technique minimum,          -soit sur la base de la qualification du candidat.</p> <p>Le marché peut ensuite faire l'objet de négociations avec le candidat dont la proposition est retenue. La négociation ne doit modifier de manière substantielle ni la portée initiale de la mission prévue dans les Termes de référence, ni les conditions contractuelles, ni le prix du marché. En aucun cas, des négociations ne peuvent être conduites avec plus d'un candidat à la fois.</p> <p><b>V.</b> Pour des prestations dont le montant est inférieur à un seuil fixé par voie réglementaire, la sélection de consultants individuels se fait sur la base de comparaison de qualifications d'au moins trois candidats parmi ceux qui ont manifesté leur intérêt pour la mission. Les qualifications seront évaluées essentiellement sur la base de leurs diplômes et de leurs expériences antérieures en rapport avec la mission.</p>	<p>-na amin'ny tetibola voafaritra mialoha, ka ny mpifaninana no mandroso ny fomba mety indrindra entina hampiasana izany,          -na amin'ny tolotra ara-bola tsara indrindra avy amin'ny mpifaninana nahazo ny farafahakelin'ny naoty ara-teknika,          -na amin'ny fahaiza-manaon'ny mpifaninana.</p> <p>Aorian'izany, dia azo atao ny fifampiraharaha miaraka amin'ny mpifaninana izay tompo'ny tolotra voatana. Ny fanaovana fifampiraharaha dia tsy tokony hanova velively ny vontootin-kevitra mahakasika ny tanjona napetraka tany am-boalohany tao anaty rijanteny fitsiahy, na ny vontootin'ny fifanarahana, na ny vidin'ny Tsenambarotra. Tsy azo atao mihitsy ny manao fifampiraharaha indray maka amin'ny mpifaninana mihoatra ny iray.</p> <p><b>V.</b> Ho an'ireo asa saina manana sara latsaky ny farafetra voafaritry ny didy amam-pitsipika, ny fisafidianana ireo olon-tsotra mpisahana ara-tsaina dia atao amin'ny alàlan'ny fampitahana ny fahaiza-manaon'ny mpifaninana, miisa telo raha vitsy indrindra, tamin'ireo nampiseho ny fahalianany amin'ilay asa hatao. Tombanana amin'ny alàlan'ny maripahaizana ananany sy ny traikefany mifandraika amin'izay asa takiana aminy izany fahaiza-manaon'ny mpifaninana izany.</p>
<p><b>Article 43.- De la présentation des offres</b></p> <p>Les offres seront remises en un original et en autant de copies que fixées par les Données Particulières de l'Appel d'Offres dans autant d'enveloppes sous pli fermé portant la mention "ORIGINAL" ou "COPIE" selon le cas, elles-mêmes placées dans une enveloppe extérieure unique cachetée.</p> <p>Chaque Candidat ne présentera qu'une offre, à titre individuel ou en tant que membre d'un groupement. Un Candidat qui présente plusieurs offres est disqualifié.</p>	<p><b>Andininy 43 .- Fanolorana ny tolobidy</b></p> <p>Rehefa manatitra ny tolobidy dia asiana antontan-taratasy fototra sy dika mitovy araka izay notakian'ny Antontan-kevitra miavaky ny fitaomana hanao tolobidy, ary samy atao anaty valopy mihidy misy ny soratra "ORIGINAL" na "COPIE", araka izay mifanaraka aminy avy, ka ireo indray avy eo no ampiarahana ao anaty valopy tokana tsy mivaky sarony.</p> <p>Tsy misy afa-tsy tolobidy tokana ihany no azon'ny mpifaninana iray aroso, na amin'ny anaran'ny tenany manokana, na amin'ny maha-mpikambana azy ao anaty vondrona. Voahilika avy hatrany izay mpifaninana manome tolobidy maromaro.</p>

<p><b>Article 44.- De la réception des offres</b></p> <p>Les offres doivent être reçues par l’Autorité contractante aux lieu, date et heure fixés dans les Données Particulières de l’Appel d’Offres. L’Autorité contractante peut, s’il le juge nécessaire, reporter la date limite de remise des offres en modifiant le Dossier d’Appel d’Offres. Toute offre reçue par l’Autorité contractante après la date et l’heure limites de remise des offres sera déclarée hors délai, écartée et renvoyée au Candidat sans avoir été ouverte.</p> <p>Toutefois les offres reçues au début de la séance d'ouverture des plis et avant l'ouverture du premier pli sont recevables.</p> <p>Un Candidat peut retirer, remplacer, ou modifier son offre après l’avoir déposée, par voie de notification écrite, dûment signée par un représentant habilité, accompagnée d’une copie de cette habilitation. La modification ou l’offre de remplacement correspondante doit être jointe à la notification écrite.</p>	<p><b>Andininy 44.- Fandraisana ny tolobidy</b></p> <p>Ny tolobidy dia tokony ho voarain’ny Manamahefa mpandraiki-barotra amin’ny daty, ora sy toerana nofaritan’ny Antontan-kevitra miavaky ny fitaomana hanao tolobidy. Afaka mampihemotra ny daty farany ahafahana mametraka tolobidy, amin’ny alàlan’ny fanovana ny antontan-kevitra miavaky ny fifampiraharaha-barotra, ny Manamahefa mpandraiki-barotra, raha toa ka heveriny fa ilaina izany. Izay tolotra rehetra voarain’ny Manamahefa mpandraiki-barotra aorian’ny daty sy ora farany ahafahana mametraka tolobidy dia ambara fa nihoatra ny fe-potoana, ka ahilika sy averina any amin’ny mpifaninana sady tsy sokafana akory.</p> <p>Na izany aza, dia azo raisina ireo tolotra voaray eo amin’ny fanombohan’ny fotoam-panokafana ny tolobidy, nefa kosa mialoha ny nanokafana ny valopy voalohany.</p> <p>Afaka misintona, manolo na manova ny tolobidiny ny mpifaninana aorian’ny nametrahany izany, ka ataony amin’ny alàlan’ny fampahafantarana an-tsoatra, voasonian’ny mpisolo tena nahazo alàlana izany, ka ampiarahana amin’izany ny dika mitovin’ily fanomezan-dàlana. Ny fanovana na ny fanoloana dia tokony hiaraka amin’izany fampahalalana an-tsoatra izany.</p>
<p><b>Article 45.- De la séance d’ouverture des offres</b></p> <p>La Personne Responsable des Marchés Publics ou son représentant procède à l’ouverture des plis à la date et à l’heure limite fixées et au lieu indiqué dans les Données Particulières de l’Appel d’Offres pour la remise des offres, en présence des Candidats ou de leurs représentants qui ont souhaité y assister.</p> <p>La Personne Responsable des Marchés Publics établira un procès-verbal de la séance d’ouverture des plis, qui comportera au minimum : le nom du Candidat et s’il y a retrait, remplacement de l’offre ou modification, le prix de l’offre, par lot le cas échéant, y compris tous rabais et variantes proposés, et l’existence ou l’absence d’une garantie de soumission si elle</p>	<p><b>Andininy 45.- Ny fotoana fanokafana ny tolobidy</b></p> <p>Miroso amin’ny fanokafana ireo valopy ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, na izay misolo tena azy, amin’ny daty sy ora farany ary ao amin’ny toerana nambaran’ny Antontan-kevitra miavaky ny fitaomana hanao tolobidy, ka eo imason’ireo mpifaninana izay maniry hanatrika, na ireo mpisolo tena azy, no anaovana izany.</p> <p>Ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana no mandrafitra ny fitantanana an-tsoatry ny fotoam-panokafana ny tolobidy, izay ahitana farafaharatsiny : ny anaran’ny mpifaninana, ny fisian’ny fisintonana, na fanoloana na fanovana ny tolobidy raha nisy izany, ny sandan’ny tolobidy, isaky ny tsinjara raha toa ka misy izany, sy izay mety ho fihenam-bidy na karazan-tolobidy maka endrika hafa, ny fisian’ny antoka momba ny tolobidy na tsia, raha toa ka</p>

<p>est exigée. Il sera demandé aux représentants des Candidats présents de signer une feuille de présence ainsi que le procès-verbal de la séance d'ouverture des plis. Le procès-verbal sera publié par la Personne Responsable des Marchés Publics par voie d'affichage et un exemplaire du procès-verbal sera distribué à tous les Candidats ayant soumis une offre dans les délais.</p>	<p>notakiana izany. Takiana amin'ireo solontenan'ny mpifaninana nanatrika ny fanaovana sonia ny taratasy fanamarinam-pahatongavana sy ny fitanana an-tsoatry ny fotoam-panokafana. Ataon'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana peta-drindrina izany fitanana an-tsoatra izany ary zaraina amin'ireo mpifaninana izay nametraka ny tolobidiny ara-potoana ny dika mitovin'izany.</p>
<p><b>Article 46.- Des séances d'analyse des offres</b></p> <p>Avant d'effectuer l'évaluation détaillée des offres, la Personne Responsable des Marchés Publics établit la conformité des offres.</p> <p>Dans tous les cas où l'un des documents suivants manque, l'offre sera rejetée :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- l'Acte d'Engagement dûment signé par le Candidat ou les Candidats groupés ou leurs représentants habilités et comportant la mention du prix ou le bordereau de prix dûment complété et signé ;</li> <li>- la garantie de soumission, si elle est requise.</li> </ul> <p>La Personne Responsable des Marchés Publics vérifie que l'offre est conforme pour l'essentiel à toutes les stipulations, spécifications et conditions impératives du Dossier d'Appel d'Offres.</p> <p>Si la Personne Responsable des Marchés Publics établit que l'offre n'est pas conforme pour l'essentiel aux termes et conditions de l'appel d'offres, elle écartera l'offre en question.</p> <p>La Personne Responsable des Marchés Publics vérifiera les offres reconnues conformes au Dossier d'Appel d'Offres pour en rectifier les erreurs de calcul éventuelles.</p>	<p><b>Andininy 46.- Ny fotoana fanaovana fandinihana ny tolobidy</b></p> <p>Mialoha ny hanaovana ny fanombanana amin'ny andinindiny ireo tolobidy, dia tokony hojeren'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana raha mifanaraka amin'izay notakiany tokoa izany tolobidy izany.</p> <p>Raha vao tsy misy ny iray amin'ireto antontan-kevitra manaraka ireto, dia voahilika avy hatrany ny tolobidy :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Ny Sora-panekena ahitana ny sara na ny taratasim-bidy nofenoina sy misy ny sonian'ny mpifaninana, na ireo mpifaninana mivondrona, na ireo solontena nomeny alàlana an-taratasy ;</li> <li>- ny antoky ny tolobidy, raha toa ka notakiana izany.</li> </ul> <p>Manara-maso ny tolobidy ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana raha toa mahafeno tokoa ireo tinady sy toetoetra ary fepetra tena lehibe tsy maintsy tanterahina notakian'ny Antontan-kevitra momba ny Tolobidy izany.</p> <p>Raha toa heverin'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana fa tsy mahafeno ireo fepetra lehibe ireo ny tolobidy, araka izay notakian'ny fitaomana hanao tolobidy, dia ahiliny avy hatrany izany tolobidy izany.</p> <p>Tokony harahin'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana maso koa ireo izay mety ho fahadisoan'ny asamarika teo amin'ireo tolotra nahavaly ny fepetra notakiana mba hahafahana manitsy izany lesoka izany.</p>

#### **Article 47.- Des critères d'évaluation des offres**

**I.** L'offre économiquement la plus avantageuse est déterminée sur la base du prix et d'autres critères, tels que les coûts d'utilisation, délai d'exécution, calendrier de paiement et standardisation et surtout les moyens de mise en œuvre tels que ressources humaines, matériels et mode d'exécution, qui doivent être énumérés dans le Dossier d'Appel d'Offres (DAO) et être exprimés en termes monétaires ou sous la forme de critères éliminatoires.

**II.** La Commission d'Appel Offres déterminera le montant évalué de l'offre en prenant en compte les éléments suivants :

-le prix de l'offre calculé comme indiqué aux Instructions aux Candidats ;

-les ajustements apportés au prix pour corriger les erreurs arithmétiques ;

-les ajustements du prix imputables aux rabais éventuellement offerts ;  
-les ajustements effectués pour appliquer la marge de préférence nationale, si les Données Particulières de l'Appel d'Offres le prévoient.

-les ajustements résultant de l'utilisation des critères additionnels éventuellement prévus par les Données Particulières de l'Appel d'Offres.

**III.** Lorsque l'appel d'offres porte sur plusieurs lots, et que les Candidats peuvent indiquer séparément leurs prix pour différents lots, la méthode d'évaluation pour déterminer la combinaison d'offres économiquement la plus avantageuse et la possibilité d'attribuer un ou plusieurs lots à plus d'un Candidat sont indiquées dans les Données Particulières de l'Appel d'Offres.

#### **Andininy 47.- Ireo mason-tzivana amin'ny fanombanana ny tolobidy**

**I.** Avadika ho sanda ara-bola, na atao mason-tzivana mahavoahilika avy hatrany, ny vidy sy ireo mason-tzivana hafa, toy ny saran'ny fampiasana, ny fe-potoana fanatanterahana, ny tetiandro fanefam-bola, ny fanarahana fenitra iraisana ary indrindra ireo enti-manatanteraka toy ny mpiasa, fitaovana sy fomba fanatanterahana, izay tsy maintsy voalaza ao anaty Antontan-kevitra ny Fitaomana hanao tolobidy na ny fangatahana tolotra, mba hamaritana ny atao hoe tolobidy ahazoana tombony ara-toekarena be indrindra.

**II.** Ireto avy ny singa ahafahan'ny Vaomieran'ny Tolobidy mamaritra ny tokony ho sandan'ny tolobidy:

-ny tentin'ny tolobidy izay nokajiana araka izay voalaza ao anatin'ny Fampahafantarana ny Mpifaninana;

-Ny fanitsiana natao tamin'ny vidy mba hanarenana ny fahadisoan'ny asamarika;

-ny fanitsiana ireo sara mifanaraka amin'izay fihenam-bidy mety nomen'ny mpifaninana;

-ny fanitsiana natao mba hampiharana ny tombondahiny omena ny eto an-toerana, raha voalaza ao amin'ny Antontan-kevitra miavaky ny Fitaomana hanao tolobidy izany.

-ny fanitsiana vokatry ny fampiharana ireo masontsivana fanampiny izay voalaza ao anatin'ny Antontan-kevitra miavaky ny Fitaomana hanao tolobidy.

**III.** Raha toa ka misy tsinjara maro ny Fitaomana hanao tolobidy, ka afaka manolotra vidy samihafa isaky ny tsinjara tsirairay ny mpifaninana, dia ambara ao amin'ny Antontan-kevitra miavaky ny fitaomana hanao tolobidy ny fombafomba fanombanana hamaritana ny fitambaran'ireo tolotra ahazoana ny tombony ara-toekarena be indrindra sy ny fahafahana manome tsinjara iray na maromaro ho an'ny mpifaninana iray.

<p><b>IV.</b> Les offres comportant une variante par rapport à l'objet du marché tel qu'il a été défini par la Personne Responsable des Marchés Publics sont évaluées sur leur mérite propre quand la possibilité en est prévue au Dossier d'Appel d'offres.</p> <p><b>V.</b> Après évaluation des offres, on procède à l'examen de la qualification du Candidat qui a présenté l'offre économiquement la plus avantageuse, au vu des garanties techniques et professionnelles qu'il a soumises et de sa situation financière en application des dispositions du présent code.</p>	<p><b>IV.</b> Raha toa ka eken'ny Antontan-kevitra miavaky ny fitaomana hanao tolobidy ny fanolorana karazan-tolobidy maka endrika hafa, ka mifanaraka ny tanjon'ny fifampiraharam-barotra araka izay namaritan'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana azy, dia tombanana araka ny fahamendrehany tsirairay avy ireo tolobidy ireo.</p> <p><b>V.</b> Rehefa vita ny fanombanana ireo tolotra, dia irosoana ny fandinihana ny fahafaha-manaon'ny mpifaninana izay nanome ny tolobidy ahitana ny tombony ara-toekarena be indrindra, araka ny antoka ara-teknika sy araka fahaizana asa natolony sy ny toe-bola eo am-pelan-tànany ho fampiharana ireo fepetra voalaza ato anatin'ity fehezan-dalàna ity.</p>
<p><b>Article 48.- Des offres anormalement basses ou anormalement hautes</b></p> <p><b>I.</b> La Personne Responsable des Marchés Publics peut rejeter une offre si elle conclut que le prix, compte tenu des autres éléments composant l'offre, est anormalement bas ou anormalement haut par rapport à l'objet du marché et suscite des craintes quant à la capacité du candidat ayant présenté l'offre d'exécuter le marché.</p> <p>Néanmoins, avant de rejeter l'offre, la Personne Responsable des Marchés Publics doit :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- demander préalablement par écrit les précisions et justifications qu'elle juge opportunes sur les éléments qui suscitent ses craintes ;</li> <li>- vérifier les justifications fournies et prendre en compte toute information communiquée par le candidat en réponse à sa demande ainsi que les informations contenues dans l'offre.</li> </ul> <p><b>II.</b> La décision de la Personne Responsable des Marchés Publics de rejeter une offre conformément au présent article et les raisons de cette décision, ainsi que toutes les communications échangées avec les candidats en vertu du présent article sont communiquées au candidat concerné dans un délai à fixer par voie réglementaire.</p> <p><b>III.</b> Les conditions de mise en œuvre du présent article seront fixées par voie réglementaire.</p>	<p><b>Andininy 48.- Ny tolobidy ambany loatra na ambony loatra</b></p> <p><b>I.</b> Ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana dia afaka manilika ny tolobidy iray raha toa ka tsapany fa ambany loatra na ambony loatra ny vidiny raha ampitahaina amin'ireo singa mandrafitra ny tolotra sy ny tanjon'ny fifampiraharam-barotra, ka mety hiteraka ahiahy amin'izay mety ho fahafahan'ilay mpifaninana nanome tolobidy hanatanteraka ny asa.</p> <p>Na izany aza, mialoha ny hanilihana ny tolotra, ny Olona Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana dia tsy maintsy :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- mangataka ny fanazavana an-tsoratra ny andinindiny sy ny fanamarinana izay heveriny ho ilaina mikasika izay singa mampisy ahiahy,</li> <li>- manamarina raha mitombina tokoa ny fanazavana nomen'ny mpifaninana ary mandinika izay fanampim-baovao ampitainy ho valin'ny fangatahana natao taminy sy ireo izay efa voalaza ao anaty tolobidy rahateo.</li> </ul> <p><b>II.</b> Ny fanapahan-kevitra ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana hanilika ny tolotra, araka izay voalazan'ity andininy ity, sy ny antony, ary ny fifanakalozana rehetra natao niaraka tamin'ny mpifaninana dia ampitaina amin'izay mpifaninana voakasik'izany ao anaty fe-potoana voafaritry ny didy amam-pitsipika.</p> <p><b>III.</b> Ireo fepetra rehetra ho fampiharana ity andininy ity dia ho faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.</p>

<p><b>Article 49.- De la préférence nationale et communautaire</b></p> <p><b>I.</b> Dans le cadre d'un appel d'offres, toute autorité contractante peut appliquer une marge de préférence, d'un taux n'excédant pas quinze pourcent, à une offre présentée par un soumissionnaire international qui prévoit de sous-traiter au moins vingt-cinq pourcent de la valeur globale du marché concerné à une petite et moyenne entreprise locale ou communautaire.</p> <p><b>II.</b> Lors de la passation d'un marché de portée internationale, une préférence peut être attribuée à l'offre présentée par une entreprise nationale. Cette préférence est quantifiée sous forme de pourcentage du montant de l'offre. Un tel pourcentage ne peut en aucun cas excéder quinze pour cent pour l'offre présentée par le candidat national et dix pour cent pour l'offre présentée par le candidat régional. La préférence ne peut être invoquée si elle n'a pas été prévue au Dossier d'Appel public à concurrence.</p>	<p><b>Andininy 49.-Ny fanomezana tombondahiny ho an'ny eto an-toerana sy ho an'ny vondron'olona</b></p> <p><b>I.</b> Rehefa misy ny fitaomana hanao tolobidy, dia afaka mampihatra tombodahiny amboniny ny Manamahefa mpandraiki-barotra, ka tsy tokony hihoatra ny dimy isanjato ny tahan'izany ho an'ny tolotra napetraky ny mpifaninana vahiny, izay manaiky hampisahana ny asany ho an'ny vondron'olona ifotony na orinasa madinika na salasalany eo an-toerana, nefa koa tsy latsaky ny telopolo isanjaton'ny sanda ankapoben'ny fifampiraharaham-barotra no sandan'izany fampisahanana izany.</p> <p><b>II.</b> Mandritra ny fandraiketana fifampiraharaham-barotra mahenika ny iraisam-pirenena, dia azo atao ny manome tombondahiny ireo tolobidy napetraky ny orinasa eto amin'ny Firenena. Izany tombondahiny izany dia refesina avy amin'ny taha iray oharina amin'ny sandan'ny tolobidy. Tsy mahazo mihoatra ny dimy ambin'ny folo isanjaton'ny tolobidy napetraky ny mpifaninana eto amin'ny Firenena io taha io, na inona na inona antony, ary folo isanjato ho an'ny mpifaninana eo amin'ny faritra. Tsy azo ampiharina ny fanomezana tombondahiny raha toa ka tsy voalaza mazava ao anatin'ny Antontan-kevitra Fitaomana ny daholobe hifaninana izany.</p>
<p><b>Article 50.- Clause environnementale</b></p> <p>Les conditions de passation et d'exécution d'un marché peuvent comporter des éléments à caractère social ou environnemental qui prennent en compte les objectifs de développement durable en conciliant le développement économique, la protection et la mise en valeur de l'environnement et le progrès social. Les préoccupations environnementales pourront être intégrées dans le processus (i) lors de la définition des besoins à travers les spécifications techniques, et (ii) lors de la qualification des candidatures à travers un examen du savoir-faire et des capacités techniques des candidats en matière de protection de l'environnement au moyen de certificats de qualification à caractère environnemental ou de tout autre document équivalent.</p> <p>Ces exigences doivent être indiquées dans les documents de mise en concurrence et reflétées dans les critères de qualification.</p>	<p><b>Andininy 50.- Rijan-teny mikasika ny tontolo iainana</b></p> <p>Ireo fepetra fandraiketana na fanatanterahana Tsenambaro-panjakana dia mety manana endrika ara-tsosialy na ara-tontolo iainana, izay mifanaraka amin'ny tanjon'ny fampanandrosoana maharitra, ka mampifandrindra ny fampanandrosoana ara-toekarena, ny fiarovana sy fanomezan-danja ny tontolo iainana ary ny fandrosoana ara-tsosialy. Ireo fiheverana ny tontolo iainana ireo dia azo ampihirana ao anaty fandraiketana Tsenambaro-panjakana (i) mandritry ny famaritana ny filàna sy ny toetoetra ara-teknika ary (ii) ary mandritra ny fanivanana ireo mpifaninana amin'ny alalan'ny fanadihadiana ny fahaiza-manao sy ny fahafaha-manao ara-teknikan'ny mpifaninana eo amin'ny lafiny ara-tontolo iainana amin'y alàlan'ny taratasy manamarina izay fahaiza-manao eo amin'ny lafiny ara-tontolo iainana izay, na amin'ny alàlan'ny antontan-kevitra hafa mitovy lenta amin'izany.</p> <p>Tsy maintsy soratana mazava tsara ao anatin'ny antontan-kevitra ny fampifaninanana ireny zavatra heverina hotakiana amin'ny mpifaninana ireny, ary tokony ho hita taratra ao anatin'ireo mason-tsivana hanombanana ny fahafaha-manaon'izy ireo.</p>

<p><b>Article 51.- Marchés réservés</b>  Certains marchés ou certains lots d'un marché peuvent être réservés à des organisations associatives ou à des structures équivalentes, lorsque la majorité des travailleurs concernés sont des personnes handicapées ou défavorisées qui, en raison de la nature ou de la gravité de leurs déficiences, ne peuvent exercer une activité professionnelle dans des conditions normales.</p>	<p><b>Andininy 51.- Tsenambarotra voatokana</b>  Azo atao ny manokana Tsenambarotra na koa tsinjara ho an'ny fikambanana na rafitra hafa mitovy lenta amin'izany, rehefa ny maro an'isa amin'ny olona ampiasainy dia sembana, na sahirana, ka tsy afaka manao asa fampidirambola araka ny tokony ho izy vokatr'ireo lesoka ara-piainany ireo.</p>
<p><b>Article 52.- Information des candidats non retenus</b></p> <p><b>I.</b> Dès qu'elle a fait son choix sur les candidatures ou sur les offres, la Personne Responsable des Marchés Publics, par lettre recommandée avec accusé de réception ou par tout autre moyen permettant d'établir avec certitude la preuve de la réception de la lettre, et indépendamment de l'affichage obligatoire du résultat au siège de l'autorité contractante, avise tous les autres candidats :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- du rejet de leurs candidatures ou de leurs offres,</li> <li>- des motifs du rejet,</li> <li>- du nom de l'attributaire,</li> <li>- du montant ainsi que des caractéristiques de l'offre retenue.</li> </ul> <p>Un délai d'au moins dix jours francs doit être respecté entre la date à laquelle la décision est portée à la connaissance des candidats dont l'offre n'a pas été retenue et la date de signature du marché.</p> <p><b>II.</b> Par voie de publication, la Personne Responsable des Marchés Publics doit informer dans les plus brefs délais les candidats des motifs qui l'ont conduit à ne pas attribuer ou notifier le marché, ou à recommencer la procédure.</p>	<p><b>Andininy 52.- Fampahafantarana ireo mpifaninana tsy voaray</b></p> <p><b>I.</b> Vantany vao vita ny safidiny mikasika ny filatsahan-kifaninana sy ny tolobidy, ankoatra ny tsy maintsy hanaovany peta-drindrana, dia ampahafantarin'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana ny mpifaninana rehetra, amin'ny alàlan'ny taratasy tsiverimandeha misy fanamarinana ny nahavoaray azy, na amin'ny fomba hafa ahafahana manaporofy ny fahatongavan'ny taratasy :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- ny fandavana ny filatsahan-kifaninana sy ny tolobidy naroson'izy ireo,</li> <li>- ny anton'izany fandavana izany,</li> <li>- ny anaran'ny nahazo ny Tsenambarotra</li> <li>- ny sandan'ny Tsenambarotra sy ny mampiavaka ilay tolobidy nekena.</li> </ul> <p>Misy fe-potoana folo andro feno farafahakeliny indrindra tsy maintsy hajaina eo anelanelan'ny daty nampahafantarana ny fanapahan-kevitra any amin'ireo mpifaninana tsy voaray sy ny daty hanaovana sonia ny fifampiraharam-barotra.</p> <p><b>II.</b> Tsy maintsy mamoka filazana ao anatin'ny fotoana fohy ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana mba hampahafantatra amin'ireo mpifaninana ny antony nanosika azy tsy niroso tamin'ny fanomezana ny Tsenambarotra, na tsy nandefa ny antontan-taratasy fampahafantarana tany amin'ilay nahazo azy, na koa namerina indray ny fombafomba fandraiketambarotra.</p>



<p>Les candidats non retenus peuvent lui adresser des demandes additionnelles par écrit et les réponses de la Personne Responsable des Marchés Publics doivent être également écrites.</p> <p><b>III.</b> La Personne Responsable des Marchés Publics ne peut communiquer les renseignements dont la divulgation serait contraire à la loi ou porterait préjudice aux intérêts commerciaux légitimes d'entreprises.</p>	<p>Ireo mpifaninana tsy voaray dia afaka mangataka fanampim-panazavana an-tsoratra any amin'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, ka ny valiny dia tsy maintsy atao an-tsoratra ihany koa.</p> <p><b>III.</b> Tsy azon'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana atao ny mampita ireo vaovao izay mety hifanipaka amin'ny ny lalàna, na koa hanohintohina ny tombontsoa ara-barotry ny orinasa, ny famoahana azy ireny ampahibemaso.</p>
<p><b>Article 53.- Publication de l'avis d'attribution du marché</b></p> <p>La Personne Responsable des Marchés Publics envoie, pour publication dans un délai de trente jours à compter de la notification du marché, un avis d'attribution. Les mentions figurant dans cet avis sont précisées par un arrêté du Ministre chargé des Finances et du Budget. Les avis d'attribution sont publiés dans les mêmes conditions que les avis de publicité</p>	<p><b>Andininy 53.- Filazana mikasika ny fanomezana ny Tsenambaro-panjakana</b></p> <p>Avoakan'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, ao anatin'ny fepotoana telopolo andro isaina manomboka eo amin'ny fampahafantarana ny nahazo ny Tsenambarotra, ny filazana ny fanomezana ny fifampiraharaham-barotra. Ny andinindiny tokony hosoratana ao anatin'io filazana io dia feran'ny didim-pitondrana raisin'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola. Mitovy amin'ny fepetra mikasika ny famoahana ho fanta-bahoaka ihany ny fepetra amin'ny filazana fanomezana ny Tsenambaro-panjakana.</p>
<p><b>Article 54.- Notification du marché</b></p> <p>Les marchés, après accomplissement des formalités d'enregistrement, doivent être notifiés avant tout commencement d'exécution.</p> <p>La notification consiste en un envoi du marché signé au titulaire par tout moyen permettant de donner date certaine. La date de notification est la date de réception du marché par le titulaire.</p> <p>Le marché prend effet à cette date.</p>	<p><b>Andininy 54.- Fampahafantarana ny nahazo ny Tsenambarotra</b></p> <p>Aorian'ireo fombafomba firaketana, ny fahazoana ny Tsenambarotra dia tsy maintsy ampahafantarina izay nahazo izany mialoha ny hanombohany ny fanatanterahana ny asa.</p> <p>Ny fampahafantarana ny nahazo ny Tsenambarotra dia atao amin'ny alàlan'ny fandefasana ny taratasy fifampiraharaham-barotra efa voasonia any amin'ny tompony asa, araka izay fomba rehetra ahafahana mamantatra tsy am-pisalasalana ny daty nandraisany azy. Ny daty fampahafantarana ny fahazoana ny Tsenambarotra dia izay fotoana nandraisan'ny tompony ny antontan-taratasin'ny fifampiraharahana.</p> <p>Manan-kery manomboka amin'io fotoana io ny fifampiraharaham-barotra.</p>

## **Article 55.- La déclaration sans suite d'une procédure**

**I.** La Personne Responsable des Marchés Publics peut, à tout moment et pour des motifs d'intérêt général, déclarer sans suite une procédure de passation de marchés si elle n'entend pas la mener jusqu'à son terme.

**II.** La déclaration sans suite d'une procédure, sous forme de décision réglementaire, s'effectue dans les conditions suivantes :

- avant que la procédure ne soit déclarée sans suite, la Personne Responsable des Marchés Publics soumet l'appréciation des motifs d'intérêt général à l'organe de contrôle, lequel doit se prononcer dans un délai maximum de cinq jours. Le refus de l'organe de contrôle engage la Personne Responsable des Marchés Publics à renoncer à la déclaration sans suite et à reprendre la procédure de mise en concurrence,

- elle ne doit en aucun cas intervenir après la signature du marché,

- indépendamment de l'affichage au siège de l'autorité contractante ou de toute autre forme réglementaire de publicité, la décision est notifiée individuellement à tous les candidats et précise notamment les motifs d'intérêt général ayant conduit la Personne Responsable des Marchés Publics à abandonner la procédure,

- la décision d'attribution ne confère à l'attributaire aucun droit à la conclusion du contrat, il ne peut en conséquence se prévaloir d'aucun droit à la signature du marché et, de ce fait, n'est pas fondé à demander une indemnité au titre du préjudice subi du fait de la non signature ou de l'inexécution du marché,

## **Andininy 55.- Ny fanambarana tsy hanisy tohiny ny paika fandraiketam-barotra**

**I.** Azon'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana atao, amin'ny fotoana rehetra sy ho tombontsoan'ny besinimaro, ny tsy manisy tohiny ny paika fandraiketam-barotrairay, raha toa ka tsy tiany hotanterahina hatramin'ny farany izany.

**II.** Ny filazana fa tsy misy tohiny ny paika fandraiketam-barotra dia raisina amin'ny alàlan'ny fanapahana araka ireto fepetra manaraka ireto :

- mialoha ny hanambaràna fa tsy misy tohiny ny paika fandraiketam-barotra, dia ampandalovin'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana any amin'ny rafitra mpanara-maso ny fijerena ny maha-marim-pototra na tsia ny mikasika ny fanohintohinana ny tombontsoan'ny besinimaro. Ny rafitra mpanara-maso kosa dia tsy maintsy maneho ny heviny mikasika izany ao anatin'ny fe -potoana dimy andro raha ela indrindra. Raha misy ny fandavan'ny rafitra mpanara-maso, dia tsy maintsy ankatoavin'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana izany, ka tsy maintsy foanany ny fanambaràna noraisiny tsy hitohizan'ny paika fandraiketam-barotra, fa ilay fombafomba fampifaninanana efa natao tany am-boalohany kosa no tohizany indray,

-tsy tokony horaisina, na inona na inona antony, ny fanapahan-kevitra tsy hanisy tohiny ny paika fandraiketam-barotra raha toa ka efa vita sonia ny fifampiraharaham-barotra,

- ankoatra ny fanaovana petadrindrana eny amin'ny foiben'ny Manamahefa Mpandraiki-barotra, na ny fanaovana izay fampahafantarana hafa rehetra voalazan'ny didy amam-pitsipika, dia aterina any amin'ireo mpifaninana tsirairay ny fanapahan-kevitra tsy hanisy tohiny ny paika fandraiketam-barotra, ka lazaina mazava ao anatin'izany ny antony mahakasika ny fanohintohinana ny tombontsoan'ny besinimaro ka nahatonga ilay Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana tsy hanohy ny paika intsony,

- ny fanapahan-kevitra hanomezana Tsenambaro-panjakana ny mpifaninana iray dia tsy midika akory fa manan-jo handraikitra ny fifampiraharaham-barotra mikasika izany io mpifaninana io. Tsy afaka hilaza izy noho izanyfa zony ny manao sonia ny fifampiraharaham-barotra, ary tsy manan-jo hitaky onitra koa izy mahakasika izay mety ho fahavoazana nianjady taminy vokatry ny tsy fahazoany nanao sonia na vokatry ny tsy fahazoany

<p>- la déclaration sans suite n'engendre aucune conséquence sur la relance d'une nouvelle procédure de passation de marché. Ainsi, cette nouvelle procédure doit être menée selon les règles normales prévues par le présent Code des marchés publics.</p> <p><b>III.</b> La faculté d'arrêter la procédure avant son terme ne doit pas être utilisée par la Personne Responsable des Marchés Publics pour contourner les exigences du présent Code des marchés Publics.</p>	<p>nanatanteraka ny tsenambaro-panjakana,</p> <p>- tsy mahasakana ny fanaovana paika vaovao indray akory ny fanapahan-kevitra tsy hanisy tohiny ny paika fandraiketam-barotra iray. Io paika vaovao io kosa anefa dia tokony hanaja tanteraka ny fombafomba rehetra fanao amin'ny fandraiketam-barotra voalazan'ity fehezan-dalàna ity.</p> <p><b>III.</b> Tsy tokony hararaotin'ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana mba hialàna amin'izay fepetra takian'ity fehezan-dalàna ity ny fananany fahafahana mampiato mialoha ny paikady fandraiketam-barotra.</p>
<p><b>Article 56.- Procédures infructueuses</b></p> <p><b>I.</b> Sur décision formelle de la Personne Responsable des Marchés Publics, et après avis conforme de la Commission d'appel d'offres, toutes procédures de passation de marchés peuvent être déclarées infructueuses dans l'une des conditions ci-après :</p> <p>a) lorsqu'aucune offre n'a été remise à l'expiration de la date limite de remise des offres ;</p> <p>b) lorsque l'examen des offres laisse apparaître qu'elles sont toutes inacceptables, inappropriées ou non conformes ;</p> <p>c) lorsque, dans le cadre d'un appel d'offres restreint, une seule offre a été remise.</p> <p><b>II.</b> Dans le cas particulier des marchés de prestations intellectuelles, la procédure est déclarée infructueuse :</p> <p>a) lorsqu'aucun candidat n'a répondu à l'appel à manifestation d'intérêts ;</p> <p>b) lorsqu'aucune Proposition n'a été remise à l'expiration de la date limite de remise des Propositions ;</p> <p>c) lorsque l'examen des Propositions laisse apparaître qu'elles sont toutes inacceptables ou inappropriées, ou aucune d'entre elles n'a atteint la note technique minimum requise ;</p>	<p><b>Andininy 56.- Paika tsy nahitam-bokany</b></p> <p><b>I.</b> Ny paika fandraiketana fifampiraharham-barotra rehetra dia afaka ambara ho tsy nahitam-bokany, amin'ny alàlan'ny fanapahana noraisin'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, taorian'ny fankatoavan'ny Vaomiera momba ny Tolobidy, rehefa miseho ny iray amin'ireto tranga manaraka ireto :</p> <p>a) rehefa tsy misy ny tolotra voapetraka hatramin'ny fetrandro farany ahafahana mametraka izany;</p> <p>b) rehefa hita avy tamin'ny fandinihana ireo tolotra fa tsy misy ny azo ekena, na tsy misy mifanentana, na tsy mifanaraka amin'izay notakina izy ireo ;</p> <p>c) rehefa tolotra iray ihany no voaray mandritra ny fitaomana hanao tolobidy voafetra.</p> <p><b>II.</b> Ho an'ny tranga manokana momba ny fisahanana ara-tsaina na asa saina, ny paika dia azo lazaina ho tsy nahitam-bokany :</p> <p>a) rehefa tsy nisy mpifaninana namaly ny antso fanaikàna fahalianana ;</p> <p>b) raha tsy nisy ny tolokevitra voapetraka hatramin'ny fetrandro farany ahafahana mametraka tolotra ;</p> <p>c) raha hita nandritra ny fandinihana ny tolokevitra fa tsy misy azo ekena, na tsy misy mifanentana izy ireo, na koa hita fa tsy nahatratra ny naoty teknika ambany indrindra takiana ;</p>

<p><b>d)</b> lorsqu'une seule Proposition conforme a été remise. Une proposition est non conforme par rapport au non-respect des aspects importants des Termes de référence.</p> <p><b>III.</b> La Personne Responsable des Marchés Publics en avise immédiatement tous les candidats. Elle peut alors procéder à un nouvel appel d'offres ou un appel à manifestation d'intérêts.</p> <p><b>IV.</b> La Personne Responsable des Marchés Publics n'encourt de responsabilité quelconque vis à vis des Candidats du fait de la décision déclarant la procédure infructueuse. La décision de déclaration d'une procédure infructueuse est notifiée à tous les candidats et affichée au siège de l'autorité contractante.</p> <p><b>V.</b> La décision de déclarer une procédure infructueuse ne doit en aucun cas intervenir après la décision d'attribution de marché.</p>	<p><b>d)</b> raha toa ka tolokevitra iray ihany izay mifanaraka amin'ny zavatra takiana no voaray. Lazaina fa tsy mifanaraka amin'ny zavatra takiana ny tolokevitra iray rehefa tsy manaja ny fepetra takiana tao anatin'ny rijan-teny fitsiahy.</p> <p><b>III.</b> Ampahafantarina ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana avy hatrany ny fanapahan-keviny ireo mpifaninana rehetra. Afaka miroso amin'ny fitaomana hanao tolobidy vaovao na fanaikàna haneho fahalianana vaovao izy noho izany.</p> <p><b>IV.</b> Tsy tompon'andraikitra mihitsy ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana manoloana ireo mpifaninana raha toa ka manapa-kevitra ny hanambara fa tsy nahitam-bokany ny paika. Ny fanapahan-kevitra manambara ny paika tsy nahitam-bokany dia ampahafantarina ireo mpifaninana rehetra ary atao peta-drindrana eny amin'ny Ivon-toeran'ny Manamahefa mpandraiki-barotra.</p> <p><b>V.</b> Na inona na inona antony, dia tsy tokony ho raisina aorian'ny fanapahan-kevitra hanomezana fifampiraharaham-barotra ny fanapahan-kevitra milaza fa tsy nahitam-bokany ny paika.</p>
<p><b>Article 57.- Pièces constitutives</b></p> <p>Les marchés publics sont constitués de l'acte d'engagement et des cahiers des charges. A ces pièces constitutives peuvent s'ajouter toutes autres pièces auxquelles les parties choisissent de donner valeur contractuelle.</p>	<p><b>Andininy 57.- Antontan-taratasy mandrafitra ny fifampiraharaham-barotra</b></p> <p>Ny sora-panekena sy ireo bokin'Andraikitra no antontan-taratasy mandrafitra ny fifampiraharaham-baro-panjakana. Ho fanampin'ireo, dia azo atao ihany koa ny manampy antontan-taratasy hafa izay azon'ny roa tonta ampitoviana lanja amin'ny fifanekena.</p>
<p><b>Article 58.- Acte d'engagement</b></p> <p>Les marchés passés après mise en concurrence comprennent un acte d'engagement signé par le candidat qui présente son offre et adhère aux clauses que la personne publique a rédigées. Cet acte d'engagement est ensuite signé par la Personne Responsable des Marchés Publics dans un délai d'au moins dix jours francs après la plus tardive des dates de l'information des candidats dont l'offre n'a pas été retenue et l'affichage du résultat de la mise en concurrence.</p>	<p><b>Andininy 58.- Sora-panekena</b></p> <p>Ireo fifampiraharaham-barotra noraiKETINA tamin'ny fampanaovana fifaninanana dia ahitana sora-panekena misy sonian'ny mpifaninana, izay maneho ny tolobidiny sy manamarika ny fanekeny ireo fepetra napetraky ny Fanjakana. Aorian'izay, dia soniavin'ny Tompon'andraikitra ny Tsenambaro-panjakana ny sora-panekena, ka ao anatin'ny fe-potoana folo andro feno farafahakeliny, aorian'izay tara indrindra amin'ny daty fampahafantarana ireo mpifaninana tsy voaray sy ny peta-drindrana fampahafantarana ny valin'ny fifampifaninanana, no anaovany izany.</p>

<p><b>Article 59.- Cahier des Charges</b></p> <p>Les cahiers des charges déterminent les conditions dans lesquelles ces marchés sont exécutés. Ils comprennent des documents généraux et des documents particuliers.</p> <p>Les documents généraux comprennent les Cahiers des Clauses Administratives Générales et les Cahiers des Prescriptions Communes.</p> <p>Les Cahiers des Clauses Administratives Générales, établis et publiés par voie réglementaire par les ministres compétents, fixent les dispositions administratives applicables à tous les marchés de même nature.</p> <p>Les Cahiers des Prescriptions Communes, établis et publiés par voie réglementaire par les ministres compétents, fixent les dispositions techniques applicables à tous les marchés de travaux de même catégorie.</p> <p>Le Cahier des Prescriptions Spéciales, qui constitue les documents particuliers, fixe les clauses propres à chaque marché et comporte obligatoirement l'indication des articles des Cahiers des Clauses Administratives Générales et des Prescriptions Communes auxquels il est éventuellement dérogé.</p>	<p><b>Andininy 59.- Bokin'Andraikitra</b></p> <p>Ny bokin'Andraikitra no mamaritra ireo fepetra enti-manatanteraka ny Tsenambaro-panjakana. Ny antontan-kevitra ankapobe sy ny antontan-kevitra miavaka no mandrafitra ny bokin'andraikitra.</p> <p>Ny antontan-kevitra ankapobe dia ahitana ny Boky Firaketana na famarafarana ny Andraikitra Ankapobe sy ny Boky Firaketana ny fepetra ara-teknika iraisana.</p> <p>Ny Boky Firaketana na famarafarana ny Andraikitra Ankapobe, izay arafitra sy avoakan'ny minisitra tompon'andraikitra, no mamaritra ireo fepetra ara-panjakana mifehy izay Tsenambarotra mitovy karazana.</p> <p>Ny Boky Firaketana ireo fepetra Ara-teknika Iraisana, izay arafitra sy avoakan'ny minisitra tompon'andraikitra amin'ny alàlan'ny didy amampitsipika, no mamaritra ireo fepetra ara-teknika azo ampiharina amin'ireo asa vaventy mitovy sokajy.</p> <p>Ny Boky Firaketana ireo Fepetra Manokana, izay mandrafitra ireo antontan-kevitra miavaka, dia mamaritra ireo fepetra manokana ho amin'ny tsenambarotra tsirairay ary tsy maintsy ahitana ireo toro-làlana mikasika ireo andininy ao amin'ny Boky Firaketana ny Andraikitra Ankapobeny sy Fepetra Ara-teknika Iraisana izay hitondrany fanovana.</p>
<p><b>Article 60.- Mentions obligatoires</b></p> <p>Les marchés passés après mise en concurrence doivent comporter les mentions suivantes :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- l'identification des parties contractantes ;</li> <li>- la justification de la qualité de la personne signant le marché ;</li> <li>- la définition de l'objet du marché ;</li> <li>- la référence aux articles du présent texte en vertu desquels le marché est passé ;</li> </ul>	<p><b>Andininy 60.- Filazana tsy maintsy soratana</b></p> <p>Ireo fifampiraharaha-barotra noraiketina tamin'ny fampanaovana fifaninanana dia tsy maintsy ahitana ireto filazana manaraka ireto :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- ny fampahafantarana ny mombamomba ireo mpandray anjara amin'ny fifampiraharaha,</li> <li>- ny fanamarinana ny toetoetry ny olona manao sonia ny fifampiraharaha-barotra,</li> <li>- ny famari-paritana ny anton'ny fifampiraharaha-barotra,</li> <li>- ny fitsiahin'ireo andininy amin'ity rijan-teny ity izay fototra ifaharan'ny fifampiraharaha-barotra,</li> </ul>

<ul style="list-style-type: none"> <li>- l'énumération par ordre de priorité des pièces du marché ;</li> <li>- le prix ou les modalités de sa détermination ;</li> <li>- le délai d'exécution du marché et le cas échéant, les modalités de sanction de tout dépassement de ce délai;</li> <li>- les conditions de réception et, le cas échéant, de réception partielle, des prestations ;</li> <li>- les conditions de règlement et les modalités de réception ;</li> <li>- les conditions de résiliation ;</li> <li>- la date de notification du marché ;</li> <li>- le comptable public assignataire chargé du paiement et l'imputation budgétaire du marché ;</li> <li>- la domiciliation bancaire où les paiements seront effectués ;</li> <li>- dans les cas où il est fait appel à la concurrence internationale, le droit applicable.</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>- ny fitanisana araka ny laharam-pialohavana ireo singan-taratasy momba ny fifampiraharam-barotra,</li> <li>- ny vidy na ireo fombafomba famaritana izany,</li> <li>- ny fe-potoana hanatanterahana ny fifampiraharaham-barotra ary, raha ilaina, ireo fombafomba fanomezan-tsazy ho an'izay rehetra mihoatra io fe-potoana io,</li> <li>- ny fepetra mikasika ny fandraisana ary, raha ilaina, ny mikasika ny fandraisana amin'ny ampahany, ireo fisahanan'asa,</li> <li>- ny fepetra momba ny fanefam-bola sy ny fombafomba fandraisana ny asa,</li> <li>- ny fepetra momba ny fandravana ny fifampiraharaham-barotra,</li> <li>- ny andro fampahafantarana sy fanolorana ny antontan-kevitra ny fifampiraharaham-barotra amin'ny tompon'ny Tsenambarotra,</li> <li>- ny mpitana kaontim-panjakana tompon'andraikitra amin'ny fandoavam-bola sy ny kaontin'ny sorabola fanefana ny saran'ny fifampiraharaham-barotra,</li> <li>- ny fanondroam-ponenana mikasika ny banky izay hanaovana ny fandoavam-bola,</li> <li>- ny lalàna ampiharina raha toa ka anaovana fampifaninanana iraisam-pirenena ilay tsenambarotra.</li> </ul>
<p><b>Article 61.- Définition des prix</b></p> <p>Les prix des marchés sont réputés, d'une part, couvrir toutes les dépenses qui sont la conséquence nécessaire et directe des travaux, fournitures ou services, et notamment les impôts, droits et taxes applicables sauf lorsqu'ils sont exclus du prix du marché en vertu du terme de commerce retenu et, d'autre part, assurer au titulaire un bénéfice raisonnable.</p>	<p><b>Andininy 61.- Famaritana ny vidy</b></p> <p>Ny vidin'ny fifampiraharaham-barotra dia heverina fa, andaniny, mahenika ireo fandania rehetra mifandraika tanteraka sy mivantana amin'ny asa, kojakoja na fisahanan-draharaha natao ary indrindra ny hetra, sara ary haba fampihatra, raha tsy hoe angaha ka ny fitsipika mifehy io varotra io mihitsy no mandà izany, ary ankilany, manome antoka ny tompony amin'ny fahazoana tombony ara-drariny.</p>
<p><b>Article 62.- Principe d'intangibilité des prix</b></p> <p>Le prix est intangible et ne peut être unilatéralement modifié, ni par l'administration, ni par son cocontractant. Le titulaire doit exécuter le marché et ne peut pas revendre des compléments de prix, alors même qu'il rencontre des sujétions qu'il n'a pas prévues. Il ne peut être dérogé au principe d'intangibilité de prix que dans des conditions fixées dans la présente section.</p>	<p><b>Andininy 62.- Fotokevitra momba ny tsy fikasihana ny vidy</b></p> <p>Tsy azo kasikasihina velively ny vidin'ny Tsenambaro-panjakana ary tsy azon'ny rafy-panjakana na ny olona miara-mifanaiky aminy ovaina samirery. Manatanteraka ny asa no anjaran'ny tompon'ny Tsenambarotra fa tsy afaka mangataka vidy fanampiny izy, na dia misy anton-javatra tsy nampoizina nanery aza. Tsy azo ialàna mihitsy ny fotokevitra momba ny tsy fahazoa-mikasika ny vidy raha tsy araka izay voafaritry ity Fizarana ity.</p>

<p><b>Article 63.- Prix unitaires ou forfaitaires</b> Les prix des prestations faisant l'objet d'un marché sont soit des prix unitaires appliqués aux quantités réellement livrées ou exécutées, soit des prix forfaitaires, soit une combinaison des deux.</p>	<p><b>Andininy 63.- Vidy mandeha singa na vidy tamba-be</b> Ny vidin'ny asa, antom-pisian'ny Tsenambarotra, dia, na mandeha isaky ny singa izay miankina amin'ny hadiry tena novitaina na notanterahina, na atao tamba-be, na koa ny fitambaran'izy roa ireo.</p>
<p><b>Article 64.- Prix définitif et limitation du recours à des prix provisoires</b></p> <p><b>I.</b> Les marchés sont conclus à prix initial définitif. Toutefois, lorsque, pour des prestations complexes ou faisant appel à une technique nouvelle et présentant soit un caractère d'urgence impérieuse, soit des aléas techniques importants, l'exécution du marché doit commencer alors que la détermination d'un prix initial définitif n'est pas encore possible, ils peuvent exceptionnellement être conclus à prix provisoire. Un avenant fixant le prix définitif du marché doit intervenir au plus tard avant l'expiration des deux tiers de la durée d'exécution du marché.</p> <p><b>II.</b> Les marchés conclus à prix provisoires précisent :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- le prix plafond ;</li> <li>- les conditions dans lesquelles sera déterminé le prix définitif dans la limite du prix plafond ;</li> <li>- les obligations comptables imposées au titulaire ;</li> <li>- les modalités du contrôle des éléments techniques et comptables du coût de revient, notamment les vérifications sur pièces et sur place, auquel l'autorité contractante se réserve le droit de procéder.</li> </ul>	<p><b>Andininy 64.- Vidy tena raikitra sy famerana ny fanaovana vidy vonjimaika</b></p> <p><b>I.</b> Ifanarahana amin'ny vidy eny am-piandohana sy tena raikitra ny fifampiraham-barotra. Na izany aza anefa, ho an'ny fisahanan'asa tena sarotra, na misy fampiasana teknika vaovao, no sady tokony hotanterahina faran'izay maika, na koa misy fisalasalana ara-teknika goavana, raha toa ka tsy maintsy atomboka ny asa, nefa mbola tsy vita na azo tanterahina ny famaritana mazava ny vidy eny am-piandohana sady raikitra, dia azo atao ihany ny mametraka vidy vonjimaika ho azy ireo. Ny soso-panovàna mametra ny vidy tena raikitra amin'ny fifampiraharam-barotra kosa dia tsy maintsy atao, farafahatarany alohan'ny fahataperan'ny roa ampahatelon'ny fe-potoana fanatanterahana ny Tsenambarotra.</p> <p><b>II.</b> Ny Tsenambarotra atao amin'ny vidy vonjimaika dia mamaritra mazava :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>-ny vidy farany ambony,</li> <li>-ny fepetra famaritana ny vidy tena raikitra kanefa tsy mihoatra ny vidy farany ambony,</li> <li>-ny adidy aman'andraikitra ara-pitantanan-kaontin'ny tompon'ny Tsenambarotra,</li> <li>-ny fombafomba fanaraha-maso ny singa teknika sy ara-pitantanan-kaonty ikajiana ny masonkarena, indrindra mikasika ny fanamarinana ireo singan-taratasy sy ny firotsahana eny an-toerana, mety hataon'ny Manamahefa mpandraiki-barotra.</li> </ul>
<p><b>Article 65.- Prix ferme ou révisable</b></p> <p><b>I.</b> Les marchés sont conclus à prix ferme ou à prix révisable. Le prix est ferme lorsqu'il ne peut pas être modifié en cours d'exécution du marché à raison des variations des conditions économiques ; il est révisable lorsqu'il peut être modifié durant l'exécution des prestations aux conditions de révision expressément prévues par le marché en vertu d'une clause de révision du prix stipulée au marché par application des indices de prix officiels nationaux et, le cas échéant, étrangers.</p>	<p><b>Andininy 65.- Vidy tsy miova na vidy azo ovaina</b></p> <p><b>I.</b> Ny fifampiraharam-barotra dia raiketina, na amin'ny vidy tsy miova, na amin'ny vidy azo ovaina. Atao hoe tsy miova ny vidy raha toa izany ka tsy azo ovaina mandritra ny fanatanterahana ny Tsenambarotra, nohon'ny fiovaovan'ny toe-java-misy amin'ny lafiny toe-karena; azo ovaina kosa izy raha toa ka azo kitihina mandritra ny fanatanterahana ny asa, ka manaraka ny fepetra mikasika ny fanovàna voalaza mazava tsara ao amin'ny fifampiraharam-barotra, araka ny rijan-teny momba ny fanovam-bidy ao anatin'izany, ka mampihatra ny mari-panondroam-bidy ofisialy, na eto an-</p>

<p><b>II.</b> Les marchés conclus à prix révisable précisent la formule de révision du prix, ainsi que la périodicité et les modalités de son application. La formule de révision du prix comporte obligatoirement une partie fixe et une partie fonction de paramètres correspondant aux éléments les plus représentatifs des prix de revient sans qu'il ne puisse être fait état de paramètres n'ayant pas de rapport direct et immédiat avec l'objet du marché.</p> <p><b>III.</b> Sans préjudice de l'application des dispositions qui précèdent, le prix est toujours actualisable entre la date limite de remise des offres et la date de notification de l'ordre de service de commencer les prestations si celle-ci intervient au-delà du délai de validité de l'offre, sans pour autant dépasser soixante jours.</p>	<p>toerana, na any ivelany raha ilaina.</p> <p><b>II.</b> Ny fifampiraharaham-barotra amin'ny vidy azo ovaina dia mamaritra mazava ny raikipohy fanovam-bidy, sy ny vanim-potoana isan-karazany fanaovana izany ary ny fombafomba fampiharana azy. Ny raikipohy fanovam-bidy dia tsy maintsy ahitana ampahany tsy miova sy ampahany miankina amin'ireo singa izay mahafaoka ny masonkarena be indrindra. Tsy azo raisina ao anaty raikipohy kosa ireo singa izay tsy misy ifandraisany mivantana sy eo no ho eo amin'ny zava-kinendrin'ny fifampiraharaham-barotra.</p> <p><b>III.</b> Tsy manilika izay mety ho fampiharana ireo fepetra voalaza etsy aloha, fa azo atao foana ny manitsy ny vidy hifanaraka amin'ny toetr'andro eo anelanelan'ny fe-potoana farany fanaterana ny tolobidysy ny fe-potoana fanomezana ny baiko an-taratasy fanombohana ny asa, raha toa izany ka natao taorian'ny fe-potoana mampanan-kery ny tolobidy, kanefa tsy tokony hihoatra ny enimpolo andro.</p>
<p><b>Article 66.- Prix sur la base des dépenses contrôlées</b></p> <p>Lorsque la fixation d'un prix définitif expose le titulaire du marché à des risques très importants alors que des prix provisoires ne peuvent pas être appliqués, l'autorité contractante peut exceptionnellement faire appel à un marché qui comporte des prestations rémunérées sur la base des dépenses contrôlées de l'entrepreneur, du fournisseur ou du prestataire de services. C'est une modalité selon laquelle la somme à payer est constituée par le remboursement des dépenses réelles résultant des moyens mis en œuvre par le titulaire, majorées d'une marge ou honoraire, ou affectées de coefficients destinés à couvrir les frais généraux, impôts, taxes et bénéfiques. La rémunération du titulaire résultera de la constatation de ses dépenses par l'autorité contractante qui en effectue une véritable analyse de coûts.</p> <p>Les marchés doivent indiquer la valeur des différents éléments servant de base à la détermination du prix de règlement ainsi que les modalités du contrôle des dépenses par l'Autorité contractante, et fixent les montants maximums des prestations rémunérées sur dépenses contrôlées.</p>	<p><b>Andininy 66.- Vidy miankina amin'ny fandania ara-maso</b></p> <p>Raha hita fa mety hitera-pahavoazana goavana ho an'ny tompon'ny Tsenambaro-panjakana ny famaritany sahady vidy raikitra, kanefa tsy azony atao akory ny mametraka vidy vonjimaika, dia azon'ny Manamahefa Mpandraiki-barotra atao, nefa amin'io tranga io ihany, ny mametra ny vidin'ny Tsenam-barotra arakaraka ny fandania voara-maso ataon'ilay orinasa, na ilay mpamatsy kojakoja, na ilay mpsahana asa. Io fomba fanefambola io dia ahitana fanonerana ny vola tena nolanian'ilay Tompon'ny Tsenambaro-panjakana tokoa, nateraky ny fampiasana fitaovana na olona, miampy ny tombony na ny karama, na asiana lanjan'isa mahenika ny sara ankapobe, hetra, haba ary tombom-barotra. Ny fanefana ny vidiny amin'ny Tompon'ny Tsenambarotra dia tsy maintsy ialohavan'ny fanamarinan'ny Manamahefa Mpandraiki-barotra ireo fandania rehetra natao, izay miendrika fanadihadiana lalina ny tena tentim-bidin'ilay asa.</p> <p>Tokony ho voafaritra ao anaty fifampiraharaham-barotra nysandan'ny singa samihafa izay nikajiana ny famaritana ny tentim-bidy tokony efaina, sy ny fombafomba fanaovana fanaraha-maso ireo fandania natao, ary ny sanda farany ambony amin'ireo asa efaim-bola amin'ny fandania ara-maso.</p>



<p><b>Article 67.- Contrats-cadres</b></p> <p><b>I.</b> Le contrat-cadre est un contrat conclu avec un ou plusieurs opérateurs économiques. Il a pour caractéristique essentielle de séparer la procédure proprement dite de choix du ou des titulaires de l'attribution des commandes ou des marchés effectifs.</p> <p>Il consiste à sélectionner un certain nombre de candidats qui seront ultérieurement remis en concurrence lors de la survenance du besoin.</p> <p>Les candidats sont sélectionnés selon les critères déterminés pour choisir les offres indicatives économiquement les plus avantageuses.</p> <p>Les termes du contrat pourront être précisés ou affinés lors de la remise en concurrence des titulaires du contrat-cadre.</p> <p>Un contrat-cadre peut aussi être conclu par une ou plusieurs autorités contractantes avec un seul opérateur économique.</p> <p><b>II.</b> A l'issue de la passation de marchés ultérieure effectuée sur la base du contrat-cadre, les prestataires retenus pour une durée déterminée dispose d'une exclusivité unique ou partagée sur les marchés dits « subséquents ».</p> <p><b>III.</b> Les marchés successifs attribués au titulaire du contrat-cadre peuvent alors être conclus soit lors de la survenance du besoin, soit selon une périodicité particulière prévue par le contrat-cadre. Le montant à payer effectivement est alors défini, après remise en concurrence, dans chaque marché attribué sur la base du contrat-cadre.</p>	<p><b>Andininy 67.- Fifanekena lasitra</b></p> <p><b>I.</b>Ny fifanekena lasitra dia fifanarahana ifanaovana amin'ny mpandraharaha ara-toe-karena iray na vitsivitsy. Ny toetoetra fototra mampiavaka azy dia ny fampisarahana ny fombafomba arahina amin'ny fisafidianana ny tompon'asa, na izay nahazo ny asa, sy ny tena fividianana, na ny fanomezana ny Tsenambarotra.</p> <p>Safidiana amin'izany aloha ny mpifaninana maromaro, izay ampifaninana indray ao aoriana, rehefa tonga ny fotoana mampisy ilay filàna.</p> <p>Sivanina araka ireo masontsivana natao hisafidianana ny tolotra hita fa hahazoana tombony be indrindra ny mpifaninana.</p> <p>Amin'ny fotoana ampanaovana fifaninana indray ireo tompon'ny fifanekena lasitra, dia azo atao ny manazava bebe kokoa, na manisny andinindininy, ny rijan-teny ifampihezana ao anaty taratasy fifanekena.</p> <p>Ny Fahefana Mpandraiki-barotra iray na maromaro koa dia afaka mandraikitra fifanekena lasitra iray miaraka amin'ny mpandraharaha aratoekarena tokana ihany.</p> <p><b>II.</b>Rehefa vita ny fandraiketam-barotra natao taty aorian'ny nanaovana fifanekena lasitra, dia azon'ilay mpisahana asa voasafidy manontolo, na ifampizarany amin'ireo voasafidy hafa, ny tsenambarotra mifampiankina amin'ilay fifanekena lasitra.</p> <p><b>III.</b>Ny fandraiketam-barotra misesisesy amin'ny tompon'ny Fifanekena lasitra iray dia azo atao, na rehefa mitranga ny filàna, na araka izay fotoana manokana efa voafaritry ny Fifanekena lasitra rahateo. Rehefa vita ny fampifaninana ireo tompon'ny Fifanekena lasitra, dia faritana ao anaty fifampiraharham-barotra ny sandan'ny sara tena efaina.</p>
--	--

<p><b>IV.</b> En cas de division en lots portant sur des prestations différentes, et si elle est effectuée lors de la survenance du besoin, la remise en concurrence ne concerne que les titulaires des lots pour lesquels un besoin est constaté. Si elle est effectuée selon une périodicité définie, la remise en concurrence des titulaires des lots porte sur tous les lots.</p> <p><b>V.</b> L’Autorité contractante peut engager une procédure de contrat-cadre lorsqu’elle estime que le besoin, objet du marché :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- a un caractère répétitif et indéterminé au cours d’une période donnée ; ou</li> <li>- est, de par sa nature, destiné à faire face à une situation d’urgence au cours d’une période donnée.</li> </ul> <p>Des textes réglementaires seront pris en application du présent article.</p>	<p><b>IV.</b>Raha misy ny fizarana ho tsinjara nyasa samihafa, ka eo am-pitrangan’ny filàna no anaovana izany, dia ireo tompon’ny Fifanekena lasitra voakasiky ny filàna ihany no ampanaovina fifaninanana indray. Raha toa kosa ny fotoana fanaovana io tsinjara io ka efa voafaritra mialoha, dia ny tompon’ny Fifanekena lasitra voakasik’ireo tsinjara rehetra ireo no ampifaninanina indray.</p> <p><b>V.</b>Azon’ny Manamahefa Mpandraiki-barotra atao ny manao ny fombafomba amin’ny fifanekena lasitra raha toa ny filàna, antom-pisian’ilay Tsenambarotra, ka heveriny fa :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>-miverimberina matetika sy tsy azo faritanamandritra ny vanim-potoana iray;na</li> <li>-entina miatrikahamehana mandritra ny vainim-potoana iray, nohon’ny toetra manokana mampiavaka azy.</li> </ul> <p>Hisy didy amam-pitsipika horaisina ho fampiharana izay voalazan’ity andininy ity.</p>
<p><b>Article 68.- Garantie de soumission</b></p> <p>Pour être admis à présenter une offre, les candidats aux marchés passés par appel d’offres peuvent être tenus de fournir une garantie de soumission. Il n’est pas demandé de garantie de soumission pour les marchés de fournitures simples ni pour les marchés de prestations intellectuelles.</p> <p>Le montant et la forme de la garantie de soumission sont indiqués dans le Dossier d’Appel d’Offres. Le montant est fixé en fonction de l’importance du marché par l’Autorité Contractante. Il est compris entre un et deux pour cent du montant prévisionnel du marché. La garantie de soumission est libérée au plus tard à son expiration.</p>	<p><b>Andininy 68.- Ny antoky ny tolobidy</b></p> <p>Mba ho azo raisina ny fanolorany tolobidy, dia tsy maintsy manome antoka ho an’ny tolobidiny ny mpilatsaka hompifaninana amin’ny fitaomana hanao tolo-bidy. Tsy takiana io antoky ny tolobidy io rehefa fifampiraharaham-barotra mikasika kojakoja tsotra na fifampiraharaham-barotra mikasika asa saina.</p> <p>Tondroina ao anaty antontan-taratasy momba ny Fitaomana hanao tolobidiny sara sy ny endriky ny antoky ny tolo-bidy. Feran’ny Manamahefa Mpandraiki-barotra arakaraka ny lanjan’ny fifampiraharaham-barotra ny sandan’izany sara izany, ka eo anelanelan’ny iray sy roa isan-jaton’ny tolobidy na ny vinavinan-tentin’ny Tsenambaro-panjakana. Averina amin’ny tompony ny antoky ny tolobidy farafahatarany rehefa tapitra ny fe-potoana mampanan-kery azy.</p>

<p><b>Article 69.- Garantie de bonne exécution</b></p> <p><b>I.</b> Le titulaire d'un marché est tenu de fournir une garantie de bonne exécution lorsque la période d'exécution du marché dépasse six mois, sous peine de résiliation. Toutefois, les titulaires des marchés de prestations intellectuelles ne sont pas soumis à cette obligation et les titulaires des marchés inférieurs à un montant fixé par voie réglementaire peuvent en être dispensés.</p> <p><b>II.</b> Le montant et la forme de la garantie sont fixés par la Personne Responsable des Marchés Publics. Les cahiers des charges fixent son montant maximum, qui ne peut dépasser cinq pour cent du montant initial du marché, et les conditions de sa restitution.</p> <p>La constitution de la garantie de bonne exécution intervient avant l'entrée en vigueur du marché.</p> <p><b>III.</b> Il peut être en outre exigé du titulaire du marché une garantie en remboursement d'avance, ou une garantie de parfait achèvement.</p> <p><b>IV.</b> Les garanties sont soumises sous la forme de garanties bancaires à première demande ou de cautionnement. Les cautionnements sont établis dans les conditions définies par voie réglementaire.</p>	<p><b>Andininy 69.- Ny antoka amin'ny fahatontosan'ny asa antsakany sy andavany</b></p> <p><b>I.</b> Tsy maintsy mametraka antoka amin'ny fahatontosan'ny asa antsakany sy andavany ny tompon'ny Tsenambaro-panjakana, raha toa ka mihoatra ny enim-bolana ny fe-potoana fanatanterahana izany, fa raha tsy izany dia azo ravàna ilay Tsenambaro-panjakana. Na izany aza anefa dia tsy voakasik'ireo fepetra ireo ny tompon'ny Tsenambarotra momba ny asa saina, ary azo atao koa ny tsy mampihatra ireo fepetra ireo amin'ny Tsenambaro-panjakana mitentim-bidy latsaky ny sanda feran'ny didy amam-pitsipika.</p> <p><b>II.</b> NyMpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana no mamaritra ny sara sy ny endriky ny antoka. Ny bokin'andraikitra kosa no mametra ny ny sarany ambony indrindra, izay tokony tsy hihoatra ny dimy isan-jaton'ny tentin'ny fifampiraharam-barotra tany am-piandohana, sy ny fepetra mikasika ny famerenana azy.</p> <p>Mialoha ny fotoana mampanan-kery ny Tsenambaro-panjakana no tsy maintsy efaina ny antoka amin'ny hahavitan' ny asa antsakany sy andavany.</p> <p><b>III.</b> Ankoatr'izany dia azo takiana amin'ny tompon'ny Tsenambaro-panjakana koanyantoka ho fanonerana vatsim-bola, na ny antoka momba ny fahavitan'ny asa tanteraka.</p> <p><b>IV.</b> Ny antoka dia atolotra na amin'ny endrika fiantohan'ny banky dieny mbola fangatahana voalohany, na amin'ny endrika fanaovana fiantohana. Ny fanaovana fiantohana dia atao araka ny fepetra faritan'ny didy amam-pitsipika.</p>
---	---

## **Article 70.- Les avenants**

Un avenant est un écrit constatant un accord de volonté des parties au marché et ayant pour objet de modifier une ou plusieurs des dispositions dudit marché.

### **I. Modification d'une des clauses du marché public :**

Les modifications à apporter aux dispositions du marché doivent répondre à certains critères pour nécessiter l'établissement d'un avenant. Elles doivent en particulier concerner un élément déterminant de l'accord antérieur et ne pas pouvoir être réglées par les dispositions contractuelles.

Aucun avenant ne peut être conclu postérieurement à la signature du procès-verbal prononçant la réception définitive des travaux et le règlement du solde du marché.

Sous réserve du respect des principes énoncés ci-après, les conditions et les modalités d'application du présent article sont précisées par les Cahiers de Clauses Administratives Générales (CCAG) propres à chaque marché.

### **II. Changement dans le volume des prestations :**

La passation d'un avenant est obligatoire dès qu'il y a un changement dans la masse des travaux, fournitures, ou prestations excédant les variations maximales prévues par les cahiers des charges.

Lorsque l'augmentation de la masse des travaux dépasse d'un certain montant le montant du marché calculé sur la base des prix initiaux, il est passé un nouveau marché. Ce montant est fixé par voie réglementaire pour les marchés sur bordereaux de prix, les marchés sur prix unitaires et les marchés sur prix forfaitaires. La passation du

## **Andininy 70.- Ny soso-panovàna**

Ny soso-panovàna dia soratramirakitra ny fifanekena an-tsitrapo ataon'ny andaniny sy ny ankilany mpifanaiky amin'ny Tsenambaro-panjakana mba hanova fepetra iray na maromaro amin'io fifampiraharaham-barotra io.

**I. Fanovàna ny iray amin'ireo teny famarafarana amin'ny fifampiraharahana mikasika ny Tsenambaro-panjakana :**

Mba hahafahana miroso amin'ny soso-panovàna dia tsy maintsy mahafeno torofenitra vitsivitsy ny fanovàna tian-katao amin'ireo teny famarafaran'ny fifampiraharaham-barotra. Tokony hahakasika indrindra indrindra ny singa iray lehibe iankinan'ny fifanekena tany am-boalohany, ka tsy voavahan'ny ireo rijan-teny efa misy sy nifanarahana teo aloha, ireo fanovàna ireo.

Tsy misy mihitsy fanovàna azo atao aorian'ny fanaovana sonia ny fitànana antsoatra manambara ny fandraisana tanteraka ny asa sy ny fanefana ny ambim-bola mikasika ilay Tsenambaropanjakana.

Ao anatin'ny fanajana tanteraka ireo fotokevi-dehibetanisaina manaraka etoana, dia tondroina mazava tsara ao amin'ny Boky mirakitrany Famarafaran-teny Ankapobeny Fanjakana (CCAG) natokana ho an'ny fifampiraharaham-barotra tsirairay ny fepetra sy ny fombafomba fampiharana ity andininy ity.

**II. Fanovana mahakasika ny hadirin'ny asa:**

Ny fandraiketana ny soso-panovàna dia tsy maintsy atao raha vantany vao misy fanovàna mahakasika ny hadirin'ny asa, kojakoja, na fisahanan'asa ka mihoatra ny fetran'ny fiovana farany ambony eken'ny bokin'andraikitra.

Raha mihoatra ny sanda iray, kajiana miainga avy amin'ny saran'ny Tsenambarotra tany am-boalohany, ny fitombon'ny hadirin'ny asa, dia tsy maintsy manao ny fifampiraharaham-barotra vaovao. Io sandaio dia ferana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika ho an'ny fifampiraharaham-barotra misy taratasy milaza ny vidiny, ny fifampiraharaham-barotra amin'ny vidiny tsirairay ary ny fifampiraharaham-barotra amin'ny vidiny raikitra. Ny

<p>nouveau marché est soumise aux dispositions du Titre V du présent Code.</p> <p><b>III. <u>Changement dans les délais contractuels</u> :</b></p> <p>Toute modification du calendrier ou du délai d'exécution demandée par l'Autorité contractante et non prévue initialement fait l'objet d'un avenant si elle dépasse une durée fixée par le marché.</p> <p><b>IV. <u>Changement dans les prix</u> :</b></p> <p>La passation d'un avenant est obligatoire dès qu'il y a un changement dans la nature des prix pratiqués par le marché.</p> <p>Le jeu normal des révisions de prix en application des clauses contractuelles ne donne pas lieu à passation d'avenant. Toutefois, lorsque l'application de la formule de variation des prix conduit à une variation supérieure à vingt pour cent du montant initial du marché ou du montant de la partie du marché restant à exécuter, l'Autorité Contractante ou le titulaire peut résilier le marché.</p>	<p>fandraiketana ny fifampiraharham-barotra vaovao dia fehezin'ny fepetra ao amin'ny lohateny faha-V amin'ity Fehezan-dalàna ity.</p> <p><b>III. Fanovàna mahakasika ny fe-potoana nifanarahana:</b></p> <p>Izay mety ho fanovàna takian'ny Manamahefa Mpandraiki-barotra ka mahakasika ny tetiandro na ny fe-potoana fanatanterahana ny asa, kanefa tsy voalaza tamin'ny fifanekena tany am-boalohany, dia tsy maintsy andrafetana soso-panovàna raha toa ka mihoatra ny fe-potoana voalazan'ny fifanaraham-barotra izany fiovana izany.</p> <p><b>IV. Fanovàna mahakasika ny vidy :</b></p> <p>Tsy maintsy atao ny fandraiketana ny soso-panovàna raha vantany vao misy fanovàna mikasika ny karazan'ny vidy ampiharina amin'ny fifampiraharham-barotra.</p> <p>Nyfanitsiam-bidy mahazatra ho fampiharana ireo rijan-teny famarafarana ao anaty fifampiraharham-barotra dia tsy mitaky fanaovana soso-panovàna. Na izany aza, rehefa mitarika fiovana mihoatra ny roapolo isanjato amin'ny sandan'ny nifanarahana teny am-piandohana, na amin'ny sandan'ny asa sisa hotanterahina, ny fampiharana ny kajy fanao amin'ny fanitsiam-bidy, dia azon'ny Manamahefa Mpandraiki-barotra na ny Tompon'ny Tsenambaro-panjakana atao ny mandrava ny fifampiraharham-barotra.</p>
<p><b>Article 71.- Dispositions générales</b></p> <p>Les marchés donnent lieu à des versements soit à titre d'avances ou d'acomptes, soit à titre de règlement partiel définitif ou pour solde, dans les conditions fixées par la présente section.</p> <p>Les règlements d'avances et d'acomptes n'ont pas le caractère de paiements définitifs ; leur bénéficiaire en est débiteur jusqu'au règlement final du marché ou, lorsque le marché le prévoit, jusqu'au règlement partiel définitif.</p>	<p><b>Andininy 71.- Fepetra ankapobe</b></p> <p>Ny Tsenambaro-panjakana dia mitaky ny handrotsahana vola ho an'ny tompony, na amin'ny alàlan'ny vatsim-bola, na ampaham-bola efaina mialoha, na fanefana tanteraka ny ampahany, na fanefana ny ambim-bola sisa aloa, araka ny fepetra faritan'ity fizarana ity.</p> <p>Ny fandoavana ny vatsim-bola sy ny ampaham-bola efaina mialoha dia tsy manana endrika fanefana tanteraka; noho izany dia mbola ananan-trosa izay misitraka izany, mandra-pahavitan'ny fanefam-bola farany, na hatramin'ny fanefana tanteraka ny ampahany raha toa voalaza mialoha ao anaty fifampiraharham-barotra izany.</p>

<p>Les opérations effectuées par le titulaire d'un marché qui donnent lieu à versement d'avance ou d'acompte ou à paiement pour solde doivent être constatées et acceptées par un écrit dressé par la Personne Responsable des Marchés Publics.</p> <p>Les clauses de paiement différé sont interdites. Le paiement différé implique que le titulaire finance l'investissement nécessaire à l'exécution du marché et le répercute in fine à l'acheteur public.</p>	<p>Nyasa nataon'ny tompon'ny Tsenambarotra ka nandoavana vatsim-bola na ampaham-bola efaina mialoha, na ambim-bola sisa tokony efaina dia tsy maintsy hamarinina sy eken'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana an-tsoatra mazava.</p> <p>Tsy azo atao ny teny famarafarana manaiky ny fampihemorana ny fanefam-bola. Ny fampihemorana ny fanefam-bola maintsy dia midika fa ilay tompon'ny Tsenambarotra no mamatsy ny fampiasam-bola ilaina amin'ny fanatanterahana izany ary mampihatraika izany anyamin'ny mpividy rehefa amin'ny farany.</p>
<p><b>Article 72.- Les avances</b></p> <p><b>I.</b> Des avances peuvent être accordées en raison des opérations préparatoires à l'exécution des travaux, fournitures ou services qui font l'objet du marché.</p> <p><b>II.</b> Les conditions de versement de l'avance sont fixées par le marché. Elles ne peuvent être modifiées par avenant.</p> <p>Lorsqu'elles dépassent cinq pour cent du montant du marché, elles doivent être garanties à concurrence de leur montant et doivent être comptabilisées par la Personne Responsable des Marchés Publics, afin que soit suivi leur apurement.</p> <p>Le montant des avances accordées au titulaire du marché ne peut pas dépasser vingt pour cent du montant du marché.</p> <p><b>III.</b> Les avances sont remboursées à un rythme fixé par le marché, par retenue sur les sommes dues au titulaire à titre d'acomptes, de règlement partiel ou de solde.</p>	<p><b>Andininy 72.-Ny vatsim-bola</b></p> <p><b>I.</b>Azo ekena ny vatsim-bola mba ho fanomanan'ny tompon'ny Tsenambaro-panjakana ny fanatanterahana ny asa, kojakoja na fisahanan'asa izay anton'ny fifampiraharham-barotra.</p> <p><b>II.</b>Ny fifampiraharham-barotra no mametraka ny fepetra rehetra mikasika ny fandrotsahana ny vatsim-bola. Tsy azo ovàna amin'ny alàlan'ny sosopanovàna ireo fepetra ireo.</p> <p>Raha toa ka mihoatra ny dimy isan-jaton'ny tentin'ny Tsenambarotra ny sandan'ny vatsim-bola omena, dia tsy maintsy arahin'antoka avy amin'ny Tompon'ny Tsenambaro-panjakana, ka atao maharakotra ny sandan'ny vatsim-bola iray manontolo izany, ary tsy maintsy raiketin'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana ao amin'ny fitanan-kaonty, mba hizohiana ny fanefana azy.</p> <p>Ny vatsim-bola azo omena ny tompon'ny Tsenambarotra dia tsy mihoatra ny roapolo isanjaton'ny sandan'ilay Tsenambaro-panjakana.</p> <p><b>III.</b>Nyvanim-potoana isan-karazany natao hanoneran'nytompon'ny Tsenambarotra ny vatsim-bola dia ferana ao anaty fifampiraharham-barotra, ka sintonina amin'ny ampaham-bola efaina mialoha, na ny fanefana ampahany na ny ambim-bola sisa efaina, izay tokony harotsaka aminy izany.</p>

<p><b>Article 73.- Les acomptes</b></p> <p><b>I.</b> Les prestations qui ont donné lieu à un commencement d'exécution du marché ouvrent droit à des acomptes, à l'exception des marchés prévoyant un délai d'exécution inférieur à trois mois pour lesquels le versement d'acomptes est facultatif.</p> <p><b>II.</b> Le montant d'un acompte ne doit en aucun cas excéder la valeur des prestations auxquelles il se rapporte une fois déduites les sommes nécessaires au remboursement des avances, le cas échéant.</p> <p><b>III.</b> Les Cahiers des Clauses Administratives Générales fixent pour chaque catégorie de marché les termes périodiques ou les phases techniques d'exécution en fonction desquels les acomptes doivent être versés. La périodicité du versement des acomptes est dans tous les cas fixée au maximum à trois mois. Ce maximum est ramené à deux semaines lorsqu'il s'agit d'un marché communautaire.</p>	<p><b>Andininy 73.- Ny ampaham-bola efaina mialoha</b></p> <p><b>I.</b>Ny asa rehetra efa natomboka dia ahafahana mangataka ampaham-bola efaina mialoha, afa-tsy nytsenambarotra tanterahina ao anatin'ny fe-potoana latsaky ny telo volana, izay tsy voatery hitaky fanefana ampaham-bola mialoha.</p> <p><b>II.</b> Na inona na inona antony, ny tentin'ny ampaham-bolaefaina mialoha dia tsy tokony hihoatrany tentim-bidin'ny asa izay natao, rehefa nesorina ny vola ilaina amin'ny fanonerana izay vatsim-bola mety ho efa nomena.</p> <p><b>III.</b>Ny Bokin'ny Famarafaran-teny Ankapobe (CCAG) no mametra isaky ny sokajin-Tsenambarotra tsirairay ny fotoana na ny dingana ara- teknikan'ny fanatanterahana ny asa izay tokony hifandraika amin'ny fandrotsahana ny ampaham-bola efaina mialoha.Nyelanelam-potoana fandrotsahana ny ampaham-bola efaina mialoha diaferana tsy hihoatra ny telo volana. Azo ahenana horoa herinandro io elanelam-potoana io rehefa Tsenambarotra iraisam-bondron'olona.</p>
<p><b>Article 74.- Délai de paiement</b></p> <p><b>I.</b> Le délai global de paiement d'un marché public ne peut excéder 75 jours à compter de la réception de la facture.</p> <p><b>II.</b> Le dépassement du délai de paiement ouvre de plein droit et sans autre formalité, pour le titulaire du marché ou le sous-traitant, au bénéfice d'intérêts moratoires, à compter du jour suivant l'expiration du délai.</p> <p>Dans le cas où les documents du marché prévoient l'échelonnement dans le temps des phases successives d'exécution et des versements auxquels elles doivent donner lieu, aucune créance ne peut devenir exigible, aucun intérêt moratoire ne peut commencer à courir avant les dates prévues par le marché.</p> <p><b>III.</b> Les modalités d'application du présent article seront précisées par voie réglementaire.</p>	<p><b>Andininy 74.- Fe-potoana fanefana</b></p> <p><b>I.</b>Ny fe-potoana ankapobe fanefana nysandan'ny Tsenambaro-panjakana dia tsy tokony hihoatrany 75 andro manomboka ny daty naharaisana ny faktiora.</p> <p><b>II.</b>Ny fihorana iofe-potoana fanefana io dia mitarika avy hatrany, ary tsy misy fombafomba hafa, ho an'ny tompon'ny Tsenambaro-panjakana na ny olona nampiasaina, fisitrahana zana-bola fanonerana, isaina manomboka ny ampitson'ny fiakaran'ny fe-potoana fanefana.</p> <p>Raha toa ka voalaza ao anatin'ireo taratasy fifampiraharham-barotra fa tanterahana tsikelikely isaky ny dingana ny asa sy ny fandoavanany sanda mifandraika amin'izany, dia tsy misy trosa azo takiana na dia kely aza, tsy misy zana-bola fanonerana azo faritana na dia kely aza alohan'ny vaninandro voatondron'ny fifampiraharham-barotra.</p> <p><b>III.</b>Ho faritana mazava amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika ny fombafomba fampiharana izao andininy izao.</p>

<p><b>Article 75.- Nantissement des marchés publics</b></p> <p><b>I.</b> Pour sauvegarder l'intégrité du marché, le titulaire pourra recourir au nantissement de son marché.</p> <p>Il s'agit d'un accord conclu entre le titulaire d'un marché public et un organisme bancaire dans lequel le premier va donner en gage au second, pour le financement du marché, une créance résultant de l'exécution du marché.</p> <p>La Personne Responsable des Marchés Publics qui a traité avec le titulaire remet à celui-ci une copie certifiée conforme de l'original du marché revêtue d'une mention dûment signée, indiquant que cette pièce est délivrée en exemplaire unique en vue de la notification éventuelle d'un nantissement de créance.</p> <p><b>II.</b> Le montant que le titulaire du marché envisage de confier à des sous-traitants bénéficiant du paiement direct est déduit du montant du marché pour déterminer le montant maximum de la créance que le titulaire est autorisé à donner en nantissement.</p> <p><b>III.</b> Si, postérieurement à la notification du marché, ce montant est modifié à la hausse, le titulaire du marché doit préalablement obtenir la modification de la formule d'exemplaire unique, figurant sur la copie certifiée conforme.</p>	<p><b>Andininy 75.- Fanaovana antoka ny Tsenambaro-panjakana</b></p> <p><b>I.</b>Mba hitsinjovana ny fahadiovan'ny fifampiraharaham-barotradia azon'ny tompony atao nymametraka ho antoka ny Tsenambaro-panjakana azony.</p> <p>Izany dia fifanarahana ifanaovan'ny tompon'asa sy nybanky izay milaza fa ataon'ny tompon'asa antoka amin'ilay banky ny vola ho azony amin'ny fanatanterahana ny Tsenambaro-panjakana, ho takalon'ny famatsian'ilay banky vola azy mialoha.</p> <p>Omen'ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana ny tompon'ny Tsenambarotra ny dika mitovy voamarina amin'ny matoan'ny fifampiraharaham-barotra, misy filazana voasonia ara-dalàna, manondro fa izany singan-taratasy izany dia nomena tamin'ny sosony tokana ihany mba ho fampahafantarana izay mety ho fametrahana antoka amin'ny trosa.</p> <p><b>II.</b>Mba hamaritana ny tentin'ny vola ambony indrindra azon'ny tompony atao antoka, dia esorina amin'ny sandan'ny Tsenambarotra ny sanda mifandraika amin'ny asa izay heverin'ny tompon'ny Tsenambarotrahiandraiketan'ny olona ampiasaina, izaynymanamahefa Mpandraiki-barotrano manefa mivantana ny volany.</p> <p><b>III.</b>Aorian'ny fanomezananyTsenambarotra, rahatoa ka nasondrotra io sanda io dia tsy maintsy mahazo mialoha ny taratasy fampahafantarana ny fanovàna ireo teny voasoratra amin'ny sosony tokana, hita ao amin'ny dika mitovy voamarina, ny tompon'ilay Tsenambarotra.</p>
<p><b>Article 76.- Résiliation</b></p> <p><b>I.</b> Les marchés publics peuvent faire l'objet d'une résiliation dans les conditions stipulées par les cahiers des charges:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- à l'initiative de la Personne Responsable des Marchés Publics (i) en raison d'une faute grave du titulaire du marché ou (ii) d'une carence du titulaire à exécuter son marché après mise en demeure ou (iii) de la liquidation de l'entreprise titulaire, ou (iv) pour un motif d'intérêt général ;</li> </ul>	<p><b>Andininy 76.-Fandravanany Tsenambaro-panjakana</b></p> <p><b>I.</b>Azo ravàna araka ny fepetra voalazan'ny bokin'andraikitra ny Tsenambaro-panjakana raha toa ka :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>-mikasa hanao izany ny Mpandraikitra ny Tsenambaro-panjakana (i) nohon'nyfahadisoana bevava nataon'ny tompon'ny Tsenambarotra na (ii) nohon'ny tsy nahavitan'ito farany nanatanteraka ny Tsenambarotra nankinina taminy na dia efa nomena filazana fampitandremana mialoha aza izy,</li> </ul>



<p>- à l'initiative du titulaire du marché (i) pour défaut de paiement pendant un délai supérieur à six mois à compter de la demande de paiement des factures émises, ou (ii) par suite d'un ajournement du marché d'une durée consécutive supérieure à trois mois;</p> <p>- à l'initiative de l'une ou l'autre des parties en cas de force majeure rendant impossible l'exécution des prestations.</p> <p><b>II.</b> Aucune résiliation au tort du titulaire ne peut intervenir sans mise en demeure motivée.</p> <p><b>III.</b> En cas de résiliation aux torts de l'Autorité Contractante, le titulaire a droit à une indemnité calculée sur la base des prestations qui restent à exécuter. Ce pourcentage est fixé dans les Cahiers des Clauses Administratives Générales (CCAG) pour chaque type de marché. L'Autorité Contractante dispose alors d'un délai de trois mois pour verser le montant de l'indemnité de résiliation.</p>	<p>-mikasa hanao izany ny tompon'ny Tsenambarotra (i) nohon'ny tsy fanefanany sarany tokony ho azy,taorian'ny fe-potoana enim-bolana, isaina manomboka amin'ny fotoana nangatahany handoavana ny faktiora nomeny, na (ii) taorian'ny fampihemorana mihoatra ny telo volana tsy miato ny fanatanterahana nyasa;</p> <p>-mikasa hanao izany,na ny andaniny, na ny ankilany, nohon'ny antony tsy azo anoharana izay tsy ahafahana manatanteraka velively ny asa.</p> <p><b>II.</b>Tsy misy fandravana,na dia iray aza, azo atao raha tsy misy filazana fampitandremana mialoha omban'antony.</p> <p><b>III.</b>Raha misy fandravanavokatra ny fahadisoan'ny Manamahefa Mpandraiki-barotra, dia manan-jo hahazo vola onitra raikitra, kajiana miainga avy amin'ny asa sisa izay mbola ho tontosaina, ny tompon'ilay Tsenambaro-panjakana.Ny bokin'ny famarafaran-teny ankapobe (CCAG) isaky ny karazan'ny fifampiraharaham-barotra no mametra io isan-jato io. Manana fe-potoana telo volana ny Manamahefa Mpandraiki-barotra handrotsaka ny vola onitra tambin'ny fandravana ilay Tsenambarotra.</p>
<p><b>Article 77.- Ajournement</b></p> <p>L'Autorité Contractante peut ordonner l'ajournement des prestations du marché avant leur achèvement. Il y a ajournement lorsque l'Autorité contractante décide de différer le début d'exécution des prestations, objet du marché, ou d'en suspendre l'exécution.</p> <p>Lorsque l'Autorité Contractante ordonne l'ajournement du marché pour une durée supérieure à quatre-vingt-dix jours calendaires consécutifs, le titulaire a droit à la résiliation de son marché.</p> <p>Dans tous les cas, l'ajournement ouvre droit au paiement au titulaire du marché d'une indemnité couvrant les frais résultant de l'ajournement définie dans les Cahiers des Clauses Administratives Générales.</p>	<p><b>Andininy 77.- Fampihemorana</b></p> <p>Afaka mandidy ny fampihemorana ny asa mialohany fahavitany ny Manamahefa Mpandraiki-barotra.Misy ny atao hoe fampihemorana rehefamanapa-kevitra ny Manamahefa Mpandraiki-barotra fa hakisaka ny fanombohan'ny fanatanterahana asa, antom-pisian'ilay Tsenambarotra, na ajanona ny fanatanterahana izany.</p> <p>Manana zo handrava ny fifanarahana ny tompon'ilay Tsenambaro-panjakana, raha to aka mihoatra ny sivifolo andro tsy miato ny fampihemorana didian'ny Manamahefa Mpandraiki-barotra.</p> <p>Na manao ahoana na manao ahoana, ny fampihemorana dia mitarika avy hatrany ny fanefana amin'ny tompon'ny Tsenambaro-panjakana vola onitra mahasahana ny lany rehetra vokatr'izay fampihemorana izay, araka izay voafaritra ao amin'ny Bokin'ny Famarafaran-teny ankapobe (CCAG).</p>

<p><b>Article 78.- Référé précontractuel</b></p> <p>Le référé précontractuel connaît les réclamations ou contestations relatives à la procédure de passation des marchés, depuis le lancement de l'appel à concurrence jusqu'à la publication du résultat.</p> <p>Toute personne ayant un intérêt à soumissionner ou à conclure le contrat et susceptible d'être lésée par le manquement aux obligations de publicité et de mise en concurrence est habilitée à saisir la Juridiction Administrative territorialement compétente.</p> <p>La saisine doit intervenir avant la conclusion du contrat qui ne peut elle-même intervenir avant l'expiration d'un délai de dix jours francs décompté à partir de la plus tardive des deux dates suivantes :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>-information donnée aux candidats du rejet de leur offre ;</li> <li>-affichage du résultat de la mise en concurrence au siège de l'Autorité contractante.</li> </ul> <p>Dès qu'il est saisi, le Président de la Juridiction Administrative compétente peut enjoindre de différer la signature du contrat jusqu'au terme de la procédure et pour une durée maximum de vingt jours.</p> <p>Le Président de la Juridiction Administrative peut ordonner à l'auteur du manquement de se conformer à ses obligations et suspendre la passation du contrat ou l'exécution de toute décision qui s'y rapporte.</p>	<p><b>Andininy 78.-Fitsarana maika ny fifandirana mialoha ny fifampiraharana</b></p> <p>Ny Fitsarana maika ny fifandirana mialoha ny fifampiraharana dia mahakasika izay mety ho fitarainana na fanoherana mifandraika amin'ny fombafomba fandraiketam-barotramanomboka amin'ny fotoana fiantsoana ny daholobe hifaninana ka hatramin'ny fotoana amoahana ny vokatry ny fifaninanana.</p> <p>Ireo olona rehetra mety ho nahita tombontsoa tamin'ny fametrahana filatsahan-kifaninana na tamin'ny fandraiketana ny fifampiraharana, nefa mety niharam-pahavoazana vokatry ny tsy fanajàna ny fepetra momba ny fampahafantarana sy ny fampifaninanana, dia afaka mitory eny amin'ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny Fanjakana mahefa amin'izany.</p> <p>Nyfitoriana eny amin'ny Fitsarana dia tsy maintsy atao mialoha ny fanaovana sonia ny fandraiketam-barotra. Io fanaovan-tsonia ny fandraiketam-barotra io koa anefa dia tsy azo atao raha tsy tapitra ny folo andro aorian'izay tara indrindra amin'ireto daty manaraka ireto :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- fampahafantarana an-tsoratra ny mpifaninana fa nolavina ny tolobidiny;</li> <li>- fanaovana peta-drindrana ny valin'ny fampifaninanana eo amin'ny foiben-toeran'ny Manamahefa Mpandraiki-barotra</li> </ul> <p>Raha vantany vao voarain'ny Filohan'ny Fitsarana momba ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana mahefa amin'izany ny fitoriana, dia azony atao ny mandidy ny fanemorana ny fanaovan-tsonia ny fandraiketam-barotra mandra-pahatapitry ny paikady fanao, nefa mandritra ny fe-potoana tsy mihoatra ny roa-polo andro izany.</p> <p>Azon'ny Filohan'ny Fitsarana momba ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana atao koa ny mibaiko ilay tsy nanara-dalàna mba hanaja tanteraka ny adidiny sy hampiato ny fandraiketam-barotra na ny fanatanterahana izay fanapahan-kevitra rehetra mifandraika amin'izany fandraiketam-barotra izany.</p>
--	---

<p>Il peut également annuler ces décisions et supprimer les clause ou prescriptions destinées à figurer dans le contrat et qui méconnaissent lesdites obligations.</p> <p>La décision est prise en premier et dernier ressort en la forme des référés.</p> <p>Néanmoins, les personnes visées à l’alinéa 2 ci-dessus peuvent introduire un recours non juridictionnel, sous forme de demande de réexamen auprès de l’autorité contractante, et/ou de demande en révision auprès de l’Autorité de Régulation des Marchés Publics, d’une décision ou d’un acte que la Personne Responsable des Marchés Publics aurait pris en violation des règles et procédures de passation de marché.</p>	<p>Azony atao ihany koa ny manafoana izay fanapahan-kevitra na mamafa izay rijan-teny na femeperana nosoratana tao anaty fifanarahana kanefa tsy manaja ireny <b>fepetra</b> ireny.</p> <p>Nyfanapahan-kevitra ny Fitsarana dia indray miantoana ihany ary raisina ao anatin’ny fotoana faran’izay haingana.</p> <p>Na izany aza dia afaka manao fitarainana amina rafitra ivelan’ny Fitsarana ireo olona voalaza amin’ny andininy faha-2 etsy ambony ireo, ka mampiditra fangataham-pandinihana indray manoloana ny Manamahefa Mpandraiki-barotra, na/sy fangataham-panitsiana manoloana ny Manamahefa Mpandrindra ny Tsenambaro-panjakana mikasika izay fanapahan-kevitra noraisin’ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana ka tsy nanaja ny fepetra sy ny fombafomba fanao amin’ny fandraiketam-barotra.</p>
<p><b>Article 79.- Demande de réexamen auprès de l’autorité contractante</b></p> <p>La demande, sous forme de recours gracieux, vise à faire réexaminer par l’Autorité contractante ou la Personne Responsable des Marchés Publics une décision ou un acte qu’elle a pris dans la phase de passation et d’attribution des marchés. Le requérant expose ses griefs en vue de lui demander de corriger les lacunes constatées, de réviser sa position, ou d’annuler un acte qu’elle aurait pris en violation des textes en vigueur.</p> <p>La Personne Responsable des Marchés Publics est tenue d’y répondre dans un délai de dix jours. Le recours gracieux n’est pas suspensif des délais particuliers de recours définis au présent Code.</p>	<p><b>Andininy 79.-Fangataham-pandinihana indray manoloana nyManamahefa Mpandraiki-barotra</b></p> <p>Ny fangataham-pandinihana, izay miendrika taratasy fangatahana famindram-po, dia mikendry indrindra ny mba hamerenan’ny Manamahefa Mpandraiki-barotra na ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana indray ny fandinihana ny fanapahan-kevitra na ny raki-tsoratra noraisiny nandritra ny fotoana nanaovana ny fandraiketam-barotra sy fanomezana ny Tsenambaro-panjakana. Velabelarin’ily mpangataka ao amin’ny taratasy fangatahana ny fitarainany mba hanitsian’ny Manamahefa Mpandraiki-barotra, na ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana, izay lesoka voatsikaritra, hiverenany indray amin’ny fanapahan-kevitra efa noraisiny, na hanafoanany izay raki-tsoratra nataony kanefa tsy nanaja ny rijan-teny fampihatra.</p> <p>Tsy maintsy mamaly ny fangatahana ao anatin’ny folo andro ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana. Tsy mampiato ireo fe-potoana hafa fitoriana voalaza ao anatin’ity fehezan-dalàna ityny fitoriana fangataham-pandinihana indray.</p>

**Article 80.- Demande en révision auprès de l’Autorité de Régulation des Marchés Publics**

La demande en révision consiste, pour toute personne ayant un intérêt à soumissionner ou à conclure le contrat, et susceptible d’être lésée par le manquement aux obligations de publicité et de mise en concurrence, ainsi que pour les organisations de la Société civile, à saisir l’Autorité de Régulation des Marchés Publics en vue de réviser une décision, ou un acte, que l’Autorité contractante ou la Personne Responsable des Marchés Publics, aurait pris en violation des règles et procédures de passation de marché.

La demande en révision connaît toutes les réclamations ou contestations relatives à la procédure de passation des marchés, depuis le lancement de l’appel à concurrence jusqu’à la publication du résultat.

Dès sa saisine, le Directeur Général de l’Autorité de Régulation des Marchés Publics en informe l’autorité contractante concernée, lui demandant de fournir ses éléments de défense et lui enjoignant de suspendre la procédure de passation du marché jusqu’au prononcé de la décision pour une durée maximale de vingt jours.

La décision de l’Autorité de Régulation des Marchés Publics doit être prononcée dans un délai maximal de dix jours ouvrables à compter de la date de saisine.

En cas d’insatisfaction de l’une ou de l’autre partie, la décision de l’Autorité de Régulation des Marchés Publics est susceptible de contestation devant la Juridiction Administrative territorialement compétent.

**Andininy 80.- Fangataham-panitsiana manoloana ny Manamahefa Mpandrindra ny Tsenambaro-panjakana**

Ny fangataham-panitsiana dia mahakasika indrindra ireo olona rehetra mety ho nahita tombontsoa tamin’ny fametrahana filatsahan-kifaninana na tamin’ny fandraiketana ny fifampiraharaha, nefa mety niharam-pahavoazana vokatry ny tsy fanajàna ny fepetra momba ny fampahafantarana sy ny fampifaninanana, na koa ireo fikambanana ao amin’ny Fiaraha-monimpirenena, ka ahafahan’izy ireo mangataka amin’ny Manamahefa Mpandrindra ny Tsenambaro-panjakanamba hanitsy izay fanapahan-kevitra na rakisoratra nataon’ny Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana ka nandika ny fepetra sy fombafomba fanao amin’ny fandraiketam-barotra.

Ny fangataham-panitsiana dia mahenikaizay mety ho fitakiana na fanoheranamikasika ireo paika sy fombafomba fandraiketana Tsenambaro-panjakana, manomboka amin’ny fotoana fiantsoana ny daholobe hifaninana ka hatramin’ny fotoana amoahana ny vokatry ny fifaninanana.

Raha vantany vao voarain’ny Tale Jeneralin’ny Manamahefa Mpandrindra ny Tsenambaro-panjakana ny fangatahana dia ampahafantariny avy hatrany ny Manamahefa Mpandraiki-barotra sy angatahany izay mety ho fiarovantenan’ito farany, no sady andidiany ny fampiatoana ny paika sy fombafomba rehetra fandraiketam-barotra mandra-pivoaky ny fanapahan-keviny. Tsy tokony hihoatra ny roapolo andro raha be indrindra izany fampiatoana izany.

Ao anatin’ny fe-potoana folo andro iasana, aorian’ny nandraisany ny fangatahana, raha be indrindra no tsy maintsy amoahan’ny Manamahefa Mpandrindra ny Tsenambaro-panjakana ny fanapahan-keviny.

Raha tsy afa-po tamin’ny fanapahan-kevity ny Manamahefa Mpandrindra ny Tsenambaro-panjakana ny iray amin’ireo mpifanandrina, dia afaka mitory eny amin’ny ny Fitsarana misahana ny ady amin’ny Fanjakanamahefa amin’izany.

<p><b>Article 81.- Accès aux informations et protection des dénonciateurs</b></p> <p>L'accès aux informations relatives à la passation des marchés ainsi que la protection des dénonciateurs sont garantis par la présente loi.</p>	<p><b>Andininy 81.- Fahazoam-baovao sy fiarovana ireo mpiampanga mpitory nanome vaovao</b></p> <p>Iantohan'ity lalàna ity ny fahafahana mahazo vaovao mikasika ny fandraiketana Tsenambaro-panjakana sy ny fiarovana ny mpitory nanome vaovao.</p>
<p><b>Article 82.- Les recours aux fins d'indemnisation</b></p> <p>Postérieurement à la signature du contrat, tout soumissionnaire ou candidat irrégulièrement évincé peut introduire une action en dommages intérêts devant la juridiction administrative compétente au titre des préjudices personnels directs et certains que lui aura occasionnés l'attribution irrégulière du marché, à l'exclusion des pertes de profits futurs.</p>	<p><b>Andininy82.-Ny fitoriana fangatahana onitra</b></p> <p>Aorian'ny fanaovan-tsonia ny fifanarahana, ireo nandray anjara na ireo mpifaninanavoailika tamin'ny tsy ara-drariny dia afaka mampiditra fangatahanaonitramanoloana ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny Fanjakana mahefa amin'izany noho ireo fahavoazana mivantana sy hita fototra nihatra taminy, tsy ao anatin'izany izay mety ho fahavotsoran'ny tombom-barotra tokony ho azo, vokatry ny fanomezana tsy ara-dalàna ny Tsenambaro-panjakana.</p>
<p><b>Article 83.- Les domaines d'application des recours en matière d'attribution</b></p> <p>Les recours en matière d'attribution des marchés publics connaissent de toutes les réclamations ou contestations relatives à la procédure de passation de marchés, depuis le lancement de l'appel d'offres ou de la demande de proposition jusqu'à la publication du résultat de l'appel d'offres ou de la demande de proposition.</p> <p>Toutefois, ne peuvent pas faire l'objet de recours :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- le choix d'un mode de passation de marché ;</li> <li>- la décision de l'autorité contractante de rejeter toutes les offres ;</li> <li>- la décision de l'autorité contractante de ne pas donner suite à une manifestation d'intérêt ou à un appel d'offres.</li> </ul>	<p><b>Andininy83.-Ireo sehatra fanaovana fitoriana mikasika ny fanomezana Tsenambaro-panjakana</b></p> <p>Nyatao hoe fitoriana mikasika ny fanomezana Tsenambaro-panjakanadia izay rehetra mety ho fitarainana na fanoherana mikasika ny fandraiketana Tsenambaro-panjakanamanomboka eo amin'ny fanombohan'ny fitaomana hanao tolobidy na fitaomana hanome tolokevitra ka hatramin'ny famoahana ny vokatr'izany fitaomana izany.</p> <p>Na izany aza, tsy azo anaovana fitoriana mikasika ny fanomezana Tsenambaro-panjakana ireto toe-javatra manaraka ireto :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- ny fisafidianana ny fomba fandraiketana fifampiraharham-barotra ;</li> <li>- ny fanapahan-kevitra ny Manamahefa Mpandraiki-barotra hanilika ireo tolobidy rehetra ;</li> <li>- ny fanapahan-kevitra ny Manamahefa Mpandraiki-barotra tsy hanisy tohinyny fitaomana haneho fahalianana na ny fitaomana hanao tolobidy.</li> </ul>

